

**Malagasy**

***Fiderana  
sy  
Fiankohofana***

***Notontosain' l  
A.L. sy Joyce Gill***

*Fiderana*  
*sy*  
*Fiankohofana*

Notontosain'1  
A.L. sy Joyce Gill

**Boky notontosain'i A.L. sy Joyce Gill**

**Fampanantenan'Andriamanitra Ho An'ny Ilainao Rehetra**

**Ny fanekem-pitahian'Andriamanitra Ho Anao**

**Natao Hanjaka**

**Miala! Amin'ny Anaran'I Jesosy**

**Fandresena Ny Fahakiviana!**

**Ireo boky ao amin'ity Sokajy ity**

**Ny Fahefan'ny Mpino**

*Ahoana Ny Fomba Ialàna Amin'ny Faharesena Ary  
Manomboka Mandresy*

**Ny Fiangonana Mpandresy**

*Tarafina Amin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly*

**Ny Famatsin'Andriamanitra Ho Amin'ny'ny Fanasitranana**

*Mandray Sy Mizara  
Ny Herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra*

**Ny Asa Fanompoana**

*Apostoly, Mpaminany, Evanjelistra  
Mpiandry, Mpampianatra*

**Fahagagan'ny Filazantsara**

*Ny Drafitr'Asa an'Andriamanitra Hanatratrarana Izaon'ny Tontolo Izaon'*

**Fiainana Maodely**

*Ao Amin'ny Testamenta Taloha*

**Endriky Ny Olom-Baovao**

*Mahafantatra Ny Mahizy Anao Ao Amin'i Kristy*

**Ny Vavaka**

*Mitondra Ny Lanitra Ety An-Tany*

**Ny Fiainana Tsy Takatry Ny Saina**

*Amin'ny Alalan'ny Fanomezan'ny Fanahy Masina*

## Ireo Mpanoratra

A.L. sy Joyce Gill dia fanta-daza maneran-tany amin'ny maha Mpandaha-teny sy Mpampianatra Baiboly azy. Ny Asa Fanompoana Apostolikan'i A.L. dia nitondra azy tany amina firenena maherin'ny dimampolo maneran-tany, nitory teny mivantana tamina vahoaka iray hetsy mahery sy tamina vahoaka antapitrisany maro tamin'ny alalan'ny Haino Aman-jery.

Maherin'ny roa tapitrisa ireo Boky sy Asa Sorany lafo any Etazonia. Ampiasaina any amina Sekoly Ara-Baiboly sy Seminera maneran-tany ireo bokiny izay voadika amina Fitenim-pirenena maro.

Ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra izay manova fiainana dia tonga any amin'ny fiainan'ny hafa amin'ny alalan'ny toriteny, fampianarana, asa soratra , horonan-tsary ary horonam-peo.

Misy fanehoana ny voninahitra sy ny herin'Andriamanitra mahatalanjona ao amin'ireo seminera ataony amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana rehefa takatry ny mpino ny fomba hananana fifandraisana akaiky sy fiankohofana marina miaraka amin'ny Tompo. Maro ireo nahita sehampandresena vaovao sy faharisihana tamin'ny alalan'ny lesona momban'ny fahefan'ny Mpino.

I Gill mivady dia nanofana kristiana maro hiditra ao amin'ny asa fanompoana mahatalanjona avy amin'Andriamanitra miaraka amin'ny herin'ny Fanasitranan'Andriamanitra manasitrana amin'ny alalan'ny tany. Maro ireo nianatra ny tsy handeha araka ny lalàn'ny natiora rehefa navela hiasa ao amin'ireo fanomezam-pahasoavana sivin'ny Fanahy Masina any amin'ny asa fanompoany sy ny fiainany andavanandro.

I A.L sy Joyce dia samy manana marim-pahaizana “maitrise” amin'ny Teolojia. I A.L ihany koa dia manana “doctorat” amin'ny Filozofia Teolojika tao amin'ny “Visiona Christian University”. Ny Asa fanompoan'izy ireo dia manana fototra mafy eo ambonin'ny Tenin'Andriamanitra, mifantoka amin'i Jesosy, matanjaka amin'ny finoana, ary ampianarin'ny Herin'ny Fanahy Masina.

Ny Asa fanompoany dia fanehoana ny Fitiavana ao am-pon'Andriamanitra. Ny toriteniny sy ny fampianarany dia arahan'ny hosotra mahery, famantarana, fahagagan'ny Herin'Andriamanitra.

Ireo izay manatrika ny fivoriana ataony dia mahatsapa fifohazam-panahy anisan'izany ny hosotry ny fifaliana, fitomaniana eo anatrehan'ny Tompo ary ny asa lehiben'ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra

## Teny ho an'ny Mpampianatra sy Mpianatra

Amin'ny fianarana ny *Fiderana sy Fiankohofana*, ny mpino dia hahita ny fifaliana amin'ny fankanesana ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny famelana ny fanahiny amin'ny fanehoana ny hery, ny tsy fiovana, ara-baiboly ny fiderana lehibe ary fiankohofana akaiky dia akaiky amin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny fahamarinana voambara ato amin'ity boky ity, ny mpino dia ho lasa mpiankohoka isanandro.

Hery manafaka ao amin'ny Fanahy no hiasa eo amin'ny fiainan'izay “mitady an'Andriamanitra” amin'ny fanapahan-kevitra vaovao amin'ny famelana ny tenany, ny ainy, ny fanahiny mba hiaina izay rehetra aseho ato anatin'ity fianarana feno hery sy manova fiainana ity.

Zava-dehibe ny mandany fotoana tsy amin'ny fianarana izany fahamarinana izany ihany fa amin'ny fampiharana sy fiainana izay voambara ao amin'ny lesona ihany koa. Rehefa izany no miseho, dia hiseho ilay fanatrehana maharavoravo sy ny voninahitr'Andriamanitra.

Ny soso-kevitrany mialohan'ny hampianaranao ity, dia dia aoka hampiditra ao anatin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra ianao mikasika ny fitoriana filazantsara sy ny Iraka Lehibe. Soso-kevitra avy aminay ny “hamelomanao ao aminao” ary “handrehetanao ny afo” –n'ny herin'ny Fanahy Masina, mba hahatonga an'Andriamanitra hanamarina hatrany hatrany ny Teniny amin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana. Ity boky ity dia hanome anao sori-dalana izay afaka hampiasainao rehefa hampita ny fahamarinana amin'ny hafa ianao ary ho azy ihany koa dia hanana traikefa amin'ny fifaliana mitory filazantsara ary ombam-pahagagana amin'ny fiainana isanandro.

Tokony ho tadidinao foana fa ny Fanahy Masina no tonga mba hampianatra ny zavatra rehetra, ary, rehefa mianatra na mampianatra isika, dia tokony hotarihiny sy ho hampaherezin'ny Fanahy Masina hatrany.

Ity boky ity dia tsara ho an'ny fandalinana manokana na ho an'ny vondron'olona, sekoly Biblika, sekoly Alahady, ary vondrom-bavaka an-trano. Tena zava-dehibe ny hananan'ny mpampianatra na ny mpianatra ity boky ity ho fandalinana.

Ny boky tsara dia feno fanamarihina, voatsipika, azo saintsainina ary tsakotsakoana tsara. Noho izany ny mpianatra tsirairay dia tokony hanana ny bokiny manokana. Nasianay malalaka eny amin'ny sisiny mba ahafahanao mandray naoty na mandray fanampim-pahazavana. Ny endrika dia nataonay tamin'ny fomba tsotra mora hampiasaina raha hanao famerenana na hitady andalana amin'ny fomba mora kokoa. Amin'ity endrika manokana ity ny olona tsirairay dia afaka, mampianatra ny ao anatin'ny amin'ny hafa rehefa avy nandalina ny fampianarana izy.

Paoly nanoratra tamin'i Timoty hoe:

**“Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa.” 2 Tim 2:2**

Ity fampianarana ity dia natao toy ny fampiharana mivantana ao amin'ny fampianarana ara-baiboly ao amin'ny Minisiteran'ny Asa Fampandrosoana, fomba manokana natao ho any fampianarana voarindra. Io dia voatokana hanatsarana ny fiainana, ny asa fanompoana, ary ny fampianaran'ireo mpianatra amin'ny ho avy. Amin'ny alalan'ity boky ity, dia afaka mampianatra ny hafa mora kokoa ireo mpianatra teo aloha.

## Fanoroam-pejy

<b>Lesona Voalohany</b>	
<b>Fiderana Sy Fiankohofana</b> .....	<b>11</b>
<b>Lesona Faharoa</b>	
<b>Ny Maodelin'Andriamanitra Ho Amin'ny Fiankohofana</b> .....	<b>17</b>
<b>Lesona Fahatelo</b>	
<b>Ny Toro-làlan'Andriamanitra Amin'ny Fiderana</b> .....	<b>25</b>
<b>Lesona Fahaefatra</b>	
<b>Mitondra Fitahian'Andriamanitra Ny Fiderana</b> .....	<b>31</b>
<b>Lesona Fahadimy</b>	
<b>Teny Ara-Baiboly Momba Ny Fiderana</b> .....	<b>39</b>
<b>Lesona Fahaenina</b>	
<b>Ny Tanjon'Andriamanitra Mandrakizay Ho An'ny Fiankohofana</b> .....	<b>46</b>
<b>Lesona Fahafito</b>	
<b>Ny Mozika, Fanehoana Fiderana</b> .....	<b>53</b>
<b>Lesona Fahavalo</b>	
<b>Ny Fihetsiky Ny Vatana Amin'ny Fiderana</b> .....	<b>59</b>
<b>Lesona Fahasivy</b>	
<b>Sakana Amin'ny Fiderana</b> .....	<b>67</b>
<b>Lesona Fahafolo</b>	
<b>Manolotra Fanati-piderana</b> .....	<b>75</b>
<b>Lesona Faha Iraika Ambin'ny Folo</b>	
<b>Ny Asa Fisoronantsika Amin'ny Fiderana</b> .....	<b>84</b>
<b>Lesona Faharoa ambin'ny Folo</b>	
<b>Mivelona Amin'ny Maha Mpisorona</b> .....	<b>93</b>
<b>Lesona Fahatelo Ambin'ny Folo</b>	
<b>Fandresena Amin'ny Alalan'ny Fiderana Sy Fiankohofana</b> .....	<b>100</b>
<b>Lesona Fahaefatra Ambin'ny Folo</b>	
<b>Ny Fitarihana Fiderana Sy Fiankohofana</b> .....	<b>108</b>
<b>Lesona Fahadimy Ambin'ny Folo</b>	
<b>Manompo Amin'ny Maha Mpitarika Fiderana</b> .....	<b>117</b>

## Fampidirana

Na dia niditra teo amin'ny tabernakelin'i Mosesy isanandro ary taty aoriana tao amin'ny Tempolin'i Solomona aza ny mpisorona taranak'i Arona, dia ankehitriny koa amin'ny maha mpino-mpisorona antsika dia tokony hiditra ao amin'ny Fanetrahany isanandro.

Ny Tabernakelin'i Mosesy dia nisy vavahady izay nitondra mankao amin'ny kianja. Ny mpino rehetra dia afaka miditra eo an-kianja. Ny mpisorona dia miainga avy eo amin'ny kianja mba hanompo ao amin'ny Toerana Masina. Indray isan-taona, ny Mpisoronabe dia miditra ao amin'ny Toerana Masina Indrindra izay misy ny fiaran'ny fanekena.

Ny Toerana Masina Indrindra no taratry eto an-tany maneho ny toerana any an-danitra izay misy ny seza fiandrianan'Andriamanitra. Ny fiara, izay voarakotry ny Seza Fiandrianan'ny Fahasoavana no toerana teto an-tany, karazana fiandrianan'Andriamanitra. Ny tao amin'ny Toerana Masina Indrindra dia tao amin'ny tena Fanatrehan'Andriamanitra.

Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana, ny efitra lamba izay nampisaraka ny olona tamin'Andriamanitra dia triatra tamin'ny fomba mahagaga avy any ambony hatraty ambany. Ny olona dia tsy voatery ho tafasaraka amin'Andriamanitra intsony noho ny amin'ny fahotana. Afaka navela ny fahotan'ny olona. Ankehitriny, ny lehilahy sy ny vehivavy dia afaka miditra am-pahasahiana eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

Satria nandeha tsikelikely ny fidiran'ny mpisorona tamin'ny Testamenta Taloha, dia mandeha tsikelikely ihany koa ny amin'ny ankehitriny, ny fidirantsika isanandro eo amin'ny fanetrahany amin'ny fiderana sy fiankohofana amin'ny maha mpino mpisorona antsika. Tokony hiara-hiditra isika, miaraka amin'ny tena manontolo, rehefa miara-mivory. Ny fidirana dia mitaky fihetsika fankatoavana avy amintsika. Andriamanitra dia maniry antsika hiditra eo amin'ny fanetrahany, fa tokony hanana finjavana isika ny hanatanteraka izany.

Voalohany dia ampianarin'i Davida isika:

**“Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; Misaora Azy, mankalazà ny anarany” Salamo 100:4**

Miditra ny vavahadiny amin'ny fisaorana isika. Tsy afaka miditra ny vavahadiny amin'ny toe-po tsy mahay mankasitraka isika. Ny hirantsika voalohany raha hiditra ao amin'ny fiderana isika dia tokony maneho ny toe-pontsika feno fisaorana an'Andriamanitra.

Rehefa mandalo ny vavahady isika dia tafiditra eo amin'ny kianja. Tokony hisy dingana ny fidirantsika eo amin'ny fanetrahany. Tsy vonona ny hiditra tampoka ao amin'ny Toerana Masina indrindra isika, ao amin'ilay fotoana tena lalina amin'ny fiankohofana hafa kely, raha tsy nanana fotoana tao amin'ny kianja aloha isika. Ao amin'ny kianja dia ampianarina isika hidera. Eo isika dia miditra am-pifaliana amin'ny fihirana, fanaovana mozika, fitehafana sy fanandrata-tanana, ary matetika, amin'ny fandihizana eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fanehoantsika fiderana.

Rehefa maka fotoana tsara eo amin'ny kianjan'ny fiderana isika, dia manomboka mahatsapa zavatra misintona isika ao amin'ny fanahintsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Tsikelikely eo dia resin'ny maha Izy Azy isika. Manomboka miditra amin'ny ahavo-na fiderana hafa isika. Miditra ao amin'ny kianja anatiny, miditra ao amin'ny Toerana Masina amin'ny fiankohofana.

Tampoka eo, dia tsy mandihy sy miteha-tanana intsony isika. Lasa tena malina be amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika ka na dia ny tanantsika aza dia manomboka misandratra Aminy amin'ny fiankohofana hafa kely. Nia-miadana ny mozika. Ilay zavatra voalamina tsara teo aloha kely teo dia nijanona tampoka. Ny fahamasinan'ny fanatrehan'Andriamanitra dia mitady tsy ho voatohitra.

Rehefa mitohy miditra isika, dia mety hisy ranomaso hirotsaka amin'ny tavantsika. Indraindray, ny hany zavatra azontsika atao dia ny mijanona tsy mitendry sy mihira ary mitoetra mangina eo amin'ny Fanatrehany Masina. Tsy hitantsika intsony ny manodidina antsika. Mifantoka manontolo amin'Andriamanitra isika. Mitsangana eo amin'ny Fanatrehany isika, tafalatsaka ao amin'ny fitiavany.

Toa ohatran'ny tsy tsaroantsika akory, kay efa tafiditra ao amin'ny efitra lamba isika tahaka ireo Mpisoronabe. Mitsangana eo amin'ny Toerana Masina Indrindra isika. Akaiky, lalina kokoa amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika. Ny hosotra sy ny hery dia tsy hay faritana. Betsaka ny hiondrika na hihohoka eo anatrehan'ny. Ny sasany mety resin'ny Fanahy tanteraka.

Lasa manana fanazavana mahafinaritra ny fotoana izay nitondrana ny Fiaran'ny Fanekena tao amin'ny Tempolin'I Solomona isika,

**"Ary nony nivoaka avy tao amin'ny fitoerana masina ny mpisorona, dia nameno ny tranon'i Jehovah ny rahona; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona, satria ny voninahitr'i Jehovah nameno ny tranon'i Jehovah." 1 Mpanjaka 8:10,11**

Ankehitriny, vitsy dia vitsy ny mpino izay efa nahatsapa izany. Tokony hanomana ny fontsika isika. Miditra amin'ny alalan'ny toro-lalany sy fombany isika. Mamotsotra ny fanahintsika, ny aintsika ary ny tenantsika ho amin'ny fahafahana sy fivelarana fanehoana fiderana tsy hay afenina isika rehefa eo an-kianja.

Tokony hitohy hanakaiky kokoa an'Andriamanitra isika. Maniry ny hifandray lalina amin'ny fofom-badiny Izy. Fa, mila misisika, miamanakaiky miamanakaiky, mandrapatonga antsika iray Aminy. Tena irin'Andriamanitra mihitsy izany fotoana fifandraisana lalina amintsika tsirairay izany. Tokony ho vonona ny fontsika, voatolotra ary mikatsaka hatrany izany fotoam-piankohofana marina izay sarobidy, masina, ary tsy hay faritana.

Rehefa tafiditra isika, dia tsy tokony hiala amin'ny fanatrehany. Tokony hotazomintsika ary handaniansika fotoana. Rehefa ataontsika izany dia hiova ny fiainantsika. Akaiky loatra Azy isika ka ny toetrany dia miampita ka tafatoetra amin'ny fanahintsika. Arakaraka ny handaniansika fotoana eo amin'ny fanatrehany tanteraka, mifandray tanteraka Aminy, dia arakaraka izay ny hiovan'ny fanahintsika hitovy endrika Aminy, arakaraka izay ny hiovan'ny fiainantsika hitovy amin'I Jesosy Zanany Lahy, arakaraka izay no hiovantsika mitovy Aminy.

Amin'izany no misy ny firaisana tena avo indrindra. Amin'izany no tena hahenoantsika Azy mazava tsara. Ny hetahetan'ny fontsika dia tokony hitovy amin'ny an'i Davida tamin'izy nanoratra hoe:

**"Tahaka ny diera mihanahana maniry ny rano an'ony no anirian'ny fanahiko Anao, Andriamanitra ô. Mangetaheta an'Andriamanitra ny fanahiko, dia Andriamanitra velona; rahoviana no ho tonga aho ka hiseho eo anatrehan'Andriamanitra?" Salamo 42:1,2**

Mpanjaka Davida no nitondra ny Fiara niverina tany Jerosalema taorian'ny nahababo izany. Davida dia lehilahy araka ny fon'Andriamanitra izay nikatsaka ny fanatrehany hatrany hatrany. Nandritra ny efa-polo taona, hatramin'ny nananganana ny Tempolin'i Solomona, ny Fiara, naneho ny Fanatrehan'Andriamanitra, dia nitoetra tao amin'ny Tabernakelin'i Davida. Tsy nisy efitra lamba izay nampisaraka ny olona tamin'Andriamanitra. Tazan'ny mpidera rehetra ny Fiara manontolo. Ny fanatitra tokana tamin'ny Tabernakelin'i Davida dia fanatim-piderana an'Andriamanitra tsy misy fiafarana. Ny Tabernakelin'i Davida dia lasa fomba fanao amin'ny fiderana ho an'ny fiangonana ankehitriny.

Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 15:16,17, Jakoba dia manambara ny Amosa 9:11,12 rehefa nanoratra hoe:

**"Amin'izany andro izany dia hatsangako indray ny trano-bongon'i Davida izay efa nianjera, ary hotampenako ny efa banga ao; ary hamboariko izay efa rava aminy, ka hataoko tahaka ny taloha izy,**



**mba hananany izay sisa amin'i Edoma sy amin'ny jentilisa rehetra, izay hantsoina amin'ny anarako, hoy Jehovah, izay manao izany."**

Ankehitriny, dia miaina ny fahatanterahan'izany faminaniana izany satria Andriamanitra dia mamerina ny fiderana sy fiankohofana marina eo anivon'ny fiangonany. Tahaka an'i Davida, dia aoka ny tsirairay amintsika haniry loharano velona mandritra izany fotoana fanavaozana izany indray. Aoka isika hankeo amin'ny Fanatrehany ary mamotsotra ny fanahintsika ho voavoatra, vaovao ary mahery vaika amin'ny fanehoana fiderana marina an'Andriamanitra.

Ny vavako dia ny hahavoasintona anao akaiky hatrany ho ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ary hiaina ny fifandraisana lalina sy ny fiainana fiovam-piainana amin'ny fiderana marina.



## Lesona Voalohany

### *Fiderana sy Fiankohofana*

#### Fampidirana

Misy ainga vaovaon'ny Fanahy Masina izay hiainana eo amin'izao tontolo izao. Nisy fotoana ny fivoriam-piderana dia maimaina sy mampalahelo tao amina fiangonana maro. Kalon'ny fahiny maro avy ao amin'ny fihirana no niraina tsy misy aim-panahy. Ankehitriny, dia mahazatra no mahita mpino ao amin'ny fiangonana izay mitsangana, mihira, miteha-tanana ary mandihy eo anatrehan'ny Tompo mihitsy aza. Betsaka no miaina ny dikan'ny fiderana marina rehefa mandohalika sy manandratra ny tanany amin'Andriamanitra, amin'ny ranomaso mahakotsa ny tava, resy tanteraka eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra rehefa mihira hira fiankohofana tsara ho Azy.

Zava-maneno isan-karazany no miverina ao amin'ny fiangonana. Ny fiangonana dia tsy hampifalian'ny antoko mpihira intsony, na ny feo, izay manana fifandraisana kely amin'Andriamanitra. Fa kosa, miaina ny hosotr'Andriamanitra amin'ny fomba vaovao ny mpino.

Matetika ny voninahitr'Andriamanitra no mameno ny toerana rehefa mandalo amin'ny mpino rehetra ny heriny tahaka ny onja mifanesy. Tahaka ny andro nanokanana ny Tempoly, dia tsy vita ny mitsangana noho ny rahom-boninahiny.

**1 Mpanjaka 8:10,11 Ary nony nivoaka avy tao amin'ny fiterana masina ny mpisorona, dia nameno ny tranon'i Jehovah ny rahona; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona, satria ny voninahitr'i Jehovah nameno ny tranon'i Jehovah.**

#### Ny Famporisihan'I Davida

Davida dia lehilahy izay nahalala ny fomba fiderna an'Andriamanitra. Aoka izany teny famporisihana izany hisintona antsika ho eo anivon'izay ataon'ny Fanahy Masina ankehitriny amin'ny famerenana ny fiderana marina eo amin'ny fiangonany.

**Salamo 150:1-6 Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny. Midera Azy noho ny asany lehibe; miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny. Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara; miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga. Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina.**

**Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo. Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia.**

Tokony hider any Tompo isika!

## **Famaritana**

### ➤ *Fiderana*

Ny fiderana dia fanehoana fo feno fankasitrahana sy fisaorana an'Andriamanitra noho izay rehetra nataony ho antsika. Fanehoana ara-batana sy ara-peo ny fankasitrahantsika marina an'Andriamanitra izany noho ny fitahiana mahafinaritra rehetra nomeny.

### ➤ *Fiankohofana*

Ny fiankohofana no endrika fiderana ambony indrindra. Ny fiheverantsika mihoatra izay fitahiany mahafinaritra antsika, dia maneho ny fankafizantsika ary ny fandokafantsika an'Andriamanitra nohon'ny maha Izy Azy, ny toetrany, asany ary ny fahatanterahany.

Manompo an'Andriamanitra isika noho ny maha Izy Azy fa tsy noho ny zavatra nataony tamintsika fotsiny.

## **FAMPITAHANA NY FIDERANA SY FIANKOHOFANA**

---

### **Fiderana**

#### **Ny fiderana dia:**

- *Filazana tsara momban'ny*
- *Fanehoana fankafizana*
- *Fandokafana*
- *Fanandratana*
- *Fiarabana*
- *Fitehafana*
- *Fanaovana dokadoka*
- *Fanamboniana*

Ny fiderana dia fitenenana, na fihirana, momba an'Andriamanitra– tsara loatra Izy, ny zavatra nataony ho antsika.

### **Fiankohofana**

#### **Ny fiankohofana dia:**

- *Fanehoana fitsaohana*
- *Fananana fahatsapana fanajana*
- *Fiondrehana ambany manoloana izay hivavahana*
- *Fanomezana lanja ny famendrehana zavatra iray*
- *Fanomezan-toerana*

Ny fiankohofana dia firesahana, na fihirana amin'Andriamanitra. Nolalovanao ilay toerana nisainana ny zavatra nataony ary niditra tamin'ny fiankohofana Taminy noho ny maha Izy Azy.

➤ *Ny Fiderana Ambony Indrindra*

Ny fiankohofana no endrika fiderana ambony indrindra.

**Voalohany dia:**

- *Toe-po izany*
- *Fihetsika feno fankasitrahana manoloana ny Mpamorona*
- *Fiantombohana fisaintsainana lalina ao am-po*
- *Fisaintsainana lalina ny fahalebiazana sy ny fahamendrehan'Andriamanitra*

Ary fiaraha-misehon'ny fihevitra sy ny fihetsem-po izany. Tsy afaka homanina ny fiankohofana, fa tokony hidirana.

Farany, dia ny fidiran'ny aina tanteraka amin'ny fihetsika lalina maneho fanajana, fahatalanjonana, fahagagana ary fiankohofana.

## **INONA NY FIANKOHOFANA?**

---

Alohan'ny ahafahantsika miditra amin'ny fiankohofana, dia ilaina ny mahatakatra ny atao hoe fiankohofana.

### **Amin'ny Fanahy**

Avy amin'ny fanahy ihany no ahafahantsika manome fiankohofana marina.

**Jaona 4:24 Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.**

Ny miankohoka amin'ny fanahy dia miankohoka amin'ny fontsika manontolo. Ny miankohoka amin'ny fanahy ihany koa dia midika hoe miankohoka avy amin'ny fanahintsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, izay mitoetra ao amin'ny toerana miafina indrindra izay antsoin'ny Baiboly hoe fo, na fanahy.

### **Amin'ny Fahamarinana**

Ny miankohoka amin'ny fahamarinana dia mainakohoka sy mamela ny Tompo hitsilo ny lalina ao am-pontsika.

**Ohabolana 20:27 Jiron'i Jehovah ny fanahin'ny olona, Itsilovana ny efitrefitra rehetra ao am-po.**

**Jaona 14:16, 17 Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no**

**mahafantatra Azy, satria mitœtra eo aminareo lzy, ary ho ao anatinareo.**

## Manadio Ny Tenantsika

Satria tsy afaka miankohoka amin'Andriamanitra amin'ny nofo isika dia zava-dehibe ny manadio ny tenantsika amin'ny fisainan'ny nofo sy ny ratsy mba hahatonga ny anahintsika hiankohoka amin'ny alalan'ny Fanahiny.

**Kolosiana 3:5 Koa vonoy ny momba ny tenanareo izay ety antany, dia fijangajangana, fahalotoana, firehetam-po, fanirian-dratsy ary fieremana, dia fanompoan-tsampy izany.**

**Kolosiana 3:16,17 Aoka ny tenin'i Kristy hitœtra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kirampahy, mihira amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra. Ary na inona na inona no ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora Andriamanitra Ray amin'ny alalany.**

Tokony hanadio ny tenantsika isika ary hiankohoka amin'Andriamanitra amin'ny fo madio. Ny nofo tsy afaka mitsaoka an'Andriamanitra. Raha esorintsika amin'ny tenantsika daholo izay rehetra tsy avy amin'Andriamanitra, dia tsy na inona na inona ho tavela afa-tsy ny fanahintsika miankohoka amin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra sisa.

## **ABRAHAMA, OHATRA HO ANTSIKA VOALOHANY**

---

### Niankohoka Abrahama

Ny andinin-tSoratra Masina voalohany ny amin'ny fiankohofana dia mifandraika amin'i Abrahama.

**Genesisy 22:5 Ary hoy Abrahama tamin'ny zatovony: "mijanòna eto amin'ny boriky ianareo, fa izaho sy ny zazalahy handeha hankery; ary hivavaka izahay dia hiverina eto aminareo indray."**

### Ny Lalanan'ny Filazana Voalohany

Misy fitsipika fandikana ny Baiboly izay antsoina hoe "ny lalanan'ny fanononana voalohany" izay milaza fa ny filazan'ny Baiboly voalohany mikasika zavatra iray dia manome famantarana mazava ny dikany sy ny heviny eo amin'ny toerana hafa habitàna izany ao amin'ny Baiboly.

Ny fipotran'ny teny voalohany hoe "miankohoka" dia hita tamin'i Abrahama niresaka tamin'ily zatovo izay niaraka taminy sy Isaka tany Moria.

Ny maha-zava-dehibe ny fiankohofana dia hita ao amin'ny filazana azy voalohany.

## Nankatoa Abrahama

Ny navalin'i Abrahama ny didin'Andriamanitra dia fankatoavana.

Tsy azontsika eritreretina ny takian'ny fankatoavana izany didy izany tamin'i Abrahama. Isaka ilay zanaka nampanantenaina. Izy no fahatanterahan'ny fanekena nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama.

## Ny Fisoronana Tsy Moramora

Ny fihetsika fiankohofana tamin'izany fotoana izany dia azo antoka fa fihetsika fisoronana tsy moramora. Izany fihetsika fiankohofana izany nitaky tamin'i Abrahama ilay tsara indrindra taminy, ny fanatitra lehibe indrindra izay afaka ho nataony.

Ny fihetsika fiankohofana dia afaka ny mbola ho fanatitra lehibe ataon'ny tena manokana.

**Romana 12:1,2 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.**

Ny fiankohofana marina dia midika fa nisy fahafoizana ny momba ny tena manontolo ho an'Andriamanitra.

## Fihetsika Fankatoavana – Finoana

Ny fihetsika fiankohofana dia fihetsika fankatoavana sy finoana. Azo antoka Abrahama fa tsy tena nanana fo hiankohoka teto.

Tamin'ny andro fahatelo teny an-dàlana hanao fanatitra an'Isaka, dia hoy Abrahama hoe “Hiverina any aminareo izahay.”

Ny fihetsika fiankohofana dia lasa fihetsika finoana.

## Fahafoizana Ny Tena

Ny fahafatesan'Isaka dia midika ho fahafatesan'ny zavatra rehetra izay anton'ny nahaveloman'i Abrahama. Ny fikasana rehetra ao amin'ny Fanekena dia mifototra amin'ny fahaterahan'ny zananilahy. Ny zavatra rehetra izay ninoany dia tao amin'Isaka. Fihetsika fahafoizana tanteraka ho an'Andriamanitra izany.

Noho ny fankatoavan'i Abrahama hiankohoka, dia nitoetra teo ambonin'izany fiderana izany Andriamanitra ary nitondra fanomezana manokana momban'ny finoana izay nahatonga azy hanolotra an'Isaka ho fanatitra.

**Salamo 22:3 Kanefa masina Hianao, Ry mipetraka eo ambonin'ny fideran'ny Isiraely.**

Abrahama nitondra ny zananilahy ho fanatitra ary izany dia lasa azo oharina amin'ny fanatitra lehibe indrindra. Taty aoriana, dia mahita ny Ray isika mamela ny Zananilahy ho sorona, dia Jesosy. Mety ho azo antoka mihitsy aza fa Jesosy dia nohombohana teo amin'ilay toerana izay nanoloran'i Abrahama an'Isaka.

Mba hidirantsika amin'ny tena fiankohofana dia tokony afointsika ny fanirantsika manokana, ny nofinofintsika, sy ny tanjontsika.

**TOMBON-TSOA AMIN'NY FIDERANA**

---

**Saoly**

➤ *Nampahorian'ny Fanahy Ratsy*

**1 Samoela 16:14-17,23 Fa ny Fanahin'i Jehovah efa niala tamin'i Saoly, ary nisy fanahy ratsy avy tany amin'i Jehovah nampahatahotra azy.**

**Ary hoy ny mpanompon'i Saoly taminy: "Indro, ankehitriny misy fanahy ratsy avy any amin'Andriamanitra mampahatahotra anao. Aoka ny tomponay ankehitriny handidy anay mpanomponao izay eto anatrehanao, dia hitady olona mahay mitendry lokanga izahay; ary rehefa misy fanahy ratsy avy any amin'Andriamanitra tonga aminao, dia hitendry amin'ny tànan'ny izy, ka dia ho tsara ihany ianao."**

**Ary hoy Saoly tamin'ny mpanompony: "Mizahà ary olona izay mahay mitendry tsara, ka ento ety amiko."**

➤ *Mitondra Fanafahana Ny Mozika*

Isaky ny nankeo amin'i Saoly ilay fanahy ratsy, dia nalain'i Davida ny lokanga ka notendreny. Dia nihatsara Saoly; nahazo aina kokoa, ary niala taminy ny fanahy ratsy.

Tsara dia midika hoe mahay. Ny mpitendry sy ny mpihira dia tokony ho mahay. Ny mpanompon'i Saoly nahay nitady mpitendry mahay satria efa nahita ny herin'ny mozika misy hosotra taloha. Voafidy Davida.

**FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Soraty ny famaritanao na fahatakaranao ny atao hoe fiderana.
2. Soraty ny famaritanao na fahatakaranao ny atao hoe fiankohofana.
3. Inona no nanamarika ny fihetsika fiankohofan'i Abrahama raha handeha hanolotra an'Isaka zanany ho fanatitra izy?



## Lesona Faharoa

### *Ny Maodelin'Andriamanitra Ho Amin'ny Fiankohofana*

#### **Fiankohofana Eo Amin'ny Tabernakely**

Anisan'ny fitsipika iray amin'ny fandikana ny Baiboly dia ny "lalanana ny filazana in-betsaka." Izany fitsipika izany dia milaza fa ny fahabetsahan'ny toerana omena zavatra iray dia manambara ny maha-zava-debe azy.

Toko iraka amby dimam-polo ao amin'ny Testamenta Taloha dia natokana ho an'ny Tabernakely, maneho ny mahazava-dehibe izany amintsika.

#### **JERY TODIKA NY TABERNAKELY SY NY TEMPOLY AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA**

---

Misy tabernakely sy tempoly maro voalaza ao amin'ny Testamenta Taloha. Satria ireny no toerana izay nihaonan'ny olona tamin'Andriamanitra, izay nidirany teo amin'ny Fanatrehan'ny, dia zava-dehibe no ananantsika fahatakarana lalina momba ireny sy ny fahasamihafana amin'izy ireny.

#### **Tabernakelin'I Mosesy**

Ny maodely na ny rafitra momba ny tabernakelin'i Mosesy dia nomen'Andriamanitra tamin'ny antsipirihany. Ny Tabernakely dia midika hoe trano lay ary nampiasaina izany tamin'ny nifindran'ny Zanak'Israely tany an'efitra.

Ny Tabernakelin'i Mosesy no toerana fanaovana fanompoam-pivavahana tao amin'ny Testamenta Taloha. Izany no fitoeran'ny Fiaran'ny fanekena miserana. Tao ny Fanatrehan'Andriamanitra no nitoetra ary toa no nanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona. Matetika rehefa nanota ny Zanak'Israely, dia babon'ny fahavalony ny Fiaran'ny fanekena.

Nipetraka tao Silo ny Tabernakelin'i Mosesy.

#### **Ny Tabernakelin'I Davida**

Satria Davida dia lehilahy mpiady, dia tsy navelan'Andriamanitra hanangana ny tempoly izy. Nomen'Andriamanitra azy ny planina fanamboarana ny tempoly, ary nanganonin'i Davida ny fitaovana rehetra hanamboarana ny tempoly.

Ny fiaran'ny fanekena dia nipetraka tao amin'ny Tabernakelin'i Davida rehefa naverin'ny Filistina ary talohan'ny nananganana ny tempolin'i Solomona izany.

Ny tanjon'ny Tabernakelin'i Davida voalohany dia ny fiderana an'Andriamanitra amin'ny fomba tena manokana.

Ny Tabernakelin'i Davida dia afaka jerena tahaka ny “varavaran-kely” misokatra raha ny mahakasika ny fanompoam-pivavahana ao amin'ny Testamenta Taloha. Ilay varavaran-kely dia didinin'ny lay na karazana tabernakely tao amin'ny Testamenta Taloha, fa ny tao anatiny dia hafa mihitsy. Ny mpisorona dia niditra ny vavahady tamin'ny fisaorana ary ny kianja tamin'ny fiderana satria ilay Fiaran'ny Fanekena dia hita manontolo. Tsy nisy ny Toerana Masina Indrindra miaraka amin'ilay efitra lamba ary ny fanatitra natolotra dia ny fanati-piderana ihany.

Naharitra efapolo taona io varavaran-kely io talohan'ny nananganana ny Tempolin'i Solomona. Nihidy amin'izay ny varavaran-kely ary nafindra tao amin'ny Tempolin'i Solomona ny Fiaran'ny Fanekena. Dia niverina indray ny fanaovana fanatitra ny biby.

### **Ny Tempolin'I Solomona**

Ny Tempolin'i Solomona dia namboarina mitovy kokoa amin'ny Tabernakelin'i Mosesy. Tao no tokony nitoeran'ny Fiaran'ny Fanekena farany. Ny filanjana ny tabernakely dia efa noesorina. Fitoerany tsy nifindrafindra izany, natao tamin'ny marbra sy volamena, fa tsy lay miserana fotsiny.

Na izany aza, nandritra ny taona maro, ny Tempolin'i Solomona dia afaka ny ho rava. Rehefa resy ny Israely ka nisy mpanjaka hafa nangataka harena be haloa aminy, ny fanaka volamena dia nalaina tao amin'ny Tempoly mba hahatanterahana izany fangatahana izany. noesorina tamin'ny rindrina ny volamena, tamin'ny andry, ary tamin'ny varavarana. Nisy fotoana Manase nanangana alitara ho an'andriamanitra tsy izy, nisy trano kely natsangana hitoeran'ny sodomita sy ny fanaony teo amin'ny kianjan'ny Tempoly ary nisy soavaly “voahasina” novonoina tao anatin'ny kianja.

Farany, ny Tempolin'i Solomona dia ravan'ny Kaldeana tanteraka izay nambabo ny zavatra sarobidy rehetra ho any Babylona ary dia nandoro ny Tempoly iray manontolo.

### **Ny Tempolin'I Zerobabela**

Ny Tempoly dia natsangana 520 taona talohan'I Kristy ary tsy nanana fahatsarana tahaka ny Tempolin'i Solomona fa saingy lehibe kokoa. Maro tamin'ny fitaovana nanaovana ny Tempolin'i Solomona no tsy hita tao. Very ny Fiaran'ny Fanekena.

### **Ny Tempolin'I Heroda**

Rehefa azon'i Heroda ny fifehezana an'i Jodia dia natsangany indray ny Tempolin'i Zerobabela. Heroda dia

nanagana izany avy amina fo mitsaoka. Nanana fitiavana manorina izy ary nanorina trano maro nandritra ny fanjakany. Ny Tempolin'i Zerobabela dia tsotra be tsy nisy endrika firy raha ny nanaovany azy. Tao amin'ny Tempolin'i Heroda no nivezivezen'I Jesosy. Mbola natao tao daholo ny asan'ny mpisorona rehetra ary tao no nanonganana'I Jesosy ny latabatry ny mpanakalo vola.

**Matio 21:12,13 Ary Jesosy niditra teo an-kianjan'ny tempolin'Andriamanitra, dia nandroaka izay rehetra nivarotra sy nividy teo an-kianjan'ny tempoly ka nanjera ny latabatry ny mpanakalo vola sy ny fipetrahan'ny mpivarotra ny voromailala.**

**Dia hoy lzy taminy: "Efa voasoratra hœ: "Ny tranoko hatao hœ trano fivavahana; fa ianareo kosa manao azy ho zohy fieren'ny jiolahy."**

Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, ny lamba izay nampisaraka ny Toerana Masina amin'ny Toerana Masina Indrindra (mitovitovy amin'ny lamba firakotra matevina be) dia triatra tamin'ny fomba mahagaga avy any ambony hatraty ambany.

Raha ny tantaran'ny taranaka Jiosy no jerena, dia ny Mpisoronabe ihany no nahazo niditra tao amin'ny Toerana Masinaonly indrindra. Ny Toerana Masina indrindra no toerana izay nametrahana ny Fiaran'ny Fanekena. Tao no toerana izay nitoeran'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Ny lamba triatra avy any ambony ka hatrany ambony dia midika fa fisarahana teo amin'ny olona sy Andriamanitra dia tapitra. Izao ny olombelona dia manana tombontsoa hankeo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra!

Naminany Jesosy hoe tsy hisy vato hifanongoa amin'ity Tempoly ity ary ny Romana dia nandrava izany 70 taona taorinan'I Jesosy Kristy. Ny Tempoly sy ny trano rehetra nanodidina dia nodorana iray manontolo, nitsonika ny volamena ary nikoriana teny anelakelan'ny vato. Mba ahazoana ny volamena dia noesorina ny vato, izay dia manambara ny fahatanterahan'ny faminanian'I Jesosy.

**Matio 24:2 Fa lzy namaly ka nanao taminy hœ: "Tsy hitanareo va ireo rehetra ireo? Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana."**

## **NY LALAN'NY NANDEHANAN'NY FIARA**

---

Ny Fiara dia nipetraka tao amin'ny Tabernakelin'i Mosesy hatramin'ny andron'i Ely. Avy eo nisy nangalatra izany ho vokatry ny fitsarana ny ankohonan'I ely.

**1 Samoela 2:30-32a Koa izany no anaovan'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, hœ: "Efa voalazako tokoa fa ny taranakao sy ny tarana-drainao no handeha eo anatrehako**

**mandrakizay; fa ankehitriny kosa, hoy Jehovah, sanatria Ahy izany; fa izay manome voninahitra Ahy no homeko voninahitra, ary izay manamavo Ahy no ho afa-baraka. Indro, avy ny andro izay hanapahako ny sandrinao sy ny sandrin'ny tarana-drainao, ka tsy hisy lehilahy ho tratrantitra amin'ny taranakao. Ary hahita ny manjo ny fonenako ianao.”**

**1 Samoela 2:34-35 Ary izao no ho famantarana ho anao, izay hanjo ny zanakao roa lahy, dia Hofinia sy Finehasa: ho indray andro maty izy mirahalaky. Ary Izaho hanangana mpisorona mahatoky ho Ahy, izay hanao araka ny ato am-poko sy ato an-tsaiko; ary Izaho hampaharitra ny taranany, ka handeha eo anatrehan'ny voahosotro mandrakizay izy.**

Ny Fiaran'ny Fanekena dia nangalarin'ny Filistina nandritra ny ady ary noentiny tany amin'ny tanin'ny Filistina, nitondra fitsarana sy fahapotohana taminy izany n'aiza n'aiza nalehany.

**1 Samoela 5:1-4,6,7 Dia nalain'ny Filistina ny fiaran'Andriamanitra ka nentiny niala tany Ebenezer ho any Asdoda. Ary nony efa azon'ny Filistina ny fiaran'Andriamanitra, dia nentiny tao an-tranon'i Dagona izy ka napetrany teo anilany. Ary nony ampitson'iny dia nifoha maraina koa ny Asdodita, ka indro Dagona potraka niankohoka tamin'ny tany teo anoloan'ny fiaran'i Jehovah; dia narenin'ny olona izy ka napetrany teo amin'ny fitaerany indray.**

**Ary nony ampitson'iny indray dia nifoha maraina koa ny olona, ka indro Dagona potraka niankohoka indray tamin'ny tany teo anoloan'ny fiaran'i Jehovah, ary tapaka teo amin'ny tokonambaravarana ny lohan'i Dagona sy ny felatanany roa; fa ny tenabeny ihany no sisa.**

**Ary navesatra tamin'ny Asdodita ny tanaan'i Jehovah, fa nandringana azy Izy; ary nasiany vay ny tao Asdoda sy ny tamin'ny fari-taniny rehetra. Ary rehefa hitan'ny mponina tao Asdoda fa nisy izany, dia hoy izy: “Aza avela hitaetra eto amintsika ny fiaran'ny Andriamanitry ny Israely; fa mavesatra amintsika sy amin'i Dagona andriamanitsika ny tanaan’ny.”**

## **Nalefa Tany Jerosalema Ny Fiara**

Noho ny fitsaran'Andriamanitra, dia niantso ny mpisorony ny Filistina hivory ary nanontany azy ny fomba hamerenana ny Fiara. Tsy nisy mpitondra izany fa ombivavy roa izay noesorina taminy ny zanany ka hanaraka ho azy ny zanany. Nefa, ireo ombivavy dia nizotra tany amin'ny tananan'ny Israely avy hatrany.

Navelan'Andriamanitra hitondra ny Fiara tamin'ny sariety ny Filistina. Tsy nisy olona voatokana hitondra izany. fa jereo no nitranga rehefa niezaka ny hanao izany ny olon'Andriamanitra.

**1 Samoela 6:7,8 Koa ankehitriny manaova sariety vaovao, ary mangalà ombivavy roa mitaiza, izay tsy mbola nasiana zioga, dia afehezo amin'ny sariety ny ombivavy, ka ento mody ny zanany hiala aminy. Ary alao ny fiaran'i Jehovah, ka apetraho eo ambonin'ny sariety, dia ataovy ao anaty vata kely eo anilany ny fanaka volamena haterinareo ho Azy ho fanati-panonerana, ka ampandehano izany.**

## **Fampitandremana Ho Antsika**

Tian'i Davida hafindra avy any Kiriata-Jearima mankany Tendrombohitry'i Ziona ny Fiara ary tena misy fampitandremana be mihitsy tamin'ny fanandramany hamindra ny Fiara voalohany.

**1 Tantara 13:7,8,10 Ary nentiny tamin'ny sariety vaovao niala tao an-tranon'i Abinadaba ny fiaran'Andriamanitra, ary Oza sy Ahio no nampandeha ny sariety.**

**Ary Davida sy ny Isiraely rehetra dia nitsinjaka fatratra teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny hira sy ny lokanga sy ny valiha sy ny ampongatapaka sy ny kipantsona ary ny trompetra.**

**Dia nirehitra tamin'i Oza ny fahatezeran'i Jehovah, ka namely azy lzy noho ny naninjirany ny tånany tamin'ny fiara, dia maty teo anatrehan'Andriamanitra izy.**

Misy tsy fankatoavana ny dingana nomen'Andriamanitra izay fantatra sy efa nampiharina. Davida no tompon'andraikitra, tahaka antsika amin'ny “fanaovana ny fivoriana.”

## **Ny Fiderana Dia Tsy Afaka Manakana Ny Tsy Fankatoavana**

Davida sy ny lehilahiny dia nampiasa sariety hamindrana ny Fiara, fa Andriamanitra dia nandidy mba ho lanjain'ny Levita eo amin'ny sorony amin'ny tahony ny Fiara. Ny Fanatrehan'Andriamanitra dia tsy afaka noentina tamina sariety. Olona manokana, voatolotra ihany no afaka mitondra izany.

Davida sy ny Isiraely rehetra dia nihira sy nitendry zavamananeno teo anatrehan'ny Tompo, fa tsy nankatoa izy ary fahafatesana no vokatr'izany.

Ny fiara dia tafafindra soamantsara taty aoriana rehefa nankatoa ny toro-làlan'Andriamanitra.

**1 Tantara 15:2 Ary tamin'izay dia hoy Davida: “Tsy misy tokony hitondra ny fiaran'Andriamanitra afa-tsy ny Levita ihany, satria izy no efa nofidin'i Jehovah hitondra ny fiaran'Andriamanitra sy hanao fanompoam-pivavahana ho Azy mandrakizay.”**

Tsy hoe satria maniry ny Fanatrehan'Andriamanitra isika amin'ny fiderantsika dia ataontsika amin'ny “fombantsika mahazatra.” Ny fanatrehan'ny Tompo dia tokony hidirantsika amin'ny fomba vaovao hatrany. Ny “sariety”

nety tamin'ny erinandro, hira tamin'izany, gadona, filaharana, sns., tsy voatery hoe mety amin'ity erinandro ity.

## **FIDERANA TAO AMIN'NY TABERNAKELIN'I DAVIDA**

---

Ny fiderana dia ampahany lehibe tamin'ny fiankohofana tao amin'ny Tabernakely.

Noentin'i Davida tao Ziona ny Fiara ary napetrany tao amin'ny lay izay antsointsika hoe Tabernakelin'i Davida.

Mahaliana ny mahita fa Andriamanitra dia tsy niteny an'i Davida hametraka ny Fiara tao amin'ny Tabernakelin'i Mosesy, fa ny andro sisa niainan'i Davida, hatramin'ny nananganana ny Tempolin'i Solomona, dia nipetraka tao amin'ny Tabernakelin'i Davida ny Fiaran'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

**1 Tantara 16:1,4-9,31,34 Ary nampiditra ny Fiaran'Andriamanitra ny olona ka nametraka azy tao afovoan'ny lay izay naorin'i Davida ho azy; ary nanatitra fanatitra dorana sy fanatipihavanana teo anatrehan'Andriamanitra izy.**

**Ary ny Levita sasany notendren'i Davida ho mpanao fanompoampivavahana eo anatrehan'ny fiaran'i Jehovah mba hankalaza sy hisaotra ary hidera an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Asafa no lohany, ary Zakaria no nanarakaraka, dia Jeiela sy Semiramota sy Jehiela sy Matitia sy Eliaba sy Benaia sy Obededoma ary Jeiela no nitendry ny valiha sy ny lokanga; fa Asafa no nampaneno ny kipantsona; Benaia sy Jahaziela mpisorona kosa no mpitsoka ny trompetra mandrakariva eo anoloan'ny fiaran'ny faneken'Andriamanitra.**

**Tamin'izay andro izay no voalohan'ny nanendren'i Davida an'i Asafa sy ny rahalahiny hidera an'i Jehovah.**

**Miderà an'i Jehovah, miantsoa ny anarany; ampahafantaro ny firenena ny asany. Mihirà ho Azy, mankalazà Azy; saintsaino ny fahagagana rehetra ataony.**

**Aoka ho faly ny lanitra ary ho ravo ny tany; ary aoka holazaina any amin'ny firenena hœ:” Jehovah no Mpanjaka.”**

**Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy: Fa mandrakizay ny famindrampony.**

### **Zava-maneno Ho Amin'ny Fiderana**

Nisy zava-maneno maro izay nampiasaina amin'ny fiderana tao amin'ny Tabernakelin'i Davida.

**Salamo 150:1-6 Haleloia. Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina. Miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny. Midera Azy noho ny asany lehibe; miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny. Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara; miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga. Miderà Azy amin'ny**

**ampongatapaka sy ny dihy; miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina. Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo. Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia!**

Amin'ity Salamo fohy ity, Davida dia manao lisitra zava-maneno fito izay natao ampiasaina hiderana an'Andriamanitra. Ny farany sy tena lehibe indrindra dia ny feontsika.

- *trompetra*
- *valiha*
- *lokanga*
- *ampongatapaka*
- *zava-maneno tendrena*
- *sodina*
- *kipantsona*

### **Ny herin'ny Fiderana sy Fiankohofana**

- *Rahom-boninahitra*

Rehefa nafindra avy ao ami'ny Tabernakelin'i Davida ho ao amin'ny Tempolin'i Solomona ny Fiara, ny mpisorona sy ny vahoaka dia nidera ny Tompo mandrapamenoan'ny voninahiny ny Tempoly.

**2 Tantara 5:13-14 Ary efa toy ny feo iray no fandrenesana ny mpitsoka trompetra sy ny mpihira, raha nidera sy nisaotra an'i Jehovah izy; ka nony nanandratra ny feony izy sady nampaneno ny trompetra sy ny kipantsona sy ny zava-maneno isan-karazany ka nidera an'i Jehovah: "fa tsara lzy, fa mandrakizay ny famindram-pony," dia feno rahona ny tranon'i Jehovah; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona; fa feno ny voninahitr'i Jehovah ny tranon'Andriamanitra.**

### **Maodely ho an'ny Fiangonana**

Satria afaka nojeren'ny maso nandritra ny efapolo taona ny Fiara, dia lasa maodely ho an'ny fiangonana tsirairay na rehetra ny Tabernakelin'i Davida amin'ny fiderana an'Andriamanitra.

**Asan'ny Apostoly 15:16,17,18 "Rehefa afaka izany, dia hiverina Aho ka hanangana ny trano-lain'i Davida izay efa nianjera; ary hanangana izay efa rava ao Aho ka hanamboatra azy indray; mba hitady ny Tompo ny olona sisa sy ny jentilisa rehetra, Izay efa niantsoana ny anarako, hoy Jehovah, Izay manao izany zavatra fantatra hatramin'ny voalohany indrindra izany."**

Jakoba dia nilaza ny faminanian'i Amosa mpaminany amin'ity andinin-tSoratra Masina ity.

**Amosa 9:11,12 "Amin'izany andro izany dia hatsangako indray ny trano-bongon'i Davida izay efa nianjera, ary hotampenako ny efa banga ao; ary hamboariko izay efa rava aminy, ka hataoko tahaka ny taloha izy; mba hananany izay sisa amin'i Edoma sy amin'ny jentilisa rehetra, izay hantsoina amin'ny anarako," hoy Jehovah, izay manao izany.**

Andriamanitra dia mamerina, amin'ny tontolon'ny fanahy, ny Tabernakelin'i Davida. Tena azo antoka fa hamerina ny endrika fiderana rehetra tao amin'izany Tabernakely izany amin'ny tenan'ny fiangonana Izy.

### **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Tamin'ny andron'i Davida dia tena lay ara-bakiteny ny Tabernakely, ary inona ny Tabernakelin'i Davida ankehitriny?
2. Rehefa nanandrana voalohany namindra ny Fiarana ny Mpanjaka Davida, dia inona no nahafaty an'i Oza?
3. Inona no mahasamihafa ny Tabernakelin'i Davida amin'ny Tabernakelin'i Mosesy amin'ny fanehoana maodelim-piderana?



## Lesona Fahatelo

### *Ny Toro-lalan'Andriamanitra Ny Amin'ny Fiderana*

Ny Soratra Masina dia feno torolalan'Andriamanitra ho an'ny olony ny amin'ny fomba fiderana Azy sy fiankohofana Aminy. Tena zava-dehibe ny maka fotoana hamakiana ny Teniny ahafantarantsika hoe:

- *Fa maninona isika no tokony hidera Azy*
- *Iza no tokony hidera Azy*
- *Oviana isika no tokony hidera Azy*
- *Aiza isika no tokony hidera Azy*

#### **FA MANINONA ISIKA NO TOKONY HIDERA AN'ANDRIAMANITRA?**

---

##### **Satria Izy**

- *Mendrika Ny Fisaorantsika*

**Salamo 107:1,2,8 Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy! Fa mandrakizay ny famindram-pony. Aoka hanao izany ny navotan'i Jehovah, dia izay navotany ho afa-ka tamin'ny tanan'ny fahavalo.**

**Aoka hidera an'i Jehovah ireo noho ny famindram-pony sy ny fahagagana ataony amin'ny zanak'olombelona!**

- *Mendrika Ny Fiderana*

**2 Samoela 22:4 Miantso an'i Jehovah Izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko.**

- *Lehibe*

**Salamo 48:1 Lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, ao an-tanànan'Andriamanitsika, ao an-tendrombohin'ny masina.**

**Salamo 96:4 Fa lehibe Jehovah ka mendrika hoderaina indrindra, sady mahatahotra, fa ambonin'ny Andriamanitra rehetra.**

- *Mahery Amin'ny Asany*

**Salamo 150:2 Midera Azy noho ny asany lehibe; miderà Azy araka ny haben'ny voninahiny!**

Izy no Tompon'ny fahefana faratampony, Ilay Tompon'ny hery lehibe. Izy no alohan'ny zavatra rehetra sy ambonin'ny zavatra rehetra.

##### **Nifidy Antsika**

**Lioka 10:20 Kanefa aza mifaly ianareo, satria manaiky anareo ny fanahy; fa mifalia, satria voasoratra any an-danitra ny anaranareo.**

➤ *Hanome Voninahitra An'andriamanitra*

**Salamo 50:23** Izay manatitra fanati-pisaorana no manome voninahitra Ahy; ary izay mitandrina ny lalany no hanehoako ny famonjen'Andriamanitra.

**Salamo 69:30** Hankalaza ny anaran'Andriamanitra amin'ny fihirana aho, ary hidera Azy amin'ny fisaorana.

**Naharay Didy Isika Hidera**

➤ *Avy Amin'i Davida*

**Salamo 149:1** Haleloia! Mihirà fihiram-baovao ho an'i Jehovah, ny fiderana Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona masina.

➤ *Avy Amin'i Paoly*

**Efesiana 5:19** Ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo ...

➤ *Avy Amin'i Jaona*

**Apokalypsy 19:5** Ary nisy feo koa nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianana ka nanao hœ: "Miderà an'Andriamanitsika ianareo mpanompony rehetra, dia ianareo izay matahotra Azy, na ny kely na ny lehibe!"

**Satria Tsara Izany**

**Salamo 92:1,2** Tsara ny hidera an'i Jehovah sy ny hankalaza ny anaranao, ry Avo Indrindra ô; ary hanambara ny famindram-ponao nony maraina sy ny fahamarinanao nony alina.

**Satria Mendrika Izany**

**Salamo 147:1** Haleloia! Fa tsara ny mihira ho an'Andriamanitsika; eny, mamy sady mendrika ny fiderana.

**Satria Mahafinaritra Izany**

**Salamo 33:1** Mihobia ho an'i Jehovah ianareo, ry olo-marina! Fa mendrika hataon'ny olo-mahitsy ny fiderana.

Misy ny olona sasany matahotra midera an'Andriamanitra, satria mihevitra izy fa tsy mendrika izany. Tsy izany anefa no ambaran'ny tenin'Andriamanitra.

**2 Samoela 6:14-16,21-23** Ary Davida nitsinjaka mafy dia mafy teo anatrehan'i Jehovah sady nialotra efoda rongony fotsy. Ary Davida sy ny taranak'i Isiraely rehetra nampakatra ny fiaran'i Jehovah tamin'ny hoby sy ny feon'ny anjomara.

Ary nony tonga teo an-Tanànan'i Davida ny fiaran'i Jehovah, dia nitsirika teo am-baravarankely Mikala, zanakavavin'i Saoly, ka nahita an'i Davida mpanjaka nibitaka sy nitsinjaka teo anatrehan'i Jehovah; ka dia nikizaka azy tao am-pony izy.

Ary hoy kosa Davida tamin'i Mikala: "Teo anatrehan'i Jehovah, izay nifidy ahy noho ny rainao sy ny ankohonany rehetra ka

nanendry ahy ho mpanapaka ny Isiraely, olon'i Jehovah, eny, teo anatrehan'i Jehovah no nitsinjahako." Ka dia tsy nanan-janaka intsony mandra-pahafatiny Mikala, zanakavavin'i Saoly.

### Andriamanitra Mitoetra Eo Ambonin'ny Fiderana

**Salamo 22:3 Kanefa masina Hianao, Ry mipetraka eo ambonin'ny fideran'ny Isiraely.**

Raha feno fiderana ny fontsika, dia feno an'Andriamanitra izy. Raha feno fiderana ny tranontsika, dia feno an'Andriamanitra izy.

Afaka ny ho feno ny fanatrehan'Andriamanitra isika rehefa feno fiderana.

### Ny Fiderana Manome Hery

**Nehemia 8:10b Fa masina ho an'ny Tompontsika ity andro ity; koa aza malahelo ianareo, fa ny fifaliana avy amin'i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo.**

**Salamo 28:7 Jehovah no heriko sy ampingako; izy no nitokian'ny foko, ka voavonjy aho; dia mifaly ny foko, ka ny hirako no hiderako Azy.**

### Ny Fiderana Mitondra Fahafaham-Po

Ny fanahy midera dia mifaly eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ary Andriamanitra manome izay irin'ny fony.

**Salamo 37:4 Ary miravoravao amin'i Jehovah ianao, dia homeny anao izay irin'ny fonao.**

Diniho anie fa ny fiderana dia mandeha alohan'ny fitahiana. Satria ny fiderana mampianatra antsika hahay hametraka ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika, ary Andriamanitra afaka manome izay irin'ny fontsika.

### Ny Fiderana Mitondra Fandresena

**Salamo 18:3 Miantso an'i Jehovah izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko.**

**2 Tantara 20:21,22 Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: "Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony."**

Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.

Eny fa na dia eo amin'ny ady isan'andro aza, dia ny fiderana mitondra fandresena.

## **IZA NO TOKONY HIDERA AN'ANDRIAMANITRA?**

---

### **Ny Nofa Rehetra**

**Salamo 145:21 Ary aoka ny nofo rehetra hankalaza ny anarany masina mandrakizay doria.**

### **Ny Fanahiko**

**Salamo 103:1,2 Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina! Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko; Ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra,**

### **Izay Rehetra Manam-Pofonaina**

**Salamo 150:6 Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia!**

### **Ny Firenena Rehetra**

**Salamo 67:3,5 Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra. Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra.**

**Salamo 78:4 Dia tsy mba hafenintsika amin'ny zanany; fa hambarantsika amin'ny taranaka ho avy ny fiderana an'i Jehovah sy ny heriny ary ny fahagagana izay efa nataony.**

**Salamo 79:13 Fa izahay, olonao sy ondry fiandrinao, dia hisaotra Anao mandrakizay; hatramin'ny taranaka fara mandimby no hilazanay ny fideràna Anao.**

### **Ny Marina**

**Salamo 140:13 Eny tokoa, ny marina hisaotra ny anaranao; hitoetra eo anatrehanao ny mahitsy.**

### **Ny Olona Masina**

**Salamo 145:10 Jehovah ô, midera Anao ny asanao rehetra; ary ny olonao masina misaotra Anao.**

### **Ireo Navotana**

**Salamo 107:1,2 Miderà an'i Jehovah, fa tsara Izy! Fa mandrakizay ny famindram-pony. Aoka hanao izany ny navotan'i Jehovah, dia izay navotany ho afa-ka tamin'ny tanan'ny fahavalo.**

### **Ireo Izay Matahotra An'i Jehovah**

**Salamo 22:23 Hianareo izay matahotra an'i Jehovah, miderà Azy! Ry taranak'i Jakoba rehetra, manomeza voninahitra Azy; ary matahora Azy, ry Zanak'Isiraely rehetra!**

### **Ny Mpanompon'i Jehovah**

**Salamo 113:1 Haleloia! Miderà, ianareo mpanompon'i Jehovah, miderà ny anaran'i Jehovah!**

**Salamo 134:1** Andeha, misaora an'i Jehovah, ianareo rehetra mpanompon'i Jehovah, izay mitœetra alina ao an-tranon'i Jehovah!

**Salamo 135:1** Haleloia! Miderà ny anaran'i Jehovah; miderà, ianareo mpanompon'i Jehovah!

### Ny Anjeliny Rehetra

**Salamo 148:2** Miderà Azy, ry anjeliny rehetra; miderà Azy, ry miaramilany rehetra.

### Izao Tontolo Izao

**Salamo 148:7-10** Midera an'i Jehovah ety an-tany, hianareo dragona sy ianareo rano lalina rehetra; ny afo sy ny havandra, ny oram-panala sy ny zavona; ny rivotra mahery izay mankatò ny teniny; ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; ny hazo fihinam-boa sy ny sedera rehetra; ny bibi-dia sy ny biby fiompy rehetra; ny biby mandady na mikisaka ary ny voro-manidina.

### Ny Mpanjaka Sy Ny Vahoaka Rehetra

**Salamo 148:11-13** Ny mpanjaka amin'ny tany sy ny vahoaka rehetra; ny mpanapaka sy ny mpitsara rehetra amin'ny tany; na ny zatovolahy, na ny zatovovavy; na ny antitra, na ny tanora. Samia midera ny anaran'i Jehovah avokoa, fa ny anarany ihany no misandratra; ambonin'ny tany sy ny lanitra ny voninahiny.

## **OVIANA ISIKA NO TOKONY HIDERA AN'ANDRIAMANITRA?**

---

### Maraina Mandrapahariva

**Salamo 113:3** Hatramin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehany No hoderaina anie ny anaran'i Jehovah.

### Mandrakariva

**Salamo 71:8** Ny vavako ho feno ny fideràna Anao sy ny fankalazana Anao mandrakariva.

### Mandritra Ny Androm-Piainantsika

**Salamo 146:2** Hidera an'i Jehovah aho, raha mbola miaina koa; eny, hankalaza an'Andriamanitra aho, raha mbola velona koa.

### Lalandava

**Salamo 34:1** Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho; ho eo ambavako mandrakariva ny fiderana Azy.

### Rehefa Mitanondrika

**Salamo 42:11** Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? Ary nahoana no mitoloko ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra; fa mbola hidera Azy ihany aho, lzy no famonjena ny tavako sady Andriamanitro.

### Mandrakariva

**Efesiana 5:20 Misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.**

## **OVIANA ISIKA NO TOKONY HIDERA AN'ANDRIAMANITRA?**

---

### **Eo Amin'ny Fiangonana**

**Salamo 22:22,25 Hitory ny Anaranao amin'ny rahalahiko aho; eo amin'ny fiangonana no hiderako Anao.**

**Avy aminao no ahazoako manao fiderana eo amin'ny fiangonan-dehibe; ny voadiko dia hefaiko eo anatrehan'izay matahotra an'i Jehovah.**

**Salamo 107:32 Ary aoka hanandratra Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona izy, ka hidera Azy eo amin'ny fipetrahan'ny loholona.**

**Salamo 149:1 Haleloia! Mihirà fihiram-baovao ho an'i Jehovah, ny fiderana Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona masina.**

### **Eo Amin'ny Fitoerana Masina**

**Salamo 150:1 Haleloia! Miderà an'Andriamanitra eo amin'ny fitoerany masina; miderà Azy eo amin'ny habakabaky ny heriny!**

### **Eo Amin'ny Firenena Rehetra**

**Salamo 57:9 Hidera Anao eny amin'ny vahoaka aho, Tompo ô, hankalaza Anao eny amin'ny firenena aho.**

### **Eo An-Kianjany**

**Salamo 100:4 Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana. Misaora Azy, mankalazà ny anarany.**

### **Eo Amin'ny Olona Maro**

**Salamo 109:30 Hidera an'i Jehovah indrindra amin'ny vavako aho; eny, eo amin'ny olona maro no hiderako Azy.**

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Manomeza antony telo tokony hiderantsika ny Tompo.
2. Rehefa inona isika no tokony hidera ny Tompo? Omeo ohatra iray avy amin'ny Tenin'Andriamanitra ary iray avy amin'ny traikefanao manokana.
3. Manomeza Tenin'Andriamanitra telo izay ho ataonao tsianjery izay hampahery ny tenanao na ny hafa hidera.

## Lesona Fahaefatra

### *Mitondra Fitahian'Andriamanitra Ny Fiderana*

#### NY FIDERANA DIA AZO AMPITAHAINA AMIN'NY ORANA

---

##### Fotoam-piodinan'ny Rano

Misy toerana maro ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izay ampitahana ny fiderana toy ny fotoam-piodinan'ny rano. Tsy mifarana io fiodikodinana io, fiodinana mitohy hatrany hatrany avy amin'ny iray mankamin'ny hafa.

- *Ny rano amin'ny tany misavoana*
- *Manome rahona eny amin'ny habakabaka*
- *Dia lasa orana milatsaka amin'ny tany*

##### Fiodikodinana'ny Fiderana

Ny fiderana dia tsy natao hanam-pahataperana. Manome fiderana an'Andriamanitra isika ary ny fiderantsika mitondra:

- *Fitahiana*
- *Fandresena*
- *Fitomboana*

**Amosa 5:8** Ilay nanao an'lkotokelimiadilaona sy ny Telonohorefy, ary mampody ny aloky ny fahafatesana ho maraina sy manamaizina ny andro ho alina, dia ilay miantso ny rano ao an-dranomasina ka mandatsaka azy amin'ny tany: Jehovah no Anarany.

**Amosa 9:6** Ary manao ny tranony ambony any an-danitra Izy, sady manorina ny andohalambony eny ambonin'ny tany; Ary miantso ny rano eny an-dranomasina ka mampilatsaka azy eny amin'ny tany, Jehovah no Anarany.

##### Mandatsaka Fitahiana Andriamanitra

Tahaka ny iantsoan'Andriamanitra ny rano mba hisavoana mba hisian'ny orana, dia miantso ny fiderana Izy mba ahafahany mandatsaka fitahiana.

**Joba 36:27,28** Fa mampisavoana ny rano Izy, dia milatsaka ho ranonorana aman-javona izany, Izay aidin'ny rahona ka alatsany amin'ny olona maro be.

**Hosea 6:3** Dia aoka hahalala, eny, aoka hiezaka hahalala an'i Jehovah isika. Mahatoky toy ny maraina ny fiposahany; dia ho avy amintsika toy ny ranonorana mivatratra Izy, sy toy ny fara orana izay mahavonto ny tany.

## Miakatra Ny Fiderana Milatsaka Ny Fitahiana

**Isaia 45:8** Manateteva avy any ambony, ry lanitra, ary aoka ny habakabaka hampilatsaka fahamarinana; aoka ny tany hisokatra, ary aoka ho vokatra avy amin'ireo ny famonjena; ary aoka hitsimoka miaraka amin'izay ny fahamarinana. Izaho, Jehovah no efa nahatonga izany.

Rehefa mandefa fiderana any amin'Andriamanitra isika, dia averiny amintsika ho ranonoram-pitahiana izany.

**Ohabolana 11:25** Izay manisy soa olona hohatavezina; Ary izay mandena dia mba holemana kosa.

**Salamo 67:5,6** Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra. Ny tany efa nahavokatra; mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika.

**Salamo 147:7,8** Mihirà fiderana ho an'i Jehovah; mankalazà an'Andriamanitsika amin'ny lokanga, izay manaron-drahona ny lanitra, izay mamboatra ranonorana ho amin'ny tany, izay mampaniry ahitra ny tendrombohitra.

**Zakaria 10:1** Mangataha ranonorana amin'i Jehovah ianareo amin'ny andro fara-orana. Dia amin'i Jehovah, izay manao ny helatra; ranonorana mivatratra no homeny azy; eny, samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny.

## Tsy misy fahataperany

**Jakoba 5:7** Ary amin'izany dia mahareta tsara, ry rahalahy, mandra-pihavin'ny Tompo. Indro, ny mpiasa tany miandry ny voka-tsoa amin'ny tany ka maharitra amin'izany mandrapahazony ny ranonorana aloha sy aoriana.

Tahaka ny mpamboly izay tsy mijinja amin'ny fotoana hamafazany, dia mahareta, fa amin'ny fotoana dia hijinja vokatra, na fitahiana.

Andriamanitra dia mahatonga ny fitahiana hiposaka amin'ny olombelona tahaka ny masoandro miposaka amin'ny rano be. Ny fon'ny olona dia tokony hafana ho an'Andriamanitra noho ny fitahiana naposany taminy.

Ny fideran'ny olona dia tokony hiakatra any amin'Andriamanitra tahaka ny rano misavoana izay voaforona amin'ny alalan'ny fidanian'ny masoandro ny rano be.

Izany fiderana izany dia manorina fitahiana.

Andriamanitra dia mahatonga izany hiparitaka toy ny ranonorana milatsaka amin'ny tany.



Ny oram-be dia lasa renirano izay mankamin'ny ranomasina, izay fototra nihaviany, dia izay trangan-javatra rehetra izay no miverina indray.

## **TOMBOTSOA AMIN'NY FIDERANA**

---

### **Mahatonga An'Andriamanitra Hihetsika**

**Asan'ny Apostoly 16:25-26** Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an'Andriamanitra Paoly sy Silasy; ary nihaino azy ny mpifatotra. Ary nisy horohorontany mafy dia mafy avy tampoka, ka nihozongozona ny fanorenan'ny tranomaizina; dia nivoha niaraka tamin'izay ny varavarana rehetra, ary nivaha avokoa ny fatoran'izy rehetra.

### **Mahavokatra Ny Tany**

**Salamo 67:5,6** Hidera Anao ny firenena, Andriamanitra ô; eny, hidera Anao ny firenena rehetra. Ny tany efa nahavokatra; mitahy antsika Andriamanitra, dia Andriamanitsika.

### **Tonga Ny Fandresena**

**2 Tantara 20:21,22** Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: "Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony."

Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.

### **Mitondra Fahasalamana**

**Ohabolana 17:22** Ny fo ravoravo mahasalama tsara; Fa ny fanahy kivy mahamaina ny taolana.

### **Mitondra Fiadanana**

**Isaia 60:18** Ny fampahoriana tsy ho re eo amin'ny taninao intsony, na ny fandavana sy ny fandranganana ao anatin'ny fari-taninao; ny mandanao dia hataonao hoe Famonjena, ary ny vavahadinao hataonao hoe Fiderana.

### **Manova Antsika**

Lasa miova ho amin'ny voninahitr'Ilay deraintsika isika.

**2 Korintiana 3:11,18** Fa raha ny nilevona aza nisy voninahitra, mainka fa ny mitoetra no misy voninahitra.

Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.

**1 Jaona 3:1,2 Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, sady izany tokoa isika! Koa noho izany dia tsy mahalala antsika izao tontolo izao, satria tsy nahalala Ary izy. Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefa tsy mbola naseho izay ho tsetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa.**

## **MIRAVORAVOA AMIN'NY TOMPO**

---

### **Tarehy Malahelo**

Ny endrika malahelo dia fisehoan'ny tsy fankasitrahan'ny fo.

**Nehemia 2:1,2 Ary tamin'ny volana Nisana tamin'ny taona faharoa-polo nanjakan'i Artaksersesy, raha teo anoloany ny divay, dia noraisiko ka natolotro ny mpanjaka. Fa vao izay aho no mba malahelo teo anatrehan'ny.**

**Dia hoy ny mpanjaka tamiko: "Nahoana no malahelo tarehy ianao, kanefa tsy marary tsinona? Tsy zavatra hafa izao, fa alahelom-po mihitsy."**

**Dia raiki-tahotra indrindra aho.**

Rehefa tsapan'ny mpanjaka ny alahelo teo amin'ny tarehin'i Nehemia, dia natahotra Nehemia. Ny tarehy malahelo dia afaka nanambara fa tsy faly tamin'ny fanompoana ny mpanjaka izy, ary afaka ny manambara ny fahafatesany izany.

Ny mankeo amin'ny fanatrehan'ny mpanjaka amin'ny fo tsy faly dia faniratsirana. Ny mankeo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra amin'ny endrika tsy faly dia manambara fa tsy faly isika amin'ny zavatra izay:

- *Nomeny antsika*
- *Nataony ho antsika*
- *Namatsiany antsika*
- *Niheverany antsika*

### **Nodidiana Mba Hiravoravo**

Nodidiana mba hiravoravo eo anatrehan'ny Tompo isika.

**Deutoronomia 12:7,11,12 Ary any no hihinananareo sy ny ankohonanareo eo anatrehan'i Jehovah Andriamanitrareo ary hifalianareo amin'izay rehetra harin'ny tananareo, izay efa nitahian'i Jehovah Andriamanitrao anao.**

**Dia eo amin'ny tany izay hofidin'i Jehovah Andriamanitrareo hampitserany ny anarany no hitondranareo izay rehetra andidiako anareo, dia ny fanatitra doranareo sy ny fanatitrareo hafa alatsa-**

drà sy ny fahafolon-karenareo sy ny fanatitra asandratry ny tananareo, ary izay zavatra tsara ataonareo voady amin'i Jehovah. Dia hifaly eo anatrehan'i Jehovah Andriamanitrareo ianareo sy ny zanakareo-lahy sy ny zanakareo-vavy sy ny ankizilahinareo sy ny ankizivavinareo ary ny Levita izay ao antanànanareo; fa ny Levita tsy mba manana anjara na lova eo aminareo.

**1 Tantara 16:10** Ataovy ho reharehanareo ny Anarany masina; aoka hifaly ny fon'izay mitady an'i Jehovah!

**Salamo 33:1** Mihobia ho an'i Jehovah ianareo, ry olo-marina! Fa mendrika hataon'ny olo-mahitsy ny fiderana.

**Lioka 1:46-47** Ary hoy Maria: "Ny foko mankalaza ny Tompo, ary ny fanahiko efa ravoravo tamin'Andriamanitra, Mpamonjy ahy."

**Filipiana 4:4** Mifalia mandrakariva amin'ny Tompo. Hoy izaho indray, mifalia!

### **Tonga Ny Fifaliana Sy Ny Firavoravoana**

Ny fifaliana sy ny firavoravoana dia tonga avy amin'ny fanambarana sy ny fisaintsainana ny Tenin'Andriamanitra.

**Jeremia 15:16** Hitako ny teninao ka nohaniko, ary ny teninao no fifaliako sy firavoravoan'ny foko; fa nantsoina tamin'ny anaranao aho, Jehovah, Andriamanitry ny maro ô.

### **Ao Aorinan'ny Namafazana Ny Voa**

Tokony "hivoaka am-pifaliana" isika tao aorinan'ny namafazana ny voan'ny Tenin'Andriamanitra tao am-pontsika.

**Isaia 55:10-12** Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy, mba hahatonga voa ho an'ny mpamafy sy hanina ho an'ny mpihinana, dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako; tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy.

**Fa amin'ny fifaliana no hivoahanareo, ary amin'ny fiadanana no hitondrana anareo; ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo alohanareo, ary ny hazo rehetra any an-tsaha hitehatanana.**

### **Manakana An'I Satana Amin'ny Fifaliana**

Inona no ezahan'i Satana atao ao aorinan'ny namafazana ny Teny tao am-pontsika? Tonga avy hatrany miaraka amin'ny fahoriana sy ny fanenjehana izy hangalarany izany voa izany.

Raha tafintohana isika ary manary ny fifaliantsika, dia mamela an'i Satana hangalatra ny voan'ny Teny izay nafafy tao amin'ny fontsika.

**Marka 4:4,14-17** Ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dalana, dia avy ny vorona ka nandany izany.

Ny mpamafy dia mamafy ny teny. Ary ireto no ilay teo amoron-dalana, dia izay amafazana ny teny, fa rehefa nandre izy, dia avy miaraka amin'izay Satana ka manaisotra ny teny izay nafafy tao aminy.

Ary tahaka izany koa, ireto no ilay voafafy teny amin'ny tany marivo ambony vatolampy, dia izay mandre ny teny ka malaky mandray izany amin'ny hafaliana; nefa tsy manam-paka ao anatiny ireny, fa maharitra vetivety foana; koa rehefa afaka izany, ka tonga izay fahoriana na fanenjehana noho ny teny, dia tafintohina miaraka amin'izay izy.

## Ny Fifaliana Dia Mamokatra

Ny voan'ny Teniny dia hitoetra ao amintsika rehefa mitoetra amintsika ny fifaliany.

**Jaona 15:10,11** Raha mitandrana ny didiko ianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo.

Amin'ny alalan'ny fankatoavana ny Teniny, dia hitoetra amintsika ny fifaliany. Tsy miserana ny fifaliany, tsy ampahany, na miankina amin'ny tranga. Fa feno.

**Hebreo 10:32-34** Fa tsarovy ny andro fahiny izay naharetanareo ny ady mafy tamin'ny fahoriana, rehefa nohazavaina ianareo; indraindray raha natao ho fizaha noho ny fanaratsiana sy ny fampahoriana ianareo, ary indraindray koa raha tonga naman'izay azon'izany. Fa sady niara-niaritra tamin'izay nifatotra ianareo no nifaly raha norobaina ny fanananareo, satria fantatrareo fa ianareo dia manana fananana tsara lavitra sady maharitra.

**1 Petera 4:12,13** Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-toetra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-toetra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany; fa araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy, dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin'ny fisehoan'ny voninahiny koa.

**Matio 5:11;12** Sambatra ianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravao ianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo.

**Jaona 16:22** Ary ianareo dia manana alahelo ankehitriny; fa hahita anareo indray Aho, dia ho faly ny fonareo, ary tsy misy

**olona manaisotra ny fifalianareo aminareo.**

### **Mitondra Tanjaka Ny Fifaliana**

Rehefa miravoravo sy midera ny Tompo isika, dia mandray ny Heriny isika.

**Nehemia 8:10b Fa masina ho an'ny Tompotsika ity andro ity; koa aza malahelo ianareo, fa ny fifaliana avy amin'i Jehovah no fiarovana mafy ho anareo.**

### **Mandresy Ilay Ratsy Ny Fifaliana**

Ny firavoravoana no fanalahidin'ny fandresena “ilay ratsy” (Satana).

Rehefa mifaly ary mihazona ny voan'ny Teniny isika, dia mahery sy mpandresy amin'ny fiainantsika amin'ny maha kristiana.

**1 Jaona 2:13,14 Manoratra aminareo ray aho, satria efa mahalala ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Manoratra aminareo zatovo aho, satria efa naharesy ilay ratsy ianareo. Nanoratra taminareo ankizy madinika aho satria efa mahalala ny Ray ianareo. Nanoratra taminareo ray aho, satria efa nahalala ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitotra ao anatinareo ny tenin'Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo.**

### **Mamerina Antsika Indray Ny Firavoravoana**

Raha nangalatra ny fifaliantsika Satana ka verintsika ilay voan'ny Teniny, izay tsara sy fandresentsika dia afaka ho azontsika indray.

Rehefa manandratra ny feontsika isika ary manatitra fanati-piderana ao an-tranon'Andriamanitra, ny zavatra rehetra izay babo dia ho azo indray ary Satana dia tsy maintsy mamerina izay rehetra nangalariny.

**Jeremia 33:9-11 Ary ho anarana mahafaly Ahy izany sady ho dera sy voninahitra ho an'ny firenena rehetra ambonin'ny tany, izay handre ny soa rehetra ataoko aminy; dia hatahotra sy hangovitra izy noho ny soa rehetra sy noho ny fiadanana rehetra izay hataoko aminy.**

Izao no lazain'i Jehovah: “Mbola ho re indray eto amin'ity tany ity, izay ataonareo hoe Rava, ka tsy misy olona na biby fiompy intsony dia eto amin'ny tanànan'ny Joda sy ao amin'ny lalamben'i Jerosalema izay efa lao, ka tsy misy olona na mponina na biby fiompy. Ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon'ny mpampakatra sy ny feon'ny ampakarina ary ny feon'izay manao hoe:

“Miderà an'i Jehovah, Tompon'ny maro, fa tsara lzy, fa mandrakizay ny famindram-pony, dia izay mitondra fanati-

**pisaorana ho ao an-tranon'i Jehovah; Fa hataoko tonga tahaka ny tany aloha ny fahatsarany."**

### **Tsy Mainty Manonitra Avo Fito Henry**

Rehefa mifaly isika, dia afaka mangataka an'ilay ratsy (Satana) mba hanonitra avo fito heny izay nangalariny.

**Jaona 10:10 Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be.**

**Ohabolana 6:30,31 Tsy avelan'ny olona ho afa-maina ny mpangalatra, raha maka zavatra hahavoky ny tenany izy, na dia noana aza. Fa raha azo izy, dia hampanoneriny fito heny ka hanome ny fananana rehetra ao an-tranony.**

Andao hanomboka hifaly izao dieny izao!

### **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Hazavao ny mampitovy ny fiderana amin'ny fotoam-piodinan'ny rano.
2. Manomeza tombontsoa roa amin'ny fiderana.
3. Manonona zavatra roa izay afaka ataon'ny "firavoravoana amin'ny Tompo".

## Lesona Fahadimy

### *Teny Ara-Baiboly Momba Ny Fiderana*

#### **TENY NANDIKANA NY FIDERANA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA**

---

Betsaka sy samihafa ny teny Hebreo izay ampiasaina mba hanazavana ny fiderana ao amin'ny Testamenta Taloha. Ny fandalinana izany teny izany dia manome fahatakarana mazava kokoa ny dikan'ny hiderana an'Andriamanitra amin'izao ankehitriny izao.

Ny teny Hebreo ho an'ny fiderana dia maneho fientanentanana sy fihetsiketsehana.

#### **Halal**

Halal no teny tena matetika nampiasaina handikana ny fiderana. Miverina in-160 izany ao amin'ny Testamenta Taloha.

Izao no dikany: Ny Fiderana avy Aminy (amin'ny fanahy sy fahamarinana)

➤ *Mampiseho*

**Salamo 22:22 Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko aho; eo amin'ny fiangonana no hiderako Anao.**

➤ *Mirehareha*

**Salamo 102:18 Hosoratana ho an'ny taranaka mandimby izany; ary izay firenena mbola hoforonina no hidera an'i Jehovah.**

➤ *Mankalaza*

**Salamo 35:18 Hisaotra Anao eo amin'ny fiangonana lehibe aho; hidera Anao eo afovoan'ny olona maro aho.**

➤ *Manandratra*

**Salamo 107:32 Ary aoka hanandratra Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona izy ka hidera Azy eo amin'ny fipetrahan'ny loholona.**

➤ *Mifaly Tena*

**Salamo 64:10 Mifaly amin'i Jehovah ny marina ka mialoka aminy. Eny, mifaly tena ny mahitsy fo rehetra.**

➤ *Mampirapiratra*

**Joba 41:10 Ny fieviny dia mampirapiratra fahazavana, ary ny masony dia tahaka ny hodimason'ny maraina.**

Noho izany ny fiderana marina, dia tokony hisy feo mazava sy miavaka. Tsy tokony hisy fifangaroana amin'izay noeritretina. Fomba fankalazana izany, fireharehana ao amin'ny Tompo.

**2 Tantara 20:21,22 Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe:**

**“ Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony.”**

**Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.**

## **Tehillah (avy amin'ny Halal)**

Ny teny hoe tehillah dia mifantoka kokoa amin'ny fihirana. In-57 izany no ampiasaina ao amin'ny Testamenta Taloha.

### ➤ *Mihira Hira Fiderana Mazava*

Izany dia midika hoe mihira hira fiderana mazava amin'Andriamanitra.

**Salamo 119:171 Aoka hiboiboika fiderana ny molotro, fa ampianarinao ahy ny didinao.**

### ➤ *Mankalaza Azy Amin'ny Hira*

**Habakoka 3:3 Tamy avy any Temana Andriamanitra, dia ny iray Masina avy any an-tendrombohitra Parana. Manarona ny lanitra ny voninahiny, ary manenika ny tany ny fiderana Azy.**

### ➤ *Mirehareha*

Tokony hirehareha ny Aminy amin'ny teny sy mozika isika.

**Deutoronomia 10:21 Izy no fidèranao, ary Izy no Andriamanitrao, izay efa nanao ireo zavatra lehibe sy mahatahotra ireo taminao, izay efa hitan'ny masonao.**

## **Shabach**

### ➤ *Miantso Amin'ny Feo Mafy*

**Salamo 63:3 Fa tsara noho ny aina ny famindram-ponao; ny molotro hidera Anao.**

### ➤ *Manao Hiakam-pandresena*

**Daniela 2:23 Hianao, ry Andriamanitry ny razako ô, no deraiko sy isaorako, satria nomenao fahendrena sy hery aho, ary ankehitriny efa nampahafantarinao ahy izay nangatahinay taminao; fa nampahafantarinao anay ilay nofin' ny mpanjaka.**

### ➤ *Manome Voninahitra Amin'ny Fandresena*

**Salamo 117:1 Miderà an'i Jehovah ry firenena rehetra! Miderà Azy, ry olona rehetra!**

Tsy voatery ho mafy foana ny fiderana. Tsy voatery hiantso mafy foana isika, nefa misy fotoana izay ihany no fomba mety hiderana an'Andriamanitra.



**Salamo 47:1 Mitehafa tanana, ry firenena rehetra! Mihobia ho an'Andriamanitra!**

## Zamar

Zamar dia midika hoe:

- *Mikasika na mitendry zava-maneno*
- *Mihira fiderana arahina zava-maneno*

**Salamo 108:1-3 Andriamanitra ô, tafatoetra ny foko; Ny fanahiko no hihira sy hankalaza. Mifohaza, ry valiha sy lokanga! hifoha maraina koa aho. Hidera Anao eny amin'ny firenena maro aho, Jehovah ô, ary hankalaza Anao eny amin'ny jentilisa.**

## Yadah

Yadah dia midika hoe:

- *Manonona fisaorana amin'ny vava*

**Salamo 109:30 Hidera an'i Jehovah indrindra amin'ny vavako aho; eny, eo amin'ny olona maro no hiderako Azy.**

- *Midika ihany koa fisaorana amin'ny alalan'ny tanana misandratra amin'Andriamanitra*

**Salamo 33:2 Miderà an'i Jehovah amin'ny lokanga; mankalazà Azy amin'ny valiha tory folo.**

- *Fietrena*

**2 Tantara 7:3 Ary nony hitan'ny Zanak'Isiraely rehetra ny nilatsahan'ny afo sy ny voninahitr'i Jehovah teo ambonin'ny trano, dia niankohoka tamin'ny lampivato izy ka nivavaka sy nidera an'i Jehovah, "fa tsara Izy, fa mandrakizay ny famindrampony."**

## Towdah

Towdah dia avy amin'ny fototry ny teny nihaviany yadah ary midika hoe:

- *Ny fanandratana ny tanana amin'ny fiankohofana sy ny fisaorana*

**Salamo 42:4 Izao zavatra izao no hotsarovako, ka haidiko ato anatiko ny fanahiko, dia ny nandrosoako niaraka tamin'ny maro, sy ny nitarihako azy ho any an-tranon'Andriamanitra, nanao feo mihoby sy midera, dia olona maro izay nitandrina ny andro firavoravoana.**

- *Fanatitra fanehoam-pankasitrahana am-panajana*

**Salamo 50:23 Izay manatitra fanati-pisaorana no manome voninahitra Ahy; ary izay mitandrina ny lalany no hanehoako ny famonjen'Andriamanitra.**

## Barak

Barak dia midika hoe:

➤ *Mandohalika miankohoka*

**Salamo 95:6b...aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika.**

Ny mandohalika eo anatrehan'ny olona dia mampiseho fanetren-tena ary mampiseho ny famendrehany sy ny toerany ambony.

## Shachah

Satria betsaka no teny nampiasaina handikana ny teny hoe “fiankohofana,” dia teny hebreo tokana no nampiasaina ao amin'ny Testamenta Taloha hanehoana ny fiankohofana amin'Andriamanitra.

➤ *Manondrika loha ambany*

Shachah dia midika hoe miondrika eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fiankohofana sy fitsaohana. Maneho toe-po koa izany, na dia hoe tsy nihohoka aza ny tenan'ilay olona.

**Salamo 95:6a Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika.**

## NY ZAVATRA HITA MOMBA NY FIDERANA SY NY FIANKOHOFANA AVY AMIN'NY TENY HEBREO

---

### Fanehoana Ara-batana

Ny fiderana dia fanehoana ara-batana ny toe-panahy, zavatra avalin'ny fo manoloana ny fanambarana na ny fahalebiazan'Andriamanitra.

Matetika dia misy ataon'ny vatana– ny fiderana dia zavatra ataontsika. Tafiditra amin'izany ny fanaovana fampisehoana, fankalazana, fanomezam-boninahitra, fireharehana, fitendrena zava-maneno, fanandrata-tanana sy fandoalihana.

Mba ho fiderana marina, dia tokony hisy fisehoana.

### Fanehoan'ny Feo

Betsaka amin'ny fiderana no mila fanehoan'ny feo. Ny teny hebreo dia manazava: hira fiderana mazava, manome feo mazava, mirehareha, mihira, mihiaka mafy, manao hiakam-pandresena ary manonona fisaorana an'Andriamanitra.

### Famoahana Ny Fihetsem-po

Ny fiderana dia afaka ny ho famoahana fihetsem-po.

Ny fiderana an'Andriamanitra dia tsy fizaharana fanehoana fihetsem-po; fanompoam-panahy izany.

Ny fiderana marina dia hitondra fivoahan'ny fihetsem-po.

Tsy voatery ho ara-nofy ny fihetsem-po, na ara-tsaina.

Andriamanitra dia nanome antsika fihetsem-po, ary tokony hampiasaina hanomezam-boninahitra Azy izany. tafiditra ao anatin'ny fihetsem-po ny fankalazana, fireharehana ary fanehoana amin'ny alalan'ny fiantsoantsoana mafy.

## Fanajana

Ny fiderana dia tokony atao amin'ny fanajana. Ny fanajana dia midika hoe manome haja sy manome lanja olona iray amin'ny fomba mety.

Ny fanaovana fiderana dia tsy tokony avelantsika ivelan'ny hosotra sy ny hetsiky ny Fanahy Masina amina fivoriana iray manokana.

Ny midera an'Andriamanitra tsy hoe mba hialantsika voly fotsiny, fa tokony hatolotra amin'ny fanajana sy fisaorana an'Andriamanitra izany.

## Famintinana

Afaka mahazo famintinana avy amin'ireo teny hebreo ireo isika.

Andriamanitra dia Fanahy ary tokony hidera Azy amin'ny fanahy sy fahamarinana isika.

Afaka ny ho ara-pihetsem-po ny fiderana, fa tokony hiambina isika mba tsy ho fampifalifaliana ny nofantsika fotsiny izany raha tokony atao amin'ny fanahy.

**Jaona 4:23,24 Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.**

## TENY NANDIKANA NY FIDERANA SY FIANKOHOFANA AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

---

Betsaka ny teny Grika nandikana ny fiderana ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny fandalinana izany teny izany dia hahatonga antsika hientana sy mahay maneho kokoa amin'ny fiderantsika an'Andriamanitra.

### Aineo

➤ *Fanolorana Fiderana Na Fankalazana*

**Romana 15:11 Ary koa: "Midera'an'i Jehovah, ry jentilisa rehetra! Ary aoka hankalaza Azy ny firenena rehetra!"**

➤ *Fanandratan-peo Ho Fisaorana*

**Lioka 19:37 Ary rehefa nanakaiky Izy ka tonga teo am-pidinana amin'ny tendrombohitra Oliva, dia nifaly avokoa ny mpianatra maro be ka nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo mahery noho ny asa lehibe rehetra izay efa hitany.**

## Epaineo

➤ *Fankalazana Be*

**1 Petera 1:7** Mba ho hita ho fiderana sy voninahitra ary fankalazana ny fizahan-toetra ny finoanareo (izay tsara lavitra noho ny volamena mety ho simba, na dia voazaha toetra tamin'ny afo aza), dia amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy.

➤ *Fiantsoana*

**Efesiana 1:6** Ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany, izay nanasoavany antsika maimaimpoana ao amin'ny Malala.

## Eulogeo

➤ *Milaza Tsara Momba Ny*

**Lioka 1:64** Ary dia nisokatra niaraka tamin'izay ny vavany, ka afaka niteny ny lelany; dia niteny izy ka nidera an'Andriamanitra.

## Doxa

➤ *Feno Voninahitra*

Doxa maneho ny rivotra hiainana foronin'ny fiankohofana mihoatra noho ny fihetsika ara-batana.

**Jaona 9:24a** Dia niantso ilay jamba teo aloha indray izy ka nanao taminy hoe: "Omeo voninahitra Andriamanitra."

## Proskuneo

➤ *Miondrika Ambany*

Proskuneo dia midika hoe "mihohoka ho fanajana."

**Matio 2:2** "Aiza ilay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany."

## TENY FAMARITANA NY FIDERANA SY FIANKOHOFANA

---

### Salamo

Ny salamo dia avy amin'ny teny Grika, psalmos. Ny tena heviny amin'ny ankapobeany dia "tononkalo nosoratana mba hiraina."

### Psalmos

Psalmos dia salamo miaraka amin'ny mozika. Ny heviny fototra dia "mitendry, na mikitika zava-maneno tendrena tahaka ny lokanga amin'ny rantsan-tanana."

### Hymn

Hymn dia avy amin'ny teny Grika, humnas, izay midika hoe hira fiderana an'Andriamanitra, na avy amin'ny teny Grika, humneo midika "mihira hira fiderana ho an'Andriamanitra."

### Hiram-panahy



## Lesona Fahafito

### *Ny Tanjon'Andriamanitra Mandrakizay Ho An'ny Fiankohofana*

Isika dia noforonina ho amin'ny fiderana sy fiankohofana. Ny tokony ho fanirian'ny fiainantsika lehibe indrindra dia ny fiderana sy fiankohofana amin'Andriamanitra. Ny tokony anton'ny ivelomantsika dia ny hiankohoka Aminy. Jaona dia milaza fa Andriamanitra dia mitady zanakalahy sy zanakavavy hiankohoka Aminy!

**Jaona 4:23 Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany.**

#### Andriamanitra Dia Mifaly Amin'ny Fihirana

Andriamanitra dia miravoravo amintsika amin'ny fihirana!

**Zefania 3:17 Jehovah Andriamanitrao no ao aminao, mahery Izy ka hamonjy; hiravoravo anao amin'ny fifaliana Izy; ho sondriana amin'ny fitiavany Izy; hifaly anao amin'ny fihobiana Izy.**

Ny teny Hebreo nampiasaina mba hamaritana ny fihetsik'Andriamanitra amin'ny firavoravoana dia midika hoe “mitsambikimbikina ary miodikodina amin'ny fientanam-pifaliana.”

Afaka manontany isika, “Fa maninona Andriamanitra no dia ravoravo amintsika ka mifaly Izy, mitsambikimbina amin'ny fietanam-pifaliana? Mba hahatakarana ny valin'izany fanontaniana izany, dia mila miverina any amin'ny fahiny ela be hatrizay isika, ary mahazo ny asan'ny fiderana sy fiankohofana nataon'ny anjely maro.

#### **IREO ANJELY NOFORONINA**

---

Ny anjely dia noforonin'Andriamanitra ho amin'ny asa mazava tsara. Ny anjely maro be dia nizara tambanin'ny fitarihan'ny anjely lehibe anankitelo.

- *Mikaela arikanjely no nitarika ny anjely maro be, dia ireo anjely mpiady.*
- *Ny anjely Gabriela no mpitarika ny anjely mpitondra hafatra.*
- *Ny anjely Losifera no nitarika ny anjely izay noforonina manokana ho amin'ny fiderana sy fiankohofana amin'ny fiarovana ny seza fiandrianan'Andriamanitra.*

## Losifera

### ➤ *Kerobima Voahosotra*

Noforonin'Andriamanitra ny anjely Losifera ho kerobima mpiaro ny seza fiandrianan'Andriamanitra.

**Ezekiela 28:14 Hianao dia kerobima voahosotra izay manaloka, fa voatendriko ianao; tao an-tendrombohitra masin'Andriamanitra ianao; tao amin'ny vato mirehitra no nitsangantsangananao.**

Ny kerobima nandrakotra ny seza famindrampo teo ambonin'ny Fiaran'ny Fanekena tamin'ny elany, moa Losifera kosa dia teo akaikin'ny fiandrianan'Andriamanitra ho “kerobima voahosotra ho mpiaro”

### ➤ *Dikan'ny Anarana*

Amin'ny Hebreo, Losifera dia “heylel.” Avy amin'ny teny fototra “halal,” izay hahazoantsika ny hoe “aleloia.” Midera, mamiratra, mihazava, mahavariana, mankalaza, manome voninahitra ary manan-daza no dikany. Ny anarana, Losifera dia famantarana tsara fa ny asany voalohany dia fiderana sy fiankohofana.

Losifera no “aleloia” teny am-piandohana, ilay mpidera tany am-boalohany izay nankalaza sy namiratra tamin'ny tarapahazavan'ny voninahitry ny Tompo. Afaka miara-manaiky amin'Isaia daholo isika rehefa nanoratra izy hoe:

**Isaia 14:11a,12a Efa navarina ho ety amin'ny fiainan-tsi-hita ny tabihanao mbamin'ny feon'ny valihanao ... Endrey! Latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarik'andro, zanaky ny maraina!**

### ➤ *Noforonina Hanao Mozika*

**Ezekiela 28:13b Ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo.**

Losifera dia tsy nitendry zava-maneno fotsiny, fa na izy aza dia zava-maneno. Izy, dia fiarahan'ny zava-maneno maro toy ny amponga, sodina, karazana zava-maneno tsofina ary feo.

Losifera ihany koa dia nihaingo tamina vatosoa maro ka rehefa nihetsika sy niaina izy dia naneho ny fahazavamboninahitra sy feon-danitra izay tsy nisy farany, ary niova hatrany hatrany.

Jereo fa ireo karazana zava-maneno telo tena fantatra-velesina, tsofina ary tendrena- dia voasoratra

Ny fiarovana ny seza fiandrianan'Andriamanitra nataon'ilay kerobima voahosotra dia fiarovana amin'ny fiderana sy fiankohofana.

Losifera no nitarika ny orkesitra lehiben'ny anjely sy ny antoko mpihira tamin'ny fiderana sy ny fiankohofana tsy nisy fijanonana teo anoloan'ny fiandrianana.

**Joba 38:7 Raha niara-nihira ny kintan'ny maraina, ary nihoby avokoa ireo zanak'Andriamanitra?**

## **NAMELA BANGA I LOSIFERA**

---

Ny fianjeran'i Losifera avy any an-danitra dia namela banga lehibe. Rehefa nikomy tamin'Andriamanitra sy noroahina hivoaka ny lanitra Losifera, “ny anjeliny,” ny ampahatelon'ny kintan'ny lanitra (anjely) izay nikomy, dia lasa niaraka taminy.

**Isaia 14:12 Endrey! Latsaka avy tany an-danitra ianao, ry ilay fitarik'andro, zanaky ny maraina! Voakapa hianjera amin'ny tany ianao, ry ilay mpandripaka firenena!**

**Ezekiela 28:15,16 Tsy nanan-tsiny ianao tamin'ny nalehanao hatramin'ny andro namoronana anao ka mandra-pahita heloka tao aminao. Noho ny habetsahan'ny varotra nataonao dia nofenoina loza tao aminao, ka nanota ianao; Ary dia nolotoiko ka nariako niala tamin'ny tendrombohitr'Andriamanitra ianao, ary nosimbako ianao, ry kerobima manaloka, hiala tao amin'ny vato mirehitra.**

**Apokalypsy 12:7-9 Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefa tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana, izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.**

**Apokalypsy 12:4a Ary ny rambony dia manala ny ampahatelon'ny kintana amin'ny lanitra ka manjera ireny ho amin'ny tany.**

Tampoka teo dia tsikaritra fa nisy banga tany an-danitra rehefa voaroaka ny lanitra Losifera sy ny anjeliny.

### **Nofenin'Andriamanitra Ny Banga**

Andriamanitra dia nanana planina hameno ny banga izay navelan'i Losifera sy ny anjeliny! Andriamanitra dia namorona ny olona mba hanjaka amin'ny Losifera (Satana) sy ny anjeliny (demonia) eto amin'ity tany ity. Ny olona dia natao haneho ny faharesen'i Satana eto amin'ity tany ity. Andriamanitra dia namorona ny olona ho eo akaikiny ary hanjaka hiaraka Aminy eo amin'ny fiandrianany.

Izao ilay banga dia fenoin'ny fiangonany.

**Efesiana 1:23 Izay tenany, dia ny fahafenoan'izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra.**



Ny fiangonana, izay misy ny lehilahy sy ny vehivavy izay mino, dia tokony haka ny toeran'ny kerobima mpiaro sy ny anjeliny. Ankehitriny ny fiangonana dia eo akaikin'Andriamanitra.

Ny olona dia noforonina ho amin'ny tanjona sy asa lehibe iray– hidera sy hitsaoka an'Andriamanitra!

**Efesiana 3:21 Ho Azy anie ny voninahitra ao amin'ny fiangonana sy ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka farany indrindra mandrakizay mandrakizay. Amena.**

## **SATANA SY NY MOZIKA**

---

### **Losifera Ilay Lohan'ny Mpitendry**

Talohan'ny fianjeràny, dia lohan'ny mpitendry tany andanitra i Losifera.

**Ezekiela 28:13b Ny fampanenoana ny ampongatapakao sy ny sodinao dia tao aminao, tamin'ny andro namoronana anao dia natao koa ireo.**

Ny fanomezam-pahasoavany amin'ny mozika dia natao hiderana an'Andriamanitra, fa rehefa nianjera izy, dia lasa voahodikodina io fanomezam-pahasoavana io.

### **Famoronana Zava-maneno**

Ny taranak'i Kaina dia namorona zava-maneno sy fitaovampiadiana.

**Genesisy 4:21,22a Ary ny anaran'ny rahalahiny dia Jobala; izy no rain'ny mpitendry lokanga sy mpitsoka sodina rehetra. Ary Zila kosa niteraka an'i Tobala-kaina, mpanefy fiasana maranitra, na varahina na vy.**

### **Fikorontanana Ao Amin'ny Mozika**

Fantatsika fa Satana no mahatonga ny fikorontanana ao amin'ny mozika ary ny zavatra mifamahofaho anatin'ny mozika dia famantarana fa asan'i Satana, satria izy no lohan'ny fikorontanana.

**1 Korintiana 14:33a Fa Andriamanitra tsy tompon'ny fikotranana, fa tompon'ny fiadanana...**

#### **➤ *Ombilahy Kely Volamena***

Rehefa nanao tsangan'ombilahy kely ny Zanak'Israely ka nidera izany, dia henon'i Mosesy ny feo tabataba maro ka tamin'ny voalohany dia tsy hainy ny dikan'ilay izy.

**Eksodosy 32:17,18 Ary rehefa ren'i Josoa ny fitabataban'ny olona izay nihorakoraka, dia hoy izy tamin'i Mosesy: "Misy tabataban'ady atsy an-toby."**

**Fa hoy kosa izy: "Tsy feo fihobian'ny mahery na feo fitomanian'ny resy no reko, fa feon'ny mihira."**

➤ *Sarin-javatra Volamena*

Nebokadnezara dia nampiasa zava-maneno karazany mba hanetsehana ny fiderana ilay sarin-javatra volamena izay natsangany.

**Daniela 3:5,7 ... Rehefa mandre ny fanenon'ny anjomara sy ny sobaba sy ny lokanga sy ny samboka sy ny valiha sy ny symponia ary ny zava-maneno isan-karazany ianareo, dia miankohofa, ka mivavaha amin'ny sariolona volamena izay efa natsangan'i Nebokadnezara mpanjaka...**

**Koa tamin'ny fotoana nandrenesan'ny fokom-pirenena rehetra ny fanenon'ny anjomara sy ny sobaba sy ny lokanga sy ny samboka sy ny valiha ary ny zava-maneno isan-karazany, dia niankohoka sy nivavaka tamin'ny sariolona volamena izay efa natsangan'i Nebokadnezara mpanjaka ny fokom-pirenena sy ny firenena ary ny samy hafa fiteny rehetra.**

---

**ATAO ANIE NY SITRAPONAO ETY AN-TANY TAHAKA NY ANY AN-DANITRA**

---

Jesosy nampianatra ny mpianany hivavaka, atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra. Inona no sitrapon'Andriamanitra any an-danitra? Inona no zavatra atao any?

Jaona dia nomena fahitana lehibe ny amin'ny zavatra mitranga any an-danitra ankehitriny, ary ny amin'ny zavatra hitranga amin'ny ho avy. Betsaka amin'ireo fahitana ireo dia mahakasika ny fiderana sy fiankohofana.

**Fiderana Tsy An-kiato**

Ny zava-manan'aina anjely dia midera an'Andriamanitra tsy an-kiato.

**Apokalypsy 4:8-11 Ary ny zava-manan'aina efatra dia samy nanana elatra enina avy, sady feno maso ny tenany rehetra manodidina ka hatrao anatiny; ary tsy mitsahatra andro aman'alina izy manao hoe: "Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy!"**

**Ary raha ny zava-manan'aina hanome voninahitra sy haja ary fisaorana ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, dia izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hiankohoka eo anoloan'izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana ny loholona\* efatra amby roa-polo ka hivavaka amin'izay velona mandrakizay mandrakizay, dia hanipy ny satro-boninahiny eo anoloan'ny seza fiandrianana ka hanao hoe:**

**"Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy."**

## Anarivorivony

Mihoatra ny anjely anapitrisany sy olombelona maro no mitsaoka sy midera an'Andriamanitra.

**Apokalypsy 5:11-13** Ary nahita aho sady nandre feon'anjely maro manodidina ny seza fiandrianana sy ny zava-manan'aina ary ny loholona, ary ny Isany dia alinalina sy arivoarivo, nanao tamin'ny feo mahery hoe: "Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia miendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra.

Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any andranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: "Ho an'llay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay!"

Nivavaka Jesosy hoe atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

## Fiankohofana Tanteraka

Misy fiankohofana sy fiderana tanteraka miseho any an-danitra ankehitriny. Fitsaohana ataon'ny anjely anarivony sy vahoaka maro be avy amin'ny firenena, foko, fiteny rehetra.

**Apokalypsy 7:9,10** Rehefa afaka izany dia hitako fa, indreo, nisy olona betsaka tsy tambo isaina avy tamin'ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany, dia niantso tamin'ny feo mahery izy nanao hoe: "Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika, Izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy ho an'ny Zanak'ondry!"

Nampianatra ny mpianatra hivavaka Jesosy hoe, atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

## Amin'ny Fihiram-baovao

**Apokalypsy 14:1-3** Ary hitako fa, indro, ny Zanak'ondry nitsangana teo an-tendrombohitra Ziona, ary nisy efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy nomba Ary, samy manana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handriny. Ary nahare feo avy tany an-danitra aho, tahaka ny firohondron'ny rano be sy tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy; ary ny feo izay reko dia tahaka ny an'ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany. Ary mihira toa tonon-kira vaovao eo anoloan'ny seza fiandrianana sy eo anatrehan'ny zava-manan'aina efatra sy ny loholona izy; ary tsy nisy nahay nianatra izany fihirana izany, afa-tsy ny efatra arivo amby efatra alina sy iray hetsy izay navotana niala tamin'ny tany.

Isika tokony hivavaka hoe atao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

### **Fitsaohana Ho Amin'ny Ho Avy**

Hitan'i Jaona ny olo-masina, ary isika dia anisan'izany, izay mitsaoka an'Andriamanitra tao aorinan'ny fahapotehan'i Satana tanteraka.

**Apokalypsy 15:2,4** Ary nahita aho fa, indro, toa ranomasina fitaratra miharo afo, ary izay naharesy ka afaka tamin'ny bibi-dia sy ny sariny ary ny isan'ny anarany dia nitsangana teo amoron'ny ranomasina fitaratra, nitana lokangan'Andriamanitra. Ary mihira ny fihiran'i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, sy ny fihiran'ny Zanak'ondry izy manao hoe:

**"Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo Ô, Andriamanitra Tsitoha; Mahitsy sy marina ny lalanao, Ry Mpanjaka mandrakizay. Iza no tsy hatahotra? Ary iza no tsy hankalaza ny anaranao, Tompo ô? Fa Hianao ihany no masina. Ary ny firenena rehetra ho avy hiankohoka eo anatrehanao; Fa efa naharihary ny fitsarana marina nataonao."**

**Apokalypsy 19:1,3,7** Rehefa afaka izany, dia nahare hoatra ny feon'ny vahoaka betsaka tany an-danitra aho nanao hoe: **"Haleloia! Ny famonjena sy ny voninahitra ary ny hery dia an'Andriamanitsika!"** Dia niteny fanindroany ireo hoe: **"Haleloia! Ary ny setroky ny tanàna dia miakatra mandrakizay mandrakizay! Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy, fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Ka efa niomana ny vadiny."**

Izao dia miankina amintsika, izay fofombadiny, no manomana ny tenantsika ho mpidera sy mpitsaoka an'Andriamanitra. Tohizan'i Jaona hoe Aoka isika hifaly sy hiravo ka hanome voninahitra Azy, fa ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry dia tonga, ary ny fofom-badiny dia efa nanomana ny tenany.

### **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Iza no noforonina mba hitarika fiderana any an-danitra? Hazavao ny valin-teninao.
2. Iza no nameno ny banga an'ilay mpitarika fiderana teo aloha? Hazavao.
3. Ny mozika rehetra ve aingam-panahy avy amin'Andriamanitra? Ahoana no ahafahanao milaza ny fahasamihafana?

## Lesona Fahafito

### *Ny Mozika, Fanehoana Fiderana*

#### ZAVA-MANENO

---

Ny zava-maneno dia matetika ampiasaina hanehoana fiderana sy fiankohofana.

#### Nampiasain'I Davida

**Salamo 150:3-5 Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara; miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga! Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina! Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; miderà Azy amin'ny kipantsona tsara feo!**

Ny mpitendry izay hanolotra fiderana amin'ny zava-manenony dia tokony hanao izay hitendrena tsara.

**Salamo 33:3 Mihirà fihiram-baovao ho Azy; mitendre tsara amin'ny feo fifaliana.**

Mety ho talenta ara-panahy izany, fa tsy ny hita maso. Ny fahaizana dia tsy ao amin'ny fitendrena zava-maneno ihany, fa amin'ny fanavahana sy fanehoana ny fitarihana sy ny fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina.

Ny fahaizan'i Davida mitendry lokanga dia nandroaka ilay fanahy ratsy tao amin'i Saoly ary nitondra aim-baovao sy fanasitranana.

**1 Samoela 16:23 Ary raha nisy fanahy avy tany amin'Andriamanitra tonga tao amin'i Saoly, dia noraisin'i Davida ny lokanga ka notendren'ny tånany; ka dia velombelona sady nanaritra Saoly, ary ny fanahy ratsy niala taminy.**

#### Nampiasain'ny Mpisorona

**1 Tantara 23:5 Ary ny efatra arivo ho mpiandry varavarana, ary ny efatra arivo ho mpidera an'i Jehovah amin'ny zavatra namboariko hiderana Azy.**

#### Any An-danitra

**Apokalypsy 14:2 Ary nahare feo avy tany an-danitra aho, tahaka ny firohondron'ny rano be sy tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy. Ary ny feo izay reko dia tahaka ny an'ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany.**

## **NY FANAHY MASINA NO MANOME AINGAM-PANAHY AMIN'NY MOZIKA**

---

### **Mandatsaka Ny Hosotra**

Ny Fanahy Masina dia afaka mampiasa ny mozika ho voninahitr'Andriamanitra sy ho amin'ny fampandrosoana ny olona. Ny mozika dia afaka manampy amin'ny famoronana rivotra iainan'ny fanomezam-pahasoavana amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, fandikan-teny, faminaniana, fanasitranana, teny fahalalana sy fahendrena, fanomezam-pahasoavana ny amin'ny finoana sy ny fanaovana fahagagana.

**2 Mpanjaka 3:15,16a Nefa itondray mpitendry lokanga aho. Ary rehefa nitendry ilay mpitendry lokanga, dia nanindry an'i Elisa ny tãnan'i Jehovah.Ary hoy Elisa: Iza no lazain'i Jehovah...**

### **Fanehoana Fahafahana**

➤ *Ao Amin'ny Fahababoana*

Rehefa babo ny Israely dia nijanona ny mozikany.

**Salamo 137:1-4 Teo amoron'ny onin'i Babylona no nipetrahanay, Sady nitomanianay, raha nahatsiaro an'i Ziona. Teo amin'ny hazomalahelo teo afovoan'i Babylona No nanantonanay ny lokanganay. Fa teo dia nangataka anay hihira izay namabo anay; Ary izay nampahory anay nangataka anay hanao fifaliana ka nanao hoe: "Manaova hiran'i Ziona eto anatrehanay!" Nefa ho nataontsika ahoana no fihira ny fihiran'i Jehovah Tany an-tany nivahiniana?**

➤ *Amin'ny Fahafahana*

Rehefa nitsahatra ny famaboana azy, dia niverina tany amin'ny misy azy tamin'ny fihirana sy fifaliana be izy fitopolo taona taty aoriana.

**Salamo 126:1,2 Fony Jehovah nampody an'i Ziona avy tamin'ny fahababoany, dia tahaka izay nanonofy isika. Fahizay dia feno hehy ny vavantsika, sy fihobiana ny lelantsika; dia natao tany amin'ny Jentilisa hoe: "Zava-dehibe no nataon'i Jehovah ho an'ireny."**

## **NY MOZIKA AMIN'NY FIDERANA SY FIANKOHOFANA AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA**

---

### **Filazana Voalohany**

**Genesisy 4:21 Ary ny anaran'ny rahalahiny dia Jobala; izy no rain'ny mpitendry lokanga sy mpitsoka sodina rehetra.**

Ny anarana, Jobala, na Jubal (Hebreo) dia midika hoe mikoriana amina lalan-drano tahaka ny loharano. Mifandray amin'ny fanehoana firavoravoana izany.

## Mosesy

Mosesy sy ny Zanak'Israely nihira ho an'ny Tompo.

**Eksodosy 15:1,2** Ary Mosesy sy ny Zanak'Isiraely dia nihira izao fihirana izao ho an'i Jehovah ka nanao hoe: "Hihira ho an'i Jehovah aho, fa avo indrindra lzy! Ny soavaly sy ny mpitaingina azy efa nariany ao amin'ny ranomasina! Jehovah no heriko sy fiderako, fa efa famonjena ahy lzy; izao no Andriamanitra, ka hankalaza Azy aho, dia Andriamanitra ny razako, ka hanandratra Azy aho."

## Miriama

Miriama sy ny vehivavy dia nihira ho an'ny Tompo ka izao no nirain'i Miriama.

**Eksodosy 15:20,21** Ary Miriama mpaminanivavy, anabavin'i Arona, dia nitondra ny ampongatapaka teny an-tànany; ary nivoaka nanaraka azy ny vehivavy rehetra nitondra ampongatapaka sady nandihy. Ary Miriama namaly ireo lehilahy ireo ka nihira hoe: Mihirà ho an'i Jehovah, fa avo indrindra lzy! Ny soavaly sy ny mpitaingina azy nariany ao amin'ny ranomasina!"

## Israelita

Ny Israelita dia nankalaza tamin'ny hira.

**Nomery 21:17** Dia nihira izao fihirana izao ny Isiraely: "Miboiboiha, ry lavaka fantsakana! Ataovinareo an-kira izy..."

## Debora Sy Baraka

Debora sy Baraka dia nankalaza ny fandreseny tamin'ny hira.

**Mpitsara 5:1-3** Ary Debora sy Baraka, zanak'i Abinoama, dia nihira tamin'izany andro izany ka nanao hoe: "Noho ny fitarihan'ny lehibe tamin'ny Isiraely sy ny fahazotoan'ny vahoaka nanolotena, dia miderà an'i Jehovah! Mandrenesa ianareo, ry mpanjaka! Mihainoa ianareo, ry mpanapaka! Izaho indrindra no hihira ho an'i Jehovah; hankalaza an'i Jehovah, Andriamanitra ny Isiraely, aho."

## Ny Vehivavy Israeliana

Ny vehivavy Israeliana dia nankalaza ny fandresen'i Davida an'i Goliata.

**1 Samoela 18:6,7** Ary nony tonga ny olona tamin'ny niverenan'i Davida avy namono ilay Filistina, dia nivoaka ny vehivavy avy tamin'ny tanànan'ny Isiraely rehetra ka nihira sy nandihy nitsena an'i Saoly mpanjaka tamin'ny ampongatapaka sy ny fifaliana ary ny kipantsona. Ary ny vehivavy mpandihy dia nihira hoe: "Saoly nahafaty arivoarivo; Fa Davida nahafaty alinalina."

## Davida

Davida dia nihira fiderana ny Tompo hatrany hatrany.

**Salamo 7:17** Hidera an'i Jehovah araka ny fahamarinany aho, ary hankalaza ny anaran'i Jehovah Avo Indrindra.

**Salamo 13:6** Hihira ho an'i Jehovah aho, satria nanisy soa ahy Izy.

**Salamo 21:13** Misandrata amin'ny herinao, Jehovah ô! Hihira sy hankalaza ny herinao izahay.

## Ny Mpisorona

Levita 4,000 no nidera ny Tompo tamin'ny zava-maneno.

**1 Tantara 15:16** Ary ireo lehiben'ny Levita dia nasain'i Davida nanendry ny mpihira rahalahiny hitondra ny zava-maneno, dia ny valiha sy ny lokanga ary hampaneno ny kipantsona, mba hanandra-peo amin'ny fifaliana.

**1 Tantara 23:5** Ary ny efatra arivo ho mpiandry varavarana, ary ny efatra arivo ho mpidera an'i Jehovah amin'ny zavatra namboariko hiderana Azy.

**2 Tantara 30:21** Ary ny Zanak'isiraely izay tany Jerosalema dia nitandrina hafitoana ny andro firavoravoana fihinanana ny mofa tsy misy masirasira tamin'ny fifaliana lehibe; ary ny Levita sy ny mpisorona nidera an'i Jehovah isan'andro sady nampaneno zavatra mafy faneno ho an'i Jehovah.

## NY MOZIKA AMIN'NY FIDERANA SY FIANKOHOFANA AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

---

### Ny Mpianatra

Jesosy sy ny mpianatra dia niara-nihira.

**Matio 26:30** Ary rehefa nihira fiderana izy, dia lasa nankany amin'ny tendrombohitra Oliva.

Ny tonon-kira dia hira fiderana ho an' Andriamanitra.

### Paoly

Paoly dia nampianatra ny fiangonana amin'ny fihirana misy hosotra.

**1 Korintiana 14:15** Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho; sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho.

**Efesiana 5:19,20** Ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo, misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.



**Kolosiana 3:16 Aoka ny tenin'i Kristy hitetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihira amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra.**

### **Tonon-kira**

Ny tonon-kira dia hira fiderana an' Andriamanitra.

### **Hiram-panahy**

Ny hiram-panahy dia hira omen'I Fanahy Masina mivantana ary hiraina avy hatrany ka ny Fanahy Masina no manome na ny tonony na ny feony.

Mety ho amin'ny fitenin'ilay olona mihira na amin'ny fiteny tsy fantatra.

### **Tanjona Fototra**

Ny tanjona voalohany amin'ny fihirana dia fiderana sy fanandratana an' Andriamanitra. Tsy nihira mba hanaitra izy, na mba hamalifaly. Ny fihirany dia tsy nifantoka tamin'ny olona. Fa nivantana tamin'Andriamanitra ho fahafinaretany irery ihany.

**Hebreo 2:12 ka manao hoe: "Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko Aho; eo amin'ny fiangonana no hiderako Anao."**

## **FANEHOAM-PANAHY AMIN'NY FIDERANA**

---

### **Fiderana An'Andriamanitra Amin'ny Feo**

**1 Tantara 16:9 Mihirà ho Azy, mankalazà Azy; Saintsaino ny fahagagana rehetra ataony!**

**Salamo 71:23,24a Hihoby ny molotro raha mankalaza Anao; ny fanahiko koa izay efa navotanao; ary ny lelako hitory ny fahamarinanao mandrakariva...**

- *Ataovy fahazarana ny firesahana amin'ny Tompo.*
- *Asandrato ny asany mahagaga.*
- *Atomboy amin'ny filazana fiderana Azy ny andro tsirairay.*
- *Derao amin'ny resaka sy amin'ny hira Izy.*
- *Voleo ny fahazarana midera.*

**Salamo 40:16 Aoka ho faly sy ho ravoravo aminao izay rehetra mitady Anao; aoka izay rehetra tia ny famonjena hanao mandrakariva hoe: "Hankalazaina anie Jehovah!"**

**Salamo 66:8 Misaora an'Andriamanitsika, ry firenena! Ary asandrato ny feo fiderana Azy.**

Ny fiderana an'Andriamanitra mety ho amin'ny fihirana, fanehoana fihetsem-po fifaliana avy hatrany. Mety ho ilay

zavatra nolazainy koa izany. Ny fiderana dia fanehoana tsara fahatsapana izay mitondra hery ho an'ny tena manontolo.

### **Mihoby Amin'Andriamanitra**

Ao ny fotoana itenenana, ao ny fotoana hihobiana.

**Salamo 47:1 Mitehafa tanana, ry firenena rehetra! Mihobia ho an'Andriamanitra!**

**Isaia 12:6 Miantsoa mafy sy mihobia, ry mponina any Ziona, fa lehibe ao afovoanao ny Iray Masin'ny Isiraely!**

**1 Samoela 4:5 Ary rehefa tonga teo an-toby ny fiaran'ny faneken'i Jehovah, dia nihoby mafy ny Zanak'Isiraely rehetra, ka dia nanako ny tany.**

**Lioka 19:37 Ary rehefa nanakaiky lzy ka tonga teo am-pidinana amin'ny tendrombohitra Oliva, dia nifaly avokoa ny mpianatra maro be ka nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo mahery noho ny asa lehibe rehetra izay efa hitany.**

### **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Manomeza ohatra ara-Baiboly momba ny fampiasana zava-maneno amin'ny fiderana.
2. Manomeza ohatra ara-Baiboly momba ny mozika mampisy ny hosotry ny faminiana.
3. Manomeza ohatra momba ny mozika izay nampiasaina tamin'ny fiderana sy fiankohofana ao amin'ny Testamenta Taloha.
4. Manomeza ohatra momba ny mozika izay nampiasaina tamin'ny fiderana sy fiankohofana ao amin'ny Testamenta Vaovao.

## Lesona Fahavalo

### *Ny Fihetsiky Ny Vatana Amin'ny Fiderana*

**Fanamarihana:** Tsara raha misy hira safidiana manokana alohan'ity fampianarana ity, izay afaka manampy amin'ny fampiharana ny karazana fihetsika amin'ny fiderana. Aorian'ny fianarana, mila maka fotoana hampiharana azy ao anatin'ny fotoanan'ny fiderana sy fiankohofana avo. Endrey ny hatsaran'izany hoe ny fanatrehan'Andriamanitra tonga eo afovoantsika izany rehefa mampihatra ny karazana fihetsika samihafa ny amin'ny fiderana sy fiankohofana isika.

#### **NY FIHETSIKA ATAON'NY VATANA AO ANATIN'NY FIDERANA**

---

##### **Mitsangana**

Ny mitsangana dia mariky ny fanajana.

**2 Tantara 20:19** Dia nitsangana ny Levita, taranaky ny Kehatita sy taranaky ny Koraita, mba hidera an'i Jehovah, Andriamanitra ny Isiraely, tamin'ny feo mahery indrindra.

**Apokalypsy 7:9,10** Rehefa afaka izany dia hitako fa, indreo, nisy olona betsaka tsy tambo isaina avy tamin'ny firenena rehetra sy ny fokon-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany, dia niantso tamin'ny feo mahery izy nanao hoe: "Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika, izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy ho an'ny Zanak'ondry!"

**Salamo 33:8** Aoka hatahotra an'i Jehovah ny tany rehetra; aoka hangovitra eo anatrehan'ny mponina rehetra amin'izao tontolo izao.

**Salamo 135:1,2** Haleloia! Miderà ny anaran'i Jehovah; miderà, ianareo mpanompon'i Jehovah! Hianareo izay mpitœetra ao an-tranon'i Jehovah, eo anatin'ny kianjan'ny tranon'Andriamanitsika.

##### **Miteha-tanana**

Ny miteha-tanana dia fihetsika maneho fifaliana, firavoravoana sy fanekena.

**Salamo 47:1** Mitehafa tanana, ry firenena rehetra; mihobia ho an'Andriamanitra!

**Isaia 55:12** Fa amin'ny fifaliana no hivoahanareo, ary amin'ny fiadanana no hitondrana anareo; ny tendrombohitra sy ny havoana hahavelona hoby eo alohanareo, ary ny hazo rehetra any an-tsaha hiteha-tanana.

## Mandeha

Ny mandeha dia fihetsika maneho fandresena. Ny fandehanana manodidina an'i Jeriko, araka ny didy nomena, dia nitondra fandresena tanteraka.

**Josoa 6:2-5 Ary hoy Jehovah tamin'i Josoa: "Indro! Efa natolotro eo an-tananao Jeriko sy ny mpanjakany mbamin'ny lehilahy mahery. Koa mandehana manodidina ny tanàna indray mandeha ianareo mpanafika rehetra. Henemana no hanaovanao izany. Ary asio mpisorona fito mitondra anjomara fito mafy faneno eo alohan'ny fiara.**

**Ary amin'ny andro fahafito dia hodidino impito ny tanàna, ary aoka ny mpisorona hitsoka ny anjomara. Ary raha manao feo lavareny ny anjomara mafy faneno, ka renareo ny feon'ny anjomara, dia hanakora mafy ny vahoaka rehetra; ka dia hirodana amin'izay ny mândan'ny tanàna, ary hiakatra samy hizotra amin'izay hitsiny avy ny olona."**

Ny vadin'I Kristy dia ambara fa tahaka ny mpiantafika mandeha.

**Tonon-kiran'i Solomona 6:4,10 Tsara tarehy tahaka an'i Tirza ianao, ry tompokovavy havako, eny, tsara tarehy tahaka an'i Jerosalema, mahatahotra toy ny antokon'ny miaramila mitondra faneva! Iza moa io vehivavy mitsidika toy ny maraina, izay tsara tarehy tahaka ny volana, madio toy ny masoandro sady mahatahotra toy ny antokon'ny miaramila mitondra faneva?**

## Mandihy

Ny mandihy dia fampisehoana lehibe anehoana ny fihetsiky ny vatana amin'ny fiderana. Mangataka ny fampiasana ny vatana rehetra izy. Izany dia mitaky ny famotsorantsika tanteraka ny sakana sy ny fahalalana rehefa mankato an'Andriamanitra isika sy mandihy eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny herintsika rehetra.

**Salamo 149:3 Aoka hidera ny anarany amin'ny dihy izy sy hankalaza Azy amin'ny ampongatapaka sy ny lokanga.**

**2 Samoela 6:14 Ary Davida nitsinjaka mafy dia mafy teo anatrehan'i Jehovah...**

Hianatra lalindalina kokoa momba ny dihy isika aorian'ity lesona ity.

## Ny hehy

Misy fanehoana fifaliana tsy misy ohatr'izany ao amin'ny Tompo, ka ny fihetsika tokana ahafahana maneho azy dia ny mihomehy. Misy fanasitranana lehibe sy fanafahana indraindray entin'ny hehy masina eo anoloan'ny Tompo. Ny hehy marina dia fanehoana fifaliana anaty.

**Salamo 126:2 Fahizay dia feno hehy ny vavantsika, sy fihobiana ny lelantsika. Dia natao tany amin'ny Jentilisa hoe "Zava-dehibe no nataon'i Jehovah ho an'ireny."**

**Joba 8:20,21 Indro, Andriamanitra tsy hanary ny olona tsy manan-tsiny ary tsy hitantana ny mpanao ratsy. Mbola hofenoiny hehy ny vavanao, sy hoby ny molotrao.**

## **NY FIHETSIKA ATAON'NY VATANA AO ANATIN'NY FIANKOHOFANA**

---

### **Manandra-tanana**

Eo amin'ny tontolon'ny nofo, ny manandra-tanana dia midika faharesena. Ao anatin'ny fiankohofana, dia mariky ny fanatitra sy faharesena izy.

**Romana 12:1 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.**

**Salamo 141:2 Aoka hankeo anatrehanao mandrakariva toy ny ditin-kazo manitra ny fivavako, ary ho toy ny fanatitra hariva ny fanandratako ny tanako.**

Manambara fa mitady sy mangetaheta an'Andriamanitra.

**Salamo 143:6 Mananty tanana aminao aho; ny fanahiko dia tahaka ny tany mangetana eo anatrehanao.**

**Salamo 42:1,2 Tahaka ny diera mihanahana maniry ny rano an'ony no anirian'ny fanahiko Anao, Andriamanitra ô. Mangetaheta an'Andriamanitra ny fanahiko, dia Andriamanitra velona. Rahoviana no ho tonga aho ka hiseho eo anatrehan'Andriamanitra?**

Ny fanandrata-tanana koa dia mety ho fihetsika entina hisaorana an'Andriamanitra.

**Salamo 134:2 Manandrata ny tananareo ho amin'ny fitcerana masina, ka misaora an'i Jehovah.**

**Salamo 63:4 Toy izany no hisaorako Anao, raha mbola velona koa aho; amin'ny anaranao no hanandratako ny tanako.**

Ny fanandratantsika tanana dia mety ho fihetsika fanehoana vavaka sy fifonana.

**Salamo 28:2 Mihainoa ny feon'ny fifonako, raha mitaraina aminao aho, raha manandratra ny tanako ho amin'ny fitceranao masina indrindra aho.**

**1 Timoty 2:8 Koa tiako ny lehilahy hivavaka eny tontolo eny, manandra-tanana masina, tsy amin'ny fahatezerana na amin'ny fifandirana.**

## Miondrika Sy Mandohalika

Ny miondrika sy mandohalika dia fihetsika maneho fanajana sy fiankohofana.

**Salamo 95:6 Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; aoka isika handohalika eo anatrehan'i Jehovah, Mpanao antsika.**

## Mihohoka Amin'ny Tany

Ny mihohoka amin'ny tany dia fihetsika maneho fiankohofana lalina, fanajana tanteraka, fanaovana tsinontsinona ny tena.

**1 Mpanjaka 18:39 Ary raha nahita izany ny olona rehetra, dia niankohoka; ka nanao hoe, "Jehovah, Izy no Andriamanitra! Jehovah, Izy no Andriamanitra!"**

**1 Tantara 29:20 Ary hoy Davida tamin'ny fiangonana rehetra, "Masina ianareo, misaora an'i Jehovah Andriamanitrareo." Ary ny fiangonana rehetra dia nisaotra an'i Jehovah, Andriamanitry ny razany, sady niondrika ka niankohoka teo anatrehan'i Jehovah sy ny mpanjaka.**

## Mangina

Ny fahanginana dia mety ho fanehoana fiderana.

**Mpitoriteny 3:7 Ao ny andro andriarana, ary ao ny andro anjairana; ao ny andro anginana, ary ao ny andro itenenana...**

**Salamo 46:10 Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra; hisandratra amin'ny firenen-tsamy hafa Aho, hisandratra amin'ny tany Aho!**

## Ny Ranomaso

Indraindray isika mitomany rehefa mahatsapa ilay fitiavana lehibe sy ny fiantran'Andriamanitra.

**Asan'ny Apostoly 20:36,37 Ary rehefa niteny izany izy, dia nandohalika teo ka niara-nivavaka tamin'izy rehetra. Ary nitomany mafy izy rehetra, dia namihina ny vozon'i Paoly ka nanoroka azy.**

Ny ranomaso miarakamin'ny fiderana dia fanehoana fisaorana sy fitsaohana tanteraka. Indraindray ny ranomaso mamoaka fihetseham-po lalina sy manasitrana ny any anaty.

**Lioka 7:37,38 Ary indro, nisy vehivavy mpanota tao an-tanàna, ka rehefa fantany fa Jesosy nipetraka nihinana tao an-tranon'ilay Fariseo, dia nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra izy ary nijanona teo ivohony tanilan'ny tongony izy ka nitomany, dia nahakotsa ny tongony tamin'ny ranomasony sy namaoka azy tamin'ny volon-dohany, dia nanoroka fatratra ny tongony ka nanosotra azy tamin'ny menaka manitra.**

Ny ranomaso dia mialohan'ny fifaliana sy ny fandresena foana indraindray.

**Salamo 126:5,6 Izay mamafy am-pitomaniana dia hijinja am-pifaliana. Mandeha mitomany mitondra ny voa afafiny izy, fa hiverina mitondra ny amboarany amin'ny fihobiana kosa.**

## NY DIHY

---

Ny dihy dia tsy hoe fihetsika manan-danja be noho ny fihetsika hafa anatin'ny fiderana. Na dia izany aza, dia mbola mampiady hevitra be ihany koa izany ary tena mila fanazavana bebe kokoa mihoatra ny fihetsika hafa rehetra.

### Famaritana

Ny dihy dia fihetsiketsehana lehibe. Mangataka ny fampiasana ny vatana iray manontolo izy hanambarana fifaliana, fiderana sy fiankohofana eo anatrehan'ny Tompo.

Ny teny hebreo sy grika mamaritra ny hoe “dihy” dia “mitsambikina, mampakatra tongotra, miansambotra.” Amin'ny teny hafa, dia midika ho fihetsika eo noho eo sy tsy amboamboarina.

**Asan'ny Apostoly 3:8 Ary niansambotra izy ka nijoro, dia nitsangantsangana ary niara-niditra taminy ho eo an-kianjan'ny tempoly, nitsangantsangana ny niansambotsambotra sady nidera an'Andriamanitra.**

**Salamo 149:3 Aoka hidera ny anarany amin'ny dihy izy Sy hankalaza Azy amin'ny ampongatapaka sy ny lokanga.**

## OHATRA MOMBA NY DIHY AO AMIN'NY TESTAMENTA TALOHA

---

### Ao Anatin'ny Fankalazana

Ny Zanak'Isiraely dia nandihy ho fankalazana ny fahasoavana sy fahafahana tamin'ny nanafahana azy ireo tamin'ny Egyptiana.

**Eksodosy 15:20 Ary Miriama mpaminanivavy, anabavin'i Arona, dia nitondra ny ampongatapaka teny an-tànany; ary nivoaka nanaraka azy ny vehivavy rehetra nitondra ampongatapaka sady nandihy.**

Nifaly ny Zanak'Isiraely rehefa narenina ny fiaran'ny fanekena.

**2 Samoela 6:14 Ary Davida nitsinjaka mafy dia mafy teo anatrehan'i Jehovah...**

### Ny Dihy Tarihiny Fanahy

Ny dihy tarihin'ny Fanahy dia eo noho eo, voalohany sy tsy sarotra raha amin'ny endriny fa afaka aseho amin'ny fihodinana, fitsambikinana sy fiantsamborana. Misy fotoana izy ampiarahina amin'ny feon-java-maneno sy hira.

**Salamo 149:3 Aoka hidera ny anarany amin'ny dihy izy; sy hankalaza Azy amin'ny ampongatapaka sy ny lokanga.**

➤ *Olon-Tokana Na Olona Maro*

Dauida nandihy teo anatrehan'ny Tompo.

Miriama sy ny vehivavy rehetra dia nandihy.

Ny dihy tarihin'ny Fanahy dia tsy dihy iarahan'ny lahy sy vavy.

➤ *Miriama sy ny vehivavy rehetra niaraka nandihy*

➤ *Ny zatovo sy ny antitra dia niaraka nandihy*

**Jeremia 31:13a Ary amin'izany dia ho faly amin'ny fandihizana ny virijina mbamin'ny zatovo sy ny antitra koa...**

➤ *Tsy Misy Taona Voafetra*

Tsy misy taona voafetra ho an'ny dihy tarihin'ny Fanahy, araka ny voalazan'ny Teny hoe "zatovo sy ny antitra."

## Mihira Sy Mandihy

Ny hira sy ny dihy dia afaka ampiarahina.

**1 Samoela 29:5 Tsy io moa no Dauida, izay nandihizany sy nanaovany hira mifamaly hoe: "Saoly nahafaty arivoarivo, Fa Dauida nahafaty alinalina?"**

## Andro Handihizana

Misy ny fotoana mety handihizana.

**Mpitoriteny 3:4 Ao ny andro itomaniana, ary ao ny andro ihomezana; ao ny andro isaonana, ary ao ny andro andihizana...**

## Mandihy Eo Anatrehan'ny Tompo

Io fihetsika ao anatin'ny fiderana io dia iray amin'ny fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra ambarany mba hiderantsika Azy amin'ny dihy. Tahaka ny asa atao tsy antery, na dia tsapantsika aza fa tsy avanana isika manao azy, mankato an'Andriamanitra isika ary miaraka amin'ireo mpino hafa koa izay mandihy eo anatrehan'ny Tompo.

## Mandihy Am-Panahy

Ny mandihy am-panahy, dia rehefa tsy tompon'ny tenantsika intsony isika fa ao ambany fitarihan'ny Fanahy tanteraka. Mandritra io fotoana io, ny mpino dia mahatsapa fa "very" ao amin'ny tontolon'ny fanahy ary feno ny heriny, ka mahatonga azy tsy mahatsapa tena sy ny olona manodidina azy intsony. Ho amin'ny fotoanan'Andriamanitra foana izany mba tsy hialantsika Aminy, fa kosa hanana fifandraisana tsara Aminy ary handeha araka ny hetsik'Andriamanitra amin'izany fotoana izany.



## Faminaniana Ny Famerenana Indray

Efa nisy faminaniana ny amin'ny famerenana ny dihy.

**Jeremia 31:4,13 Mbola hanorina anao indray Aho, ka dia hiorina ianao, ry Isiraely virijina! Ary mbola hiravaka mitondra ny ampongatapakao ianao ka hivoaka amin'ny dihin'ny mifaly. Ary amin'izany dia ho faly amin'ny fandihizana ny virijina mbamin'ny zatovo sy ny antitra koa; fa hampodiko ho fifaliana ny fitomaniany, ka hampiononiko sy hampifaliko izy ho afaka alahelo.**

Raha Isiraely ao amin'ny tontolon'ny fanahy isika, dia ho antsika io faminaniana io amin'izao andro izao.

## FAMPITANDREMANA

---

### Tandremo ny Dihy Ara-nofo

Ny dihy ara-nofo voajanahary dia mifandraika amin'ny fihemorana, ny sampy, ny fahalotoana, ny rehaky izao tontolo izao. Satana dia mahay maka-tahaka ny zavatra rehetra. Ny fakan-tahaka dia manambara tsotr'izao fa misy ny marina sy tena izy hatramin'izay.

### Tsy Ho Fampisehoana

Ny tanjon'ny dihy ao anatin'ny fiderana an'Andriamanitra dia tsy natao ho "fampisehoana" na koa fanehoana fahaizana izay manintona ny mason'ny olona amin'ny mpandihy. Mifanohitra amin'izay, ny dihy amin'ny maha fiderana azy dia fihetsiky ny vatana eo noho eo sy mahery vaika ho fiderana an'Andriamanitra izay mitaky ny fivorian'ny mpino.

Tahaka ny vehivavy sy ny lehilahy, ny tanora sy ny antitra koa dia tokony handray anjara.

**Jeremia 31:13a Ary amin'izany dia ho faly amin'ny fandihizana ny virijina mbamin'ny zatovo sy ny antitra koa...**

Ny mpino rehetra dia tsy tokony hitsahatra midera ka lasa "mpijery" na koa hanaiky ho voarebirebin'ny zava-miseho mandritra ny fotoanan'ny "dihy tarihin'ny Fanahy" na "ny dihy eo anatrehan'Andriamanitra." Fa na inona na inona, ny dihy dia tsy tokony atao "fampisehoana" ka ny sasantsasany amin'ny olona ihany no manao azy mba hampifaliana ny hafa.

Satria ny dihy dia tokony ho fihetsika maneho fahafahana eo amin'ny fiderana izay mitaky ny tena iray manontolo – fanahy, aina, sy ny vatana – ka noho izany tokony asiana fitandremana. Ny fiakanjontsika sy ny fihetsikitsika dia tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra foana ka tsy hahasarika ny fijerin'ny olona amintsika.

## Miditra Ao

Rehefa ny mpino no mandà tsy hiditra ao anatin'ny dihin'ny fiderana eo anatrehan'Andriamanitra, rehefa ny Fanahy Masina no mampihetsika amin'izany, dia midika fikomiana izany ao amin'Andriamanitra. Ny fahatsapan-tena sy ny fahatahorana ho afa-baraka dia mety hampalahelo na hampijanona ny fiasan'ny Fanahy Masina.

Misy karazana “hery” lehibe izay mitranga amin'ny fihetsehan'ny Fanahy Masina eo amin'ny vatan'ny mpino iray rehefa mahatsapa izy fa maty ny ara-nofo dia mamela ny Fanahy Masina hihetsika amin'ny alalany, ka afaka manao tahaka an'i Davida nandihy teo anatrehan'ny Tompo tamin'ny heriny rehetra.

## FANONTANIANA FAMERENANA

---

1. Milazà fihetsika telo ataon'ny vatana ao anatin'ny fiderana ka afaka hanambarana fihetsika maneho fiankohofana sy fanajana.
  
2. Fanampin'ny tabernakelin'i Davida, inona amin'ny fihetsiky ny vatana koa no naminaniana fa ho hatsangana indray ao am-piangonana?
  
3. Inona no fihetsika fiderana izay fantatrao fa mety aminao? Inona ny Tenin'Andriamanitra milaza ny amin'izay? Ianao ve vonona ny hidera an'Andriamanitra amin'ny alalan'io fihetsika io raha hangatahiny aminao izany?

## Lesona Fahasivy

### *Sakana Amin'ny Fiderana*

Ny tsy fahafahana miditra anatin'ny fiderana sy fiankohofana dia manambara fa misy olana fototra amintsika sy Andriamanitra. Zava-dehibe ny hitadiavan'ny mpino tsirairay Azy mandrapahafantarany ny olany, ary mamaha izany. Ny vesatra izay mihazona antsika tsy hidera ny Tompo, dia afaka manakana antsika tsy handroso miarakamin'Andriamanitra, hahazoantsika valim-bavaka, na hahatonga antsika sitrana.

#### Fialan-tsiny Matetika

“Tsy ao mihitsy aho!”

“Menatra loatra aho; mifantoka loatra amiko aho!”

“Tsy mahay maneho aho.”

Na izany aza, ny fiderana dia baiko avy amin'Andriamanitra ary tsy misy fialan-tsiny mety!

**Salamo 150:6 Aoka izay rehetra manam-pofonaina samy hidera an'i Jehovah. Haleloia!**

#### VESATRA AMIN'NY FIDERANA IZAY TOKONY HARAVONA

---

#### Ota

Ny fahotana dia manimba ny fiarahantsika sy ny firaisantsika amin'Andriamanitra. Ny fahotana dia manakana antsika tsy ho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

**Salamo 66:18 Raha nankasitraka ota tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ny Tompo.**

**Isaia 59:2 Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo amin'Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavany aminareo, ka dia tsy mihaino lzy.**

#### ➔ *Vahaolana*

Ny valiny dia tokony hiaiky ny fahontantsika isika, ary mandray ny famelany heloka.

**1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.**

#### Fanamelohan-tena

Tsy mba Andriamanitra mihitsy fa Satana no mametraka amintsika ny fanamelohan-tena.

Rehefa nangataka an'Andriamanitra mba hamela antsika isika, dia mamela ny tenantsika. Ny fanamelohantsika tena dia lasa:

- *Mahatonga antsika mahatsapa tsy mendrika— ka lasa manamelo-tena eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika.*
- *Mahatsapa loatra hoe tsy mendrika ka adinontsika ny fahasoavana sy ny famindrapon'Andriamanitra. Lasa isika no mihevitra be antsika raha tokony Andriamanitra no heverintsika. .*

### ➔ **Vahaolana**

**Romana 8:1 Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy.**

- *Alao ny fisainanao ary attolory an'I Jesosy.*
- *Arakaraka ny fotoana laniansika miarakamin'I Jesosy, dia lasa te hidera Azy kokoa hatrany isika.*

**Hebreo 12:2 Mijery an'i Jesosy, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy, izay naharitra ny hazo fijaliana, fa tsy nitandro henatra, mba hahazoany ny fifaliana napetraka teo anoloany, ka dia efa mipetraka eo amin'ny ankavanana'ny seza fiandrianan'Andriamanitra Izy.**

## Fanaon'izao Tontolo Izao

Ny fanaon'izao tontolo izao dia ny fananana saina sy eritreritra mifantoka amin'ny zavatra eo amin'izao tontolo izao.

Maniry “famendrehana,” na “izay mety amin'ny tena,” mihoatra noho ny manompo an'Andriamanitra amin'ny fitsaohana.

### ➔ **Vahaolana**

**1 Petera 5:7 Ary apetraho Aminy ny fanahianareo rehetra; fa lzy no miahly anareo.**

**Filipiana 4:8 Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te-ho-tia, na inona na inona tsara laza, raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany.**

**1 Jaona 2:15 Aza tia izao tontolo izao, na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatin'ny fitiavana ny Ray.**

**Romana 12:2 Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.**

## Tsy Liana

Ny matimaty na tsy liana amin'ny Tompo dia matetika manakana ny olona hiditra amin'ny fiderana sy fiankohofana.

**Apokalypsy 2:4 Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao.**

### ➔ *Vahaolana*

Avelao ny fonao hiverina amin'Andriamanitra amin'ny fibebahana tanteraka ary arahina fihetsika fankatoavana, atomboka amin'ny fiderana Azy.

**Malakia 3:7 "Hatramin'ny andron'ny razanareo dia efa niala tamin'ny Didiko ianareo ka tsy nitandrina azy. Miverena amiko, dia mba hiverina ho aminareo kosa Aho," hoy Jehovah, Tompon'ny maro.**

## Fikomiana

Ny fikomiana amin'Andriamanitra, ray aman-dreny, na ny fitondrana izay napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiangonana no anisan'ny tena manavesatra amin'ny fiderana.

**1 Samoela 15:22,23 Fa hoy Samoela: "Sitruk'i Jehovah moa ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hafa alatsa-drà mihoatra noho ny mihaino ny feon'i Jehovah? He! Ny manafaka no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny saboran'ondrilahy. Fa ny miodina dia toy ny heloka amin'ny fankatovana, ary ny ditra dia toy ny manompo sampy sy terafima. Satria nandà ny tenin'i Jehovah ianao, dia nolaviny tsy ho mpanjaka kosa."**

### ➔ *Vahaolana*

Maneke ny fitondrana ary mibebaha ny amin'ny fikomiana.

**Hebreo 13:17 Maneke ny mpitondra anareo, ka manoava azy; fa izy miambina ny fanahinareo araka izay tokony hataon'ny olona mbola hampamoahina. Mba hanaovany izany amin'ny fifaliana, fa tsy amin'ny fisentoana; fa tsy hahasoa anareo izany.**

## Ny Fahakiviana

Betsaka ny mitondra ny olany ao am-piangonana miaraka aminy. Zava-dehibe ny hanomanantsika ny fontsika hiderana an'Andriamanitra alohan'ny ahatongavantsika.

**2 Korintiana 4:8,9b Voageja manodidina izahay, nefa tsy tery; very hevitra, nefa tsy mamoy fo; enjehina, nefa tsy nafoy, potraka, nefa tsy maty.**

### ➔ *Vahaolana*

Raha manomboka mankatoa amin'ny fiderana sy fiankohofana an'Andriamanitra isika, dia handao ny fontsika daholo ny fahakiviana rehetra.

**Isaia 51:11 Eny, ny navotan'i Jehovah hiverina ka hankany Ziona amin'ny fihobiana, ary ny fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; hahazo fifaliana mandrakizay no ho eny an-dohany; hahazo fifaliana faharavoravoana izy, ka dia handositra ny alahelo sy ny fisentoana.**

## Fahatezerana

Tsy hay atao ny manatona an'Andriamanitra amin'ny fiderana sy fiankohofana raha ohatra isika mihazona fahatezerana amin'olona, amintsika na amin'Andriamanitra ao am-pontsika.

**Jakoba 1:19,20 Fantatrarao izany, ry rahalahy malalako, kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino ho malai-miteny, ho malainko tezitra; fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahafana izay marina eo imason'Andriamanitra.**

### ➔ *Vahaolana*

Mamelà ireo izay nanao diso taminao ary lavo ny fahatezerana tsy hijanona ao am-ponao.

**Efesiana 4:31;32 Esory aminareo ny fo lentika rehetra sy ny fahavinirana sy ny fahatezerana sy ny fitabatabana sy ny fitenenan-dratsy ary ny lolompo rehetra; ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy.**

## Fanahiana

Ny fanahiana dia fanehoana fisalasalana sy tsy finoana; ny mifanohitra amin'ny finoana. Tsy hay atao ny miditra amin'ny fiderana sy fiankohofana miaraka amin'ny eritreritra feno fanahiana.

**Jaona 14:27 Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo.**

### ➔ *Vahaolana*

Rehefa mampifantoka ny masontsika amin'I Jesosy sy ny fampanantenan'ny Teniny isika fa tsy manahy, ka manomboha misaotra Azy ny amin'izay nataony sy ny mahizy Azy, ny fantsika dia hofenoina fiadanana ary ilay fiderana dia hanomboka hikorianana avy ao am-pontsika ka tonga amin'Andriamanitra.

**Filipiana 4:6,7 Aza manahy na inona na inona, fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra; ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.**

## Fahavesarana

Ny famelàna ny fanahintsika ho resin'ny fanahin'ny fahavesarana noho ny amin'ny zava-misy dia fampijanonana ny fikorianan'ny fiderana eo amin'ny fiainantsika.

**1 Petera 4:12,13 Ry malala, aza gaga noho ny fizahan-tœtra mahamay izay mahazo anareo ho fitsapan-tœtra, ary aza atao ho zavatra mahagaga manjo anareo izany, fa araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy, dia mifalia, mba hiravoravoanareo indrindra amin'ny fisehoan'ny voninahiny koa.**

### ➔ *Vahaolana*

Ho fanati-piderana, dia tokony hanomboka hiravoravo isika. Ho fihetsika fankatoavana an'Andriamanitra, dia tokony hanaovantsika ny fitafiam-piderana.

**Isaia 61:3 Hanolotra ho an'ny malahelo ao Ziona, eny, hanome azy namama ho solon'ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon'ny fahalalohovana, ary fitafiana fiderana ho solon'ny fanahy reradreraka, mba hanaovana azy hoe Hazon'ny fahamarinana, nambolen'i Jehovah ho fampisehoam-boninahitra.**

## Fihevitra Diso Momba Ny Ray

Betsaka no manana fahatsapana tsy tsara momba an'Andriamanitra. Mahatsapa izy fa Andriamanitra dia tsy mitsahatra mitsara azy. Ny sasany mahatsapa fa tsy tian'Andriamanitra hiravoravo ny olona iray.

### ➔ *Vahaolana*

Ny valiny dia ny fahazoana fiheverana “marina” momba an'Andriamanitra amin'ny fandanianana fotoana amin'ny Teniny.

**Jaona 3:16 Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana , mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.**

**Romana 8:31,32,38,39 Inona ary no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanani-lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra? Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.**

## Fombafombam-pivavahana

Ny fivavahana mamatotra, fa ny fanavotana manafaka.

**Matio 15:6 Koa dia foananareo ny tenin'Andriamanitra noho ny fampianarana voatolotra anareo.**

### ➔ *Vahaolana*

Ny valiny dia ny mandinika tsara ny fombantsika amin'ny Tenin'Andriamanitra ary mamela ny Fanahy Masina haneho antsika ny mety làlana marina.

## Avonavona

Ny avonavona dia ny fijerena ny tena manokana, mba ho heverin'ny hafa fa tsara. Ny avonavona dia mametraka ny olona sy ny mahizy eo amin'ny fiandrianana raha tokony ho Andriamanitra no eo. Ny fitadiavana dera avy amin'ny olona dia mifanohitra amin'ny fanomezana fiderana an'Andriamanitra.

Jesosy dia manazava mikasika ireo mpitondra fivavahana mpiharena tamin'ny androny.

**Matio 23:1,2,5-7 Ary tamin'izany Jesosy dia niteny tamin'ny vahoaka sy tamin'ny mpianany ka nanao hoe: "Eo amin'ny fipetrahan'i Mosesy no ipetrahan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo. Ary ny asany rehetra dia ataony mba ho hitan'ny olona; fa ataony lehibe ny fylakiterany, ary ataony vaventy ny somotraviaviny. Ary tia ny fitaerana aloha eo amin'ny fanasana izy, sy ny fipetrahana aloha eo amin'ny synagoga sy ny hoharabain'ny olona eny an-tseny ary ny hataon'ny olona hoe: Raby ô!**

### ➔ *Vahaolana*

Ny vahaolana dia ny manetry tena.

**Matio 23:11,12 Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo. Fa izay manandra-tena no haetry, ary izay manetry tena no hasandratra.**

**Romana 12:3 Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin'ny olona rehetra izay eo aminareo: Aza mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina; fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy.**

## Tahotr'olona

Ny tahotra izay mety heverin'ny olona dia endrika fatotra ary sakana ho an'ny Fanahy Masina hitarika ny fihetsika sy ny toe-pontsika. Tahotra sy ahiahy no vokatry ny tahotr'olona ary manala ny masontsika tsy ho amin'ny Tompo izany, ny amin'ny mahizy Azy sy ny mahizy antsika ao Aminy.



Ny karazana tahotra rehetra, dia mifanohitra amin'ny finoana.

**Ohabolana 29:25 Mamandrika ny tahotra olona, Fa izay matoky an'i Jehovah no hovonjena.**

**Ohabolana 9:10 Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahendrena; ary ny fahafantarana ny Iray Masina no fahazavan-tsaina.**

➔ **Vahaolana**

Rehefa apetrantsika eo amin'ny toerany tsara Andriamanitra amin'ny fiainantsika, ary manomboka mahalala Azy isika amin'ny mahizy Azy, dia hanjavona ny tahotra ny hafa.

**Ziogan'i Satana**

Satana mankahala an'Andriamanitra, noho izany dia mankahala ny fiderana omena an'Andriamanitra izy. Tiany ho azy daholo ny fiderana. Raha tsy mitsahatra midera an'Andriamanitra ianao, dia tsy hahajanona eo Satana!

➔ **Vahaolana**

Ny vahaolana amin'ny zioga mavesatr'i Satana dia ny vavaka fanafahana amin'ny fatoran'ny demonia.

**Marka 16:17a Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy...**

**Jakoba 4:7 Ka dia maneke an Andriamanitra ianareo; ary manohera ny devoly, dia handositra anareo izy.**

**Tsy Fahalalana**

Amin'ny lafiny maro, dia very eo amin'ny fiainan'ny mpino ny maha zava-dehibe ny fiderana sy fiankohofana.

➔ **Vahaolana**

Ny vahaolana dia ny mandalina izay nosoratan'Andriamanitra mikasika izany.

**Hosea 4:6 Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana. Satria ianao efa nandà ny fahalalana, dia mba holaviko kosa tsy ho mpisoroko intsony; ary efa nanadino ny lalan'Andriamanitrao ianao, ka dia mba hohadinoiko kosa ny zanakao.**

**Mamaly! Tsy Mamaly!**

Betsaka ny mamaly amin'ny fomba diso ireo izay “ara-nofo” anatin'ny fiderana sy fiankohofana. Ny avalin'ny mpino sasantsasany dia ny “fialàna” noho ny zavatra diso tafahoatra ataon'ny hafa. Izany dia lasa vesatra tsy ahafahana miditra malalaka amin'ny fanehoana ara-baiboly ny fiderana sy fiankohofana rehetra.

## ➔ *Vahaolana*

Tsy tokony hamaly ny olona, fa mila mihetsika araka ny Tenin'Andriamanitra isika. Isika dia tokony hamaly amin'ny fankatoavana an-tsitrapo izay fanambaran'ny Tenin'Andriamanitra. Amin'ny maha zanany antsika dia tokony haneho an-kahalalahana ny fiderana tsapan'ny fonsika isika, ary mitsaoka Azy hatrany hatrany.

Ny mitraotra dia tsy fivelarana ary famatoran'ny fombam-pombam-pivavahana sy tahotr'olona. Ny famaliana tsara dia ny fahalalahana tanteraka hihetsika sy handeha miaraka amin'ny Fanahin'Andriamanitra.

Tonga Jesosy hanafaka antsika!

**Jaona 8:32 Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo.**

## Famintinana

Ny tsy fahafahana midera sy miankohoka dia manambara olana fototra izay mila tokony hovahàna. Katsaho Andriamanitra mandrapahafantaranao ilay olana ary vahao izany amin'ny fahatsorana. Raha mbola tsy afaka miditra amin'ny fiderana eo amin'Andriamanitra ianao, dia manatona anti-panahy dia tadiavo ny fanampiany.

## FANONTANIANA FAMERENANA

---

1. Milazà sakana iray amin'ny fiderana ary vahaolana amin'izany hita ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.
2. Milazà sakana iray amin'ny fiderana izay niainanao. Ahoana no nandresena izany, na ahoana no handresena izany ?
3. Inona no ataonao raha tsy mahomby daholo ny fiezahanao handresy ny sakana amin'ny fiderana?

## Lesona Fahafolo

### *Manolotra Fanati-piderana*

#### NY MAHASAMIHAFANA NY FIDERANA SY NY FANATI-PIDERANA

---

**Hebreo 13:15** Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany.

Misy fahasamihafana amin'ny fiderana an'Andriamanitra sy ny fanati-piderana.

#### Fiderana

Ny fiderana dia mandeha ho azy rehefa “milamina tsara ny fifandraisantsika” amin'Andriamanitra. Zavatra mandeha ho azy izany rehefa misaina ny zavatra izay nataony tamintsika isika.

#### Fanati-piderana

Ny fanati-piderana dia atolotra an'Andriamanitra rehefa tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny zava-misy. Izany dia:

- *Manolotra fiderana na eo aza ny trangana-javatra rehetra,*
- *Manolotra fiderana amin'ny finoana sy fankatoavana,*
- *Manolotra fiderana noho ny mahizy an'Andriamanitra.*

#### FANATI-PIDERANA

---

#### Tsy Mitsahatra

Ny fanati-piderana dia fiderana tsy mitsahatra.

**Salamo 34:1** Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy.

#### Re

Ny fanati-piderana dia fiderana ren'ny sofina. Davida niteny matetika, fa ny fiderana Azy dia ho eo am-bavako mandrakariva.

#### Paoly Sy Silasy- Ohatra

Paoly sy Silasy tao am-ponja dia nidera an'Andriamanitra tamin'ny hira ary nisy fahagagana nanaraka izany.

**Asan'ny Apostoly 16:22-26** Ary ny vahoaka niara-nitsangana hamely azy; ary ireo governora nanaisotra ny lambany, ka nasainy nokapohina tamin'ny hazo izy. Ary nony efa nokapohiny mafy dia mafy izy, dia nataony tao an-tranomaizina, ka nasainy

niambina azy tsara ny mpiandry tranomaizina. Ary rehefa nahazo teny toy izany ralehilahy, dia nataony tao amin'ny tranomaizina anatin'ny indrindra izy, ary ny tongony nobolokiny mafy tamin'ny boloky hazo. Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an'Andriamanitra Paoly sy Silasy; ary nihaino azy ny mpifatotra.

Ary nisy horohorontany mafy dia mafy avy tampoka, ka nihozongozona ny fanorenan'ny tranomaizina; dia nivoha niaraka tamin'izay ny varavarana rehetra, ary nivaha avokoa ny fatoran'izy rehetra.

➤ *Toe-batana*

Notafihana sy noenjehina izy ireo.

Rovitra ny akanjony.

Nokapohana izy,

Ary nampidirana tao am-ponja tany amin'ny farany anatin'ny indrindra natokana ho an'ny jiolahy rain-dahiny, ary nobolokiana mba tsy ahafahany mihetsika.

➤ *Toe-panahy*

Nivavaka sy nihira fiderana izy ireo.

Izao ve vavaka nataony?

“Fa maninona no dia avelanao hitranga izao?

Izay anie nanompo Anao e!

Tany amin'izay nanirahanao anay anie izahay e!”

Fantatsika fa tsy izany!

Nihira fiderana izy ary ny mpifatotra hafa nahare azy.

➤ *Vokany*

Nivaha ny fatorany, ary afaka izy ireo.

Ny mpiambina ny fonja sy ny “ankohonany” voavonjy.

Izay rehetra tao am-ponja dia nandre ny amin'I Jesosy.

Ny mpino hafa tany Filipy dia nahery indray.

## Josafata- Ohatra Iray Hafa

Josafata nanaraka ny didin'Andriamanitra ary nahita fandresena mahagaga. Ny anarany, Jos, dia midika hoe “Ny Tompo no manapaka.”

➤ *Nampianatra Teny Ny Olona*

**2 Tantara 17:3-6** Ary Jehovah nomba an'i Josafata, satria nandeha tamin'ny nalehan'i Davida rainy izy, dia ilay tamin'ny voalohany, fa tsy mba nitady ireo Bala, fa Jehovah, Andriamanitry ny rainy, kosa no notadiaviny, ary araka ny didiny no nalehany, fa tsy mba araka ny fanaon'ny Isiraely. Koa dia nampitœrin'i Jehovah teo an-tànany ny fanjakana; ary ny Joda rehetra nitondra fanomezana ho an'i Josafata, ka dia nanana harena sy voninahitra be izy. Ary ny fony nihanatoky tamin'ny

**lalan'i Jehovah. dia noravany tsy ho eo amin'ny Joda ny fitoerana avo sy ny Aseraha.**

➤ *Nivavaka Tamin'ny Fotoanan'ny Olana*

Nandritra ny taona maro no natahoran'ny firenena manodidina azy ka namela ny firenany hitokana, dia niray tetika hiady aminy. Nankeo amin'ny vahoaka Josafata ary nivavaka. Vavaka nanomboka tamin'ny fiderana no nataony.

**2 Tantara 20:6-9 Ka nanao hoe: "Ry Jehovah ô, Andriamanitra ny razanay, tsy Hianao va no Andriamanitra any an-danitra? Eny, Hianao no manapaka amin'ny fanjakan'ny jentilisa rehetra, ary eo an-tananao ny hery sy ny fahefana, ka tsy misy mahasakana Anao. Ry Andriamanitray ô, tsy Hianao va no nandroaka ny mponina tamin'ity tany ity hiala teo anoloan'ny Isiraely olonao ka nanome azy mandrakizay ho an'ny taranak'i Abrahama sakaizanao? Ary nonina taty izy ka nanao fitoerana masina teto ho an'ny anaranao sady nanao hoe, "raha manjo anay ny loza, na sabatra, na famaliana, na areti-mandringana, na mosary, ary hitsangana manatrika ity trano ity sy eto anatrehanao izahay (fa ny anaranao no amin'ity trano ity) ka hitarina aminao amin'ny fahorianay, dia hihaino Hianao ka hamonjy."**

➤ *Namaly Andriamanitra*

Dia namaly tamin'ny alalan'ny mpaminany Andriamanitra.

**2 Tantara 20:15-18 Ka nanao hoe, "Mihainoa ianareo, ry Joda rehetra sy ry mponina any Jerosalema, ary ianao, ry Josafata mpanjaka: Izao no lazain'i Jehovah aminareo: "Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra. Rahampitso dia midina hiady aminy ianareo. Fa indreo, hiakatra amin'ny fiakarana Ziza izy, ary ianareo hahita azy eo amin'ny faran'ny lohasahan-driaka tandrifin'ny efitr'i Jeroela. Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity. Mijanona tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo, ry Joda sy Jerosalema!" Aza matahotra na mivadi-po, fa rahampitso dia mivoaha hiady aminy; fa Jehovah no momba anareo."**

➤ *Nidera Daholo Ny Rehetra*

**Dia niankohoka tamin'ny tany Josafata, ary ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema niankohoka teo anatrehan'i Jehovah koa ka nivavaka.**

➤ *Mpihira Voatendry*

Ho fiomanana amin'ny ady, Josafata dia nanendry olona hihira sy hidera ny Tompo. Ireo olona ireo dia nialoha lalana ny tafika!

**And.21-22 Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voamana hiady, ka hanao hoe:" Midera an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony." Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo,**

dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda, ka dia resy ireo.

➤ *Fandresena*

**And.23** Dia nitsangana ny taranak'i Amona sy Moaba namely ny avy any an-tendrombohitra Seira ka namono sy nandringana azy. Ary nony voaringany ny mponina tany Seira, dia nifandringana kosa izy samy izy ihany.

**And.24-26** Ary nony tonga teo amin'ilay fitazanana any an-efitra ny Joda, dia nijery ireo olona betsaka ireo izy, koa, indreo, nisy faty niampatrampatra tamin'ny tany. Fa tsy nisy afa-nandositra.

Ary avy hamabo azy Josafata sy ny vahoakany, dia nahita harena betsaka sy faty ary fanaka sarobidy teo izy, ka dia namabo mihoatra noho izay zakany ho entina; ary hateloana no nanangonany ny babo, fa be dia be ireny. Ary tamin'ny andro fahefatra dia nivory tao amin'ny lohasaha Beraka izy, fa tany no nisaorany an'i Jehovah; koa izany no nanaovany izany tany izany hoe Lohasaha Beraka mandraka androany.

**Famintinana**

➤ *Toe-batana*

Notafihana vahoaka avy amina firenena telo izy ireo.

➤ *Toe-panahy*

Fantany izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra. Nanomboka nanolotra fiderana izy, tsy tao aorinan'ny fahalavoan'ny fahavalo, fa raha mbola nanodidina azy ny fahavalo ary ohatran'ny tsy nisy antenaina ny zavatra rehetra. Nanolotra fanati-piderana izy.

➤ *Vokany*

Fandresena tanteraka no vokany satria nifamono ny fahavalony, ary nahazo tombony be izy ireo.

➤ *Dingana Ho Amin'ny Fandresena!*

Tamin'ny alalan'ny Josafata dia mahita dingana dimy ho amin'ny fandresena isika.

- *Fahalalana ny Teny*
- *Fitadiavana ny Fanatrehan'Andriamanitra*
- *Fihainoana an'Andriamanitra*
- *Finoana ny Teny ary fiderana an'Andriamanitra*
- *Fihetsehana am-pinoana: fiderana an'Andriamanitra mialohan'ny fisehoan'ny fandresena.*

## **ADY ARA-PANAHY AMIN'NY FIDERANA**

---

Matetika dia fahefana ara-panahy lehibe sy hery no azo amin'ny fanehoana mozika fiderana an'Andriamanitra. Ny ohatra izay vao nianarantsika dia ny an'i Paoly sy Silasy mihira hira fiderana ary fanafahana no tonga tamin'ny alalan'ny horohoron-tany mahery vaika.

### **Ny Fiderana Dia Mialohan'ny Fandresena**

Rehefa nanendry olona hihira sy hidera Josafata ary nialoha lalana ny tafika izy ireo, dia azo ny fandresena lehibe. Nampiasainy ny fiadiana ara-panahy mahery vaika ary rehefa nidera an'Andriamanitra izy ireo, dia nisy hery lehibe sy fahefana ara-panahy votsotra. Matetika isika rehefa midera an'Andriamanitra, dia tarihin'ny Fanahiny amin'ny hira maneho ady ara-panahy.

**Salamo 149:6-9 Aoka hisy fanandratana an'Andriamanitra eo ambavany, sy sabatra roa lela eny an-tànany, hamaliany ny Jentilisa, sy hamaizany ny firenena maro.**

**Hamatorany ireo mpanjakany amin'ny gadra, sy ny olo-malazany amin'ny gadra vy; mba hanaovany ny fitsarana voasoratra: Voninahitry ny olony masina rehetra izany. Haleloia!**

Amin'ny ady ara-panahy, dia tsy mandresy fotsiny isika rehefa lazaintsika amin'ny vavantsika ilay Tenin'Andriamanitra maranitra noho ny sabatra roa lela, fa fandresena lehibe koa no azo ao amin'ny tontolon'ny fanahy rehefa hiraina ny fiderana an'Andriamanitra.

**Isaia 30:31,32 Fa ny feon'i Jehovah dia haharaiki-tahotra ny Asyriana, hasiany amin'ny tsorakazo ireo. Ary na aiza na aiza no amelezan'ny tsorakazo voatendry, izay amelin'i Jehovah azy, dia harahina ampongatapaka sy lokanga izany; ary amin'ny ady hamelezany mafy no hiadiany aminy.**

Ny mozikan'ny fiderana dia mandray anjara be amin'ny fandresena amin'ny ady ara-panahy.

### **Fiderana- Faminaniana- Ady Ara-panahy**

**Apokalypsy 19:6-8 Dia nahare feo tahaka ny an'ny vahoaka betsaka aho, sy tahaka ny firohondron'ny rano be, ary tahaka ny fikotroky ny kotrokorana mafy, nanao hoe: "Haleloila! Fa ny Tompo Andriamanitsika, dia ny Tsitoha, no Mpanjaka! Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy, fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ka efa niomana ny vadiny." Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy, fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.**

➤ *Fiderana*

Misy feo vaovao mahakasika ny fiderana sy fiankohofana izay tonga eo amin'ny fiangonana ankehitriny. Matetika tonga tahaka ny feo mieronana, dia feon-dranobe sy fiantsoana mafy tahaka ny tselatra, hiakam-pandresena mafy dia mafy. Amin'ilay feo mieronana, talohan'ny nanehoana fa Jesosy Ilay zanak'Ondrin'Andriamanitra, dia aseho ankehitriny fa Lion'ny fokon'i Joda Izy.

Ny apostoly Jaona dia manazava ilay ady lehibe farany rehefa hafatotra eto an-tany Satana. Dia niseho ny anjely.

**Apokalypsy 19:10,11 Dia niankohoka teo amin'ny tongony aho mba hivavaka aminy. Ary hoy izy tamiko: "Tandremo! Aza manao izao; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman'ireo rahalahinao izay mitana ny filazana an'i Jesosy. Andriamanitra ihany no ivavaho! Fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminiana."**

**Ary nahita ny lanitra voasokatra aho, ka, indro, nisy soavaly fotsy. Ary izay nitaingina azy dia atao hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana no itsarany sy iadiany.**

Misy lafiny telo zava-dehibe amin'io ady lehibe io.

- *Fiderana*
- *Faminiana*
- *Ady ara-panahy*

➤ *Faminiana*

Matetika amin'ny fiderana sy fiankohofana, dia misy "fanahin'ny faminiana" miseho amina "hiram-panahy" maneho ady am-panahy. Isaky ny mitranga izany dia misy ady lehibe nahazoana fandresena ao amin'ny tontolon'ny fanahy. Misy famatorana:

- *Ny mpanapaka*
- *Ny hery*
- *Ny mpanjakan'ny fahamaizinana*

**Salamo 149:8 Hamatorany ireo mpanjakany amin'ny gadra, sy ny olo-malazany amin'ny gadra vy...**

➤ *Ady ara-panahy*

Ny andalana ao amin'ny apokalipsy fahasivy ambin'ny folo dia mitohy ka manome antsika fanazavana momba an'I Jesosy sy ny olo-masiny miverina avy any amin'ny ady tamin'ny fandresena goavana ny devoly sy ny herin'ny demonia.

**Apokalypsy 19:12-16 Ary ny masony dia lelafo, ary tamin'ny lohany nisy diadema maro. Ary lzy manana anarana voasoratra, izay tsy misy mahalala akory afa-tsy ny tenany ihany. Ary**



miakanjo akanjo voafafy rà Izy, ary ny anarany atao hoe Ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny antokon'ny miaramila any andanitra dia nanaraka Azy, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo rongony madinika sady fotsy no madio.

Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelenany ny firenena. Ary Izy hanapaka azy amin'ny tehim-by. Ary Izy no manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha. Ary manana anarana voasoratra amin'ny lambany sy ny feny Izy nanao hoe: **MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO.**

## **FANATI-PIDERANA NATOLOTR'I JESOSY**

---

Ny fanati-piderana dia tsy afaka atolotra raha tsy amin'ny alalan'I Jesosy irery ihany.

**Hebreo 13:15** Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany.

Izany dia fanomezana saotra amin'ny Anarany noho ny amin'ny mahizy Azy sy izay nataony.

**Efesiana 5:20** Misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompentsika...

Izany dia fisaorana amin'ny trangan-javatra rehetra, fa tsy amin'izay zavatra heverintsika fa tsara ihany.

**1 Tesaloniana 5:16-18** Mifalia mandrakariva, mivavaha, ka aza mitsahatra, misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo.

Afaka ataontsika izany rehefa fantatsika tsara mihitsy ny fahafahan'Andriamanitra mamadika ny zavatra rehetra hiara-hiasa hahasoa ny fiainantsika.

**Romana 8:28** Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miaramiasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.

### **Mitondra Voninahitra Ho An'Andriamanitra**

Ny fanati-piderana dia mitondra voninahitra ho an'Andriamanitra.

**Salamo 50:23a** Izay manatitra fanati-pisaorana no manome voninahitra Ahy...

## **AHOANA NO FANOLORANA FANATI-PIDERANA**

---

### **Mandray Fanapahan-kevitra**

Manapaha hevitra mialoha fa hidera an'Andriamanitra ianao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny tranga rehetra.

### **Manomboha Izaon'ny Diény Izaon'ny**

Miderà an'Andriamanitra isanandro— mandritra ny andro.

Voleo ny fahazarana midera.

### **Raha Misy Olana Tonga**

- *Tadidio ny fanapaha-kevitrao.*
- *Tohizo ilay fahazaranao midera.*
- *Tadidio fa anatin'ny fotoan-tsarotra dia mahatonga an'Andriamanitra hiasa ny fiderana.*
- *Ny fiderana amin'ny fotoanan'ny ady dia mitondra voninahitra ho an'ny Ray.*

Amin'ny fotoana tsy hahatsapantsika fiderana an'Andriamanitra no fotoana tena mila hiderantsika Azy. Rehefa mankatoa manaraka ny Teniny isika ka manomboka midera Azy, dia manolotra fanati-piderana marina sy ankasitrahan'Andriamanitra.

### **Atomboy Am-pinoana**

Ny fomba hanombohanao ny fanati-piderana dia amin'ny finoana. Derao Izy noho ny mahizy Azy sy izay nataony. Dia manolotra fisaorana noho ny tranga na dia tsy mazava aminao loatra aza.

Derao Izy noho ny fanaovan'ny lalam-panafahana, na dia tsy mahita lalana mivoaka amin'ny olana aza ianao. Derao ny mahizy an'Andriamanitra ary ny sainao afantohy Aminy sy ny fampanantenain'ny Teniny.

Vao nanomboka nanao fanati-piderana ianao— dia tohizo. Ambarao mafy ny Tenin'Andriamanitra izay manambara fandresena sy fanafahana.

Voalohany ianao hanolotra fiderana amin'ny fankatoavana. Amin'ny fanaovana izany, dia hihazona ny sainao Aminy fa tsy amin'ny zava-misy. Raha mitohy mampitaha ny heriny sy ny voninahiny amin'ny tranga eo aminao ianao, dia ho hitanao tokoa fa bitika izany.

Rehefa fenoinao Tenin'Andriamanitra sy afantokao amin'ny heriny sy ny teny fikasany ny sainao, dia hisy fanahin'ny fiderana hanolo ny fisalasalana sy ny fanahiana.

Matetika rehefa toa hita fa sarotra ny midera, ka manomboka midera amin'ny fankatoavana

an'Andriamanitra ianao, dia hanomboka hilona anatin'ny Fanahin'ny fiderana ianao.

Tsy ho ela dia ho hitanao ny tenanao hiravoravo hiditra amin'ny fahafenoin'ny fanatrehany raha mitohy mamela ny fanahinao hanao fanati-piderana ianao.

- *Mihirà ho Azy.*
- *Mandihiza eo anatrehany.*
- *Asandrato Izy ary lazao ny Fahatsaran'ny Anarany.*
- *Ary hanao lalam-pamonjena sy lalam-panafahana ho anao Izy!*

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Inona no mahasamihafa ny fiderana an'Andriamanitra sy ny fanati-piderana?

2. Inona no niseho tamin'i Josafata mpanjaka nandeha niady ka nametraka ny mpidera nialoha lalana ny tafika?

3. Ahoana no mahatonga izay niseho tamin'i Josafata mpanjaka ho ohatra ho antsika ankehitriny?

## Lesona Faha Iraika Ambin'ny Folo

### *Ny Asa Fisoronantsika Amin'ny Fiderana*

#### Fampidirana

Ny asan'ny fiangonana eto an-tany voalohany dia ny fanompoana ny Tompo.

**Asan'ny Apostoly 13:1-3 Ary teo amin'ny fiangonana tany Antiokia nisy mpaminany sy mpampianatra... Ary raha nanao fanompoam-pivavahana ho an'ny Tompo sy nifady hanina ireo, dia hoy ny Fanahy Masina: "Atokàny ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa izay efa niantsoako azy." Ary rehefa nifady hanina sy nivavaka ary nametra-tanana taminy izy, dia nandefa azy.**

Rehefa nanomboka navelan'ny fiangonana hanjavona izany fanompoana izany, dia nisy fanompoana hafa lasa nilaina kokoa. Nila fitoriana tamin'ny marary ny fiangonana, ireo izay nampijalian'ny fanahy maloto, ny mahantra, ary ny malahelo. Ny asa fanompoana fanoroan-kevitra dia lasa niompana tamin'ny olana ara-pihetse-po, ara-panambadiana, ireo izay voafatotry ny toaka sy zava-mahadomelina, ny fikomian'ny tanora, ary ny ankizy nisy nanararaotra. Miakamidina ilay lisitra. Fisaraham-panambadiana, fijangajangana, fahavetavetana sy filalaovana maloto no nanomboka niditra tamin'ny fiangonana.

Mety hisy fihenana ve ny filàna izany asa fanompoana hafa izany raha ohatra ny tenan'I Kristy miverina amin'ny asa fanompoany tany am-boalohany dia ny fiderana sy fiankohofana? Matetika rehefa misy vondrona miditra amina fiderana sy fiankohofana, dia betsaka no manomboka sitrana ara-pihetse-po, ara-batana, ary mandray fanafahana mihitsy aza rehefa mankeo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

#### Manompo Amin'ny Maha Mpisorona

Na dia Jesosy aza no Mpisoronabe antsika, dia miombona ny fisoronany isika. Ny mpino rehetra dia mpisorona amin'Andriamanitra.

**Apokalypsy 1:6 Sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Ray, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay.**

Ny fanjakam-mpisoronantsika dia naseho tahaka an'I Melkizedeka. Taty aoriana izany dia niseho tamin'ny asa fanompoana fisoronan'ny mpanjaka Davida. Ireo fisoronana roa ireo dia tanteraka tamin'ny fanompoana fisoronan'I Jesosy. Jesosy no Ilay Mpisoronabe mandrakizay ary isika dia tokony hiara-hiasa Aminy amin'ny maha mpino mpisorona ambaniny sy tamin'ny alalany.

Iaina ny mandalina ny Fisoronana tao amin'ny Testamenta Taloha mba handraisantsika fanambarana mazava mikasika ny asantsika amin'ny maha mpisorona mpanolotra fanatipiderana tsy mitsahatra.

## FANJAKAM-PISORONA

---

### Melkizedeka

**Genesisy 14:18 Ary Melkizedeka, mpanjakan'i Salema, nivoaka nitondra mofo sy divay; ary izy dia mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra.**

Melkizedeka no Mpanjaka-Mpisorona an'i Salema (izay ao Jerosalema amin'izao fotoana izao no misy izany). Abrahama nanolotra fahafolon-karena ho an'ity manana anarana midika hoe “mpanjakan'ny fahamarinana” ity. Mifanohitra amin'ny fisoronan'ny Taranak'i Arona, I Melkizedeka dia tsy hita hoe taranak'iza. Mpisoronabe nofidin'Andriamanitra Izy, fa tsy voatendrin'ny lalàna.

Ao amin'ny Salamo, dia mahita taratra ara-paminaniana mifandraika amin'I Jesosy Ilay Mpisorona araka ny fanaon'I Melkizedeka.

**Salamo 110:4 Efa nianiana Jehovah ka tsy hanenina: “Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon'i Melkizedeka.”**

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia maneho ny asa fisoronan'I Jesosy ho tahaka ny Mpanjaka-Mpisorona izay hijanona ho mpisorona mandrakizay araka ny fanaon'I Melkizedeka.

**Hebreo 7:1-3,17 Fa io Melkizedeka io, izay mpanjakan'i Salema sy mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra, ilay nitsena an'i Abrahama rehefa niverina avy nandresy ny mpanjaka maro izy ka nitso-drano azy, sady nomen'i Abrahama ny ampahafolon'ny zavatra rehetra aza, voalohany raha adika ny anarany, dia “Mpanjakan'ny fahamarinana”, dia vao Mpanjakan'i Salema koa, izany hoe: “Mpanjakan'ny fiadanana,” tsy manan-dravy, tsy manan-dreny, tsy manana tantaram-pirazanana, tsy manana voalohan'andro na faran'ny fiainana, fa natao tahaka ny Zanak'Andriamanitra, izy dia mitetra ho mpisorona mandrakariva.**

**Fa Izy dia nambara hoe: “Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon'i Melkizedeka.”**

Ny fomba fiasan'ny fisoronan'I Melkizedeka dia “manakaiky an'Andriamanitra.” Ilay teny, hoe mpisorona, dia midika hoe “manakaiky.”

**Hebreo 7:19 Fa ny lalàna dia tsy nahatanteraka na inona na inona; ary misy kosa fampidirana ny fanantenana tsaratsara kokoa, izay anatonantsika an'Andriamanitra.**

## David: Mpanjaka/Mpisorona

David amin'ny maha mpanjaka azy, dia nanana asa mpisorona ihany koa. Izy no nanao ny tabernakelin'i David, nitondra ny Fiara niverina, ary nanorina ny fanatipiderana. Satria David nanao ny asa fisoronana tahaka ny fanaon'I Melkizedeka, dia karazan'izany no asa fisoronana ho avy nataon'I Jesosy. Satria David nitondra ny olona tamin'ny fiderana sy fiankohofana, dia nitondra azy ireo hanakaiky an'Andriamanitra izy.

**Jakoba 4:8 Manatona an'Andriamanitra, dia hanatona anareo izy.**

## Tanteraka Tao Amin'I Jesosy

Noho ny asa fanompoana fisoronan'I Jesosy, isika amin'ny maha mpisorona antsika dia afaka miditra am-pahasahiana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ary manakaiky Azy amin'ny fiderana sy fiankohofana.

## **FISORONANA MASINA- ARONA**

---

Arona dia notendrena ho ilay mpisorona be ary ny zanany dia mpisorona voatendry. Ho mpisorona ihany koa ny zananilahy. Ny fisoronan'ny taranaky Arona nofidiana hatramin'ny taranaka.

**Levitikosa 21:17 Mitenena amin'i Arona hoe: "Izay rehetra misy kilema amin'ny zanakao, amin'ny taranany hatramin'ny fara mandimby, dia aoka tsy hanakaiky fanatitra ny hanin'Andriamaniny."**

## Nitaky Fahatanterahana

**Levitikosa 21:21 Ny olona rehetra amin'ny zanak'i Arona mpisorona izay misy kilema dia tsy mahazo manakaiky hanatitra ny fanatitra atao amin'ny afo ho an'i Jehovah. Misy kilema izy; ka tsy mahazo manakaiky hanatitra ny hanin'Andriamaniny."**

Rehefa nanao fanatitra ny mpisorona, dia endrika tety antany izany, na karazana, Jesosy. Jesosy nefa tanteraka, dia tanteraka foana ny endrika ahalalana Azy, ka tsy nisy olona tanteraka afaka naneho izany endrika izany.

Ankehitriny, dia tanterahina ao Aminy ny mpino.

## Fitafiana

Ny fitafian'ny mpisorona dia niavaka tamin'ny olona hafa, na dia tsy tamin'ny fotoana nanompoany aza. Andriamanitra dia nanome toro-lalana mazava ny amin'izay tokony hanaovany amin'ny fotoana rehetra. Ny fitafiana tsirairay dia taratry ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Ny akanjo nandritra ny fanompoana dia nisy lafiny efatra:

➤ *Kalisaonina vita amin'ny rongony fotsy madinika*

- *Akanjo lava tsy misy zaitra*
- *Fehin-kibo misy karazana loko efatra*
- *Saron-doha amin'ny volon'ondry manify*

Ny rongony fotsy madinika dia mariky ny fahamarinana hatrany ary isika no fahamarinan'Andriamanitra.

**2 Korintiana 5:21 Izay tsy nahalala ota dia efa nataony ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika.**

Tsy afaka nitafy volon'ondry izy satria ny volon'ondry mahatsemboka. Ny fahatsembohana dia tandindon'ny ozona sy ny ezaky ny tena. Ny volon'ondry tsy tena ny ho afaka ny hadio tanteraka izany.

## Hosotra

Ary ny mpisorona dia voahosotra amin'ny diloilo-tandindon'ny Fanahy Masina.

Ankehitriny, ny mpino-mpisorona dia manana ny Fanahy Masina mitoetra ao aminy.

## FANAZAVANA NY ASA FISORONANA

---

### Mihazona Ny Afo Hirehitra

Ny mpisorona dia tokony hihazona ny afo hirehitra eo amin'ny alitara fanaovana fanatitra.

**Levitikosa 6:2,6 Mandidia an'i Arona sy ireo zanany hoe: "Izao no lalàna ny amin'ny fanatitra dorana: Ny fanatitra dorana dia ho eo amin'ny fatana eo an-tampon'ny alitara mandritra ny alina mandra-pahamaraina, ary ny afon'ny alitara hirehitra eo.**

**Dia hisy afo mirehitra mandrakariva eo ambonin'ny alitara; ka tsy havela ho faty."**

Paoly nananatra an'i Timoty hamelona ny afo ao anatin'ny.

**2 Timoty 1:6 Ary noho izany dia mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatin'ny tamin'ny fametrahako ny tanako.**

Amin'ny fanoharana momba ny virijina folo, dia mampitandrina antsika Jesosy mba hihazona ny firehetan'ny afo amin'ny fiainantsika manokana.

### Manala Ny Lavenona

Ny mpisorona dia tokony hanala ny lavenona eo amin'ny alitara.

**Levitikosa 6:3,4 Ary hiakanjoan'ny mpisorona ny akanjony rongony fotsy, ary ny kalisaoniny rongony fotsy dia hataony manolo-koditra, dia handraoka ny lavenona avy amin'ny fanatitra**

**dorana izay nolevonin'ny afo teo ambonin'ny alitara izy ka hametraka azy eo anilan'ny alitara. Ary hanala ny fitafiany izy ka hitafy fitafiana hafa, dia hamoaka ny lavenona ho eny ivelan'ny toby amin'izay fitaerana madio.**

Tsy afaka ny hitohy hirehitra ny afo raha avela hiangona ny lavenona. Afaka ny ho variana amin'ny firehetana sy ny fahafinaretana azo tamin'ny afo omaly isika ka tsy mandeha araka izay lazain'ny Fanahy Masina ankehitriny. Mety ho variana amin'ny tranga niseho tany aloha isika. Tokony vonona ny handao ny lasa isika, na traikefa tsara na ratsy, raha ohatra ka maniry handeha sy maniry ny ho eo anivon'izay zavatra ataon'Andriamanitra ankehitriny.

**Filipiana 3:13 Ry rahalahy, tsy mbola ataoko fa efa nahazo ny tenako; fa zavatra iray loha no ataoko, manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha.**

## Manolotra Fanatitra

Ny mpisorona ihany no afaka nanolotra fanatitra.

**Eksodosy 29:38,39,42 Ary izao no haterinao eo ambonin'ny alitara: zanak'ondry roa izay iray taona, isan'andro isan'andro. Ny zanak'ondry iray haterinao nony maraina, ary ny zanak'ondry iray koa haterinao nony hariva.**

**Ho fanatitra dorana mandrakariva izany hatramin'ny taranakareo fara mandimby, eo anoloan'ny varavaran'ny trano-lay fihaonana eo anatrehan'i Jehovah, dia ao amin'izay hihaonako aminareo hiteny aminao.**

Isika dia voadidy mba hanolotra fanati-piderana.

## Mitso-drano

Ny mpisorona dia tokony hitso-drano ny olona.

**Levitikosy 9:22 Ary Arona nanandratra ny tânany manandrify ny olona ka nitso-drano azy, dia nidina izy rehefa avy nanatitra ny fanatitra noho ny ota, sy ny fanatitra dorana, ary ny fanati-pihavanana.**

**Nomery 6:23-27 Mitenena amin'i Arona sy ny zanany hoe: "Izao no teny ho entinareo mitso-drano ny Zanak'Isiraely: Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao; hampampirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah, ka hamindra fo aminao; hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana."**

**Dia hametraka ny anarako amin'ny Zanak'Isiraely izy; ary Izaho hitahy azy."**

Jesosy dia nilaza fa isika no fanasin'ny tany. Isika dia tokony ho fitahiana ny manodidina antsika.

**Matio 5:13a Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy?**



## Fanatitra Azo Tsapain-tànana

Ny mpisorona dia nanatona ny fanatrehan'ny Tompo niaraka tamin'ny fanatitra hatrany.

**1 Tantara 16:29 Manomeza an'i Jehovah ny voninahitry ny anarany. Mitondrà fanatitra ka mankanesa eo anatrehany; miankohofa eo anatrehan'i Jehovah amin'ny fihaingoana masina.**

**Eksodosy 23:15 Tandremo ny andro firavoravoana fihinanana ny mofo tsy misy masirasira; hafitoana no hihinananao ny mofo tsy misy masirasira, araka izay nandidiako anao, amin'ny fotoan'andro amin'ny volana Abiba, fa tamin'izany no nivoahanao avy tany Egypta; ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehako.**

**Eksodosy 34:20 Fa ny voalohan-teraky ny boriky kosa dia hosoloinao zanak'ondry; ary raha tsy hanolo azy ianao, dia hofolahinao ny vozony; ary ny lahimatea rehetra amin'ny zanakao dia havotanao. Ary aoka tsy hisy hiseho foana tsy mitondra fanatitra eo anatrehako.**

**Deutoronomia 16:17 Fa aoka samy hanatitra izay zakany avy, araka ny fitahian'i Jehovah Andriamanitrao, izay omeny anao.**

## Fanatitra Fisoronana

Anisan'ny asan'ny mpisorona taranak'i Arona ny fanolorana fanatitra. Isika dia tokony mbola hanao fanatitra ara-panahy.

**1 Petera 2:5 Ka dia atsongana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.**

**Hebreo 13:15 Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany.**

Tokony ho tonga miarakamin'ny fiderana, fitsaohana, fiankohofana sy fanati-pisaorana isika, maneho ny fiderantsika amin'ny hira, firavoravoana, ary amin'ny tenantsika.

## ZAVATRA TAKIAN'NY FISORONAN'NY TARANAK'I ARONA

---

Zava-dehibe ny mahatakatra zavatra efatra mahakasika ny mpisoron'ny Testamenta Taloha.

## Voatokana

Ny toeran'ny mpisorona dia tokony ho amin'ny fahamasinana, voatokana hiala amin'izao tontolo izao.

**Eksodosy 19:22 Ary aoka ny mpisorona koa, izay manakaiky an'i Jehovah, hanamasina ny tenany, fandrao himaona hamely azy Jehovah.**

## Masina

Tokony ho masina ny mpisorona, natokana ho an'ny Tompo tanteraka.

**Nomery 16:5 Ka niteny tamin'i Kora sy ny namany rehetra nanao hoe: "Rahampitso dia hasehon'i Jehovah izay Azy sy izay masina ka hampanakekeny Azy; dia izay fidiny no hampanakekeny Azy."**

## Notokanana

Ny fanompoana sy ny asan'ny mpino dia ny fanakaikazana an'Andriamanitra. Ny mpisorona dia nisolo toerana ny vahoaka ary ny vahoaka dia tokony ho:

- *Tafasaraka amin'ny hafa eo amin'izao tontolo izao*
- *Ho firenena masina, vahoka miavaka*
- *Firenem-mpisorona ho an'Andriamanitra*

**Eksodosy 19:4-6a Hianareo efa nahita izay nataoko tamin'ny Egyptiana sy izay nitondrako anareo tamin'ny elatry ny voromahery ary ny nampananesako anareo ho aty amiko. Koa ankehitriny, raha hihaino ny feoko tokoa ianareo ka hitandrina ny fanekeko, dia ho rakitra soa ho Ahy mihoatra noho ny firenena rehetra ianareo; fa Ahy ny tany rehetra. Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo.**

## Voadio

Ny mpisorona dia tokony hanasa ny tanany sy ny tongony aloan'ny hanompoany.

**Eksodosy 30:21 Dia hanasa ny tongony aman-tànany izy, mba tsy hahafaty azy. Ary ho lalàna mandrakizay aminy sy ny zanany izany hatramin'ny taranany fara mandimby.**

**Eksodosy 40:12,13 Ary ento Arona sy ny zanany hankeo anoloan'ny varavaran'ny trano-lay fihaonana, ka ampandroy amin'ny rano izy. Ary ampiakanjoay an'i Arona ny fitafiana masina, dia hosory sy hamasino izy, mba ho mpisorona ho Ahy.**

- *Ny Ankohonan'i Jakoba*

Nataon'i Jakoba azo antoka tsara fa ny rehetra tao amin'ny ankohonany dia voadio talohan'ny nitadiavany ny Tompo tanatin'ny adiny.

**Genesisy 35:2,3 Dia hoy Jakoba tamin'izay tao an-tranony mbamin'izay rehetra nomba azy: "Ario ireo andriamani-kafa, izay ao aminareo, dia madiova, sady ovay ny fitafianareo. Ary andeha hiainga isika ka hiakatra any Betela; ary hanao alitara any aho ho an'Andriamanitra, izay nihaino ahy tamin'ny andron'ny fahoriako ary nomba ahy tamin'ny lalana izay nalehako."**

- *Ny Vahoaka*

Mosesy dia nandidy ny vahoakan'Isiraely hanamasina ny tenany sy hanasa ny fitafiany.

**Eksodosa 19:10 Ary hoy Jehovah tamin'i Mosesy: "Mandehana ho eny amin'ny olona, ka manamasina azy anio sy ampitso, ary ampanasao ny fitafiany izy."**

Ankehitriny, isika amin'ny maha mpino-mpisorona dia tokony voadio amin'ny fahotana amin'ny fiainantsika alohan'ny hanolorantsika fiderana.

**1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.**

Tokony hanana fotoana isanandro ho an'ny Tenin'Andriamanitra isika. Rehefa mamaky, misaintsaina, ary mankatoa ny Tenin'Andriamanitra isika, dia manamasina antsika amin'ny fitiavany Kristy.

**Efesiana 5:25-27 Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, mba hahamasina azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny teny; mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.**

## **FAMPITANDREMANA**

---

Nadaba sy Abiho dia zanak'i Arona, notokanana ho mpisorona araka ny voadidy, fa niditra teo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra tsy araka ny mety atao.

**Levitikosa 10:1-3 Ary Nadaba sy Abiho, zanak'i Arona, samy naka ny fitondran'afony avy ka nanisy afo teo anatin'ny, ary nanisy ditin-kazo manitra teo, dia nanatitra afo tsy izy teo anatrehan'i Jehovah, izay tsy nandidiany azy. Dia nisy afo nivoaka avy teo anatrehan'i Jehovah ka nahafaty azy roa lahy, dia maty teo anatrehan'i Jehovah izy. Dia hoy Mosesy tamin'i Arona: "Izany dia ilay nolazain'i Jehovah hoe: Amin'izay akaiky Ahy no hisehoako ho masina, ary eo anatrehan'ny olona rehetra no hampisehoako ny voninahitra." Dia sina Arona.**

Ny maha mpisorona dia haja sy tombontsoa izay mitaky fankatoavana tanteraka.

Zava-dehibe amin'ny maha mpino-mpisorona antsika ny mahafantatra sy mankatoa ny toro-làlan'ny Tenin'Andriamanitra rehefa tonga hanolotra fiderana ho Azy isika. Tsy tokony ho tonga amin'ny tsy fitandremana, tsy fankatoavana, na faniriana hanao izany amin'ny fombantsika manokana, na araka ny fomban-drazantsika isika raha tsy mifanaraka amin'ny fomban'Andriamanitra na toro-làlana amin'ny fiderana izany. Tokony ho jerentsika tsara tsy ho tafiditra amin'ny fiderantsika ny hira, mozika ary fomba fanaon'izao tontolo izao na fomba-pomba-

pivavahana hafa izay maneho “afo tsy noekena” tahaka ny an’i Nadaba sy Abiho izay nampiasainy tamin’ny fanatitra natolony ny Tompo.

**1 Petera 2:9 Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.**

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Araka ny 1 Petera 2:5 sy ny Hebreo 13:15, dia inona no fanatitra izay tokony hatolontsika ny Tompo amin’ny maha mpino-mpisorona antsika?

2. Ny mpisoron’ny Testamenta Taloha dia tokony madio mialohan’ny hanompoany ny Tompo amin’ny fanatiny. Araka ny 1 Jaona 1:9 sy ny Efesiana 5:25-27, ahoana no ahatonga antsika madio alohan’ny hankanesantsika eo anatrehan’Andriamanitra amin’ny fiderantsika?

3. Inona no lesona afaka nianarantsika avy amin’ny nataon’i Nadaba sy Abiho?

## Lesona Faha Roa Ambin'ny Folo

### *Mivelona Amin'ny Maha Mpisorona*

Satria ny mpino-mpisorona dia nanompo ny Tompo tamin'ny fiderana sy fiankohofana, dia tokony ho fantatsika ny niantsoana antsika, ny fandehantsika, ny fitafiantsika, ary ny fanatitra ataontsika.

**1 Petera 2:5,9** Ka dia atsongana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanatipahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjaka-mpisorona, firenena masina, olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.

#### **NOFIDIANA HO AMIN'NY FANJAKAM-PISORONA**

---

Jesosy no Mpisoronabe antsika ankehitriny.

**Hebreo 7:15-17** Ary hita marimarina kokoa indray izany, raha misy Mpisorona hafa miseho ka tahaka an'i Melkizedeka, izay natao tsy araka ny lalàn'izay didy momba ny nofo, fa araka ny herin'ny fiainana tsy manam-pahataperana. Fa lzy dia nambara hoe: "Hianao no Mpisorona mandrakizay Araka ny fanaon'i Melkizedeka."

**Hebreo 8:1** Ary amin'izany zavatra lazainay izany dia izao no fotony: Manana Mpisoronabe toy izany isika, dia llay efa mipetraka eo amin'ny ankavanan'ny seza fiandrianan'ny Avo Indrindra any an-danitra.

#### **Fanjakam-mpisorona**

Ny fanirian'Andriamanitra ho an'ny Zanak'Isiraely dia mba hahatonga azy ho fanjakam-mpisorona .

**Eksodosy 19:6a** Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo.

Tsy niova ny fanirian'Andriamanitra. Ny mpino rehetra dia mpisorona. Satria isika "ao amin'I Kristy," dia mizara ny fisoronany.

**Apokalypsy 1:6** Sady efa nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an'Andriamanitra Ray, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena.

## **MANDEHA MIENDRIKA NY NIANTSOANA ANTSIKA**

---

Paoly dia nananatra antsika handeha miendrika ny niantsoana antsika.

**Efesiana 4:1** Ary noho izany izaho, mpifatotra noho ny amin'ny Tompo, dia mangataka aminareo mba handeha miendrika ny fiantsoana izay niantsoana anareo.

### **Vahoaka Masina**

**Hebreo 12:14** Miezaha mitady fihavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo.

**1 Petera 1:15,16** Fa araka ny fahamasinan'ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa ianareo amin'ny fitondran-tena rehetra, satria voasoratra hoe: "Ho masina ianareo, satria masina Aho."

**Efesiana 5:27** Mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy pentimpentina, na fiketronana, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy.

### **Fieritreretana Madio**

Ny zavatra takiana amin'ny fiderana dia tsy niova. Tahaka an'Andriamanitra nitaky zavatra vitsivitsy tamin'ny mpisorona, dia takiana amintsika izany.

**Hebreo 10:22** Dia aoka isika hanatona amin'ny fo marina sy amin'ny fahatokiana be avy amin'ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin'ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin'ny rano madio.

Noho ny amin'ny ran'I Jesosy, dia afaka miditra ny fanatrehany amin'ny fahasahiana isika.

### **Fo Miray**

**Salamo 86:11** Ampianaro ny lalanao aho, Jehovah ô; dia handeha amin'ny fahamarinanao aho; ampiraiso ny foko hatahotra ny anaranao.

“Ampiraiso ny foko hatahotra ny Anaranao” dia midika hoe mitondra ny eritreritra rehetra hiray saina hitsaoka. Faniratsirana an'Andriamanitra ny ohatran'ny midera Azy, nefa ny saintsika tena any amin'ny zavatra hafa mihitsy!

**Jakoba 4:8,10** Manatona an'Andriamanitra, dia hanatona anareo lzy. Diovy ny tananareo, ry mpanota; ary ataovy madio ny fonareo, ry mpiroa saina.

**Manetre tena eo anatrehan'ny Tompo, dia hanandratra anareo lzy.**

## Fo Madio

**Salamo 24:3,4 Iza no hiakatra any an-tendrombohitri Jehovah? Ary iza no hitoetra ao amin'ny fitoerany masina? Izay madio tanana sy mahitsy fo, izay tsy manandratra ny fanahiny ho amin'ny lainga, na mianiana hamitaka.**

Ny tanana madio sy fo madio dia manambara ny fahavononantsika.

Isika ve miditra amin'ny fiankohofana mba ho hitan'ny hafa?

Isika ve midera mba hahazo ny fankasitranan' Andriamanitra sy ny valin'izay zavatra nilaintsika?

Tokony ho dinihantsika ny zavatra tadiavintsika eo anatrehan' Andriamanitra.

## Fanahy Torotoro

**Salamo 51:17 Ny fanatitra ho an'Andriamanitra dia fanahy torotoro; ny fo torotoro sy mangorakoraka, Andriamanitra ô, tsy mba ataonao tsinontsinona.**

Ny fanahy torotoro dia izay nianatra famaizana sy fankatoavana ary mitoetra amin'ny maha Tompo an'I Jesosy.

## Fanajana An'Andriamanitra

**Salamo 89:7 Dia Andriamanitra mahatahotra indrindra eo amin'ny fiangonan'ny olo-masiny, ary hajain'izay rehetra manodidina Azy.**

## Tafasaraka Amin'Izao Tontolo Izao

**Kolosiana 1:13 Sady nahafaka antsika tamin'ny fahefan'ny maizina ka namindra antsika ho amin'ny fanjakan'ny Zanany malalany.**

## NY FITAFIAM-PISORONANTSIKA

---

### Mitafy Famojena

**Hebreo 12:14 Miezaha mitady fihavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo.**

#### ➤ *Fitafiam-piderana*

**Isaia 61:3 Hanolotra ho an'ny malahelo ao Ziona, eny, hanome azy namama ho solon'ny lavenona, sy diloilo fifaliana ho solon'ny fahalalohovana, ary fitafiana fiderana ho solon'ny fanahy reradreraka, mba hanaovana azy hoe Hazon'ny fahamarinana, nambolen'i Jehovah ho fampisehoam-boninahitra.**

Zava-dehibe ny hanaovantsika ny fitafiam-piderana. Misy lanja lehibe nomena ao amin'ny Soratra Masina momba ny

maha zava-dehibe ny fitafian'ireo mpisoron'ny Testamenta Taloha. Isika dia mpino-mpisorona ao amin'ny fanahy ary ny fitafiantsika dia amin'ny fanahy.

➤ *Fitafiana Fahamarinana*

**Apokalypsy 7:9** Rehefa afaka izany dia hitako fa, indreo, nisy olona betsaka tsy tambo isaina avy tamin'ny firenena rehetra sy ny fokom-pirenena sy ny olona ary ny samy hafa fiteny nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anatrehan'ny Zanak'ondry, niakanjo akanjo fotsy lava sady nitana sampan-drofia teny an-tànany.

**Apokalypsy 19:8** Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika, sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.

## **NY FANATITRA ATAONTSIKA MPISORONA**

---

### **Fisaorana/Fiderana**

Betsaka tamin'ny tanjona sy asan'ny mpisoron'ny Testamenta Taloha no hita tao amin'ny fanatitra izay nataony ho an'Andriamanitra. Ankehitriny, dia hitantsika miavaka sy mazava ny fanatitra ho ataontsika amin'Andriamanitra.

Tokony hiditra ny Fanatrehany amin'ny fiderana isika.

**Salamo 100:4** Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana; misaora Azy, mankalazà ny anarany.

### **Ny Fananantsika**

Tokony hiditra ny fanatrehany amin'ny fanatitra isika.

**Ohabolana 3:9,10** Mankalazà an'i Jehovah amin'ny fanananao, sy amin'izay voaloham-bokatrao rehetra; ka dia ho feno mitafotafy ny fitceram-barinao, ary hihoatra ny ranom-boaloboka eo amin'ny vata fanantazanao.

### **Ny Tenantsika**

Tokony hitondra ny tenantsika ho fanatitra isika.

**Romana 12:1** Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.

**1 Tesaloniana 5:23** Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka; ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.



## Fanati-piderana

**Hebreo 13:15,16 Koa aoka isika hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva, dia ny vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany. Fa aza manadino hanao soa sy hiantra; fa fanatitra toy izany no sitrak'Andriamanitra.**

Ny teny, “fanatitra” dia midika fa ny fiderana tsy mora foana, na mandeha ho azy. Nefa, tokony hatolotra tsisy fiafaràna.

## **MIVELONA TAHAKA NY MPISORONA NA MIHAZONA NY FOMBAN-DRAZANA**

Isanandro isika dia miatrika fanapahan-kevitra. Miaina tahaka ny mpisorona ve isika, sa ve isika mihazona ny fomban-drazana, ny fomba fanaontsika zavatra?

**1 Petera 2:5 Ka dia atsongana koa ianareo tahaka ny vato velona ho trano fanahy, ho fisoronana masina, hanatitra fanati-panahy sitrak'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.**

### **Miditra Tahaka Ny Nidiran'ny Mpisorona**

Ny mpisorona taranak'i Arona dia niditra isanandro tao amin'ny Tabernakelin'i Mosesy ary taty aoriana tao amin'ny Tempolin'i Solomona. Ankehitriny isika ihany koa dia tokony hiditra eo amin'ny fanatrehany isanandro.

Ny tabernakelin'i Mosesy dia nisy vavahady izay mitondra ao amin'ny kianja. Tamin'izany lâlana izany no nidiran'ny mpisorona “hanompo ny Tompo” ao amin'ny fitoerana masina. Indray isan-taona, ny mpisoronabe dia niditra ny Toerana Masina Indrindra izay misy ny Fiaran'ny Fanekena.

Ny Efitra Masina Indrindra dia tandidon'ilay seza fiandrianan'Andriamanitra any an-danitra ety an-tany. Ny fiaran'ny Fanekena, izay rakofan'ny Famindrampo dia karazan'ilay fiandrianan'Andriamanitra. Ny eo amin'ny Toerana Masina Indrindra dia ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra tanteraka.

Rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana Jesosy, ilay efitra lamba izay nampisaraka ny toerana masina amin'ny toerana masina indrindra dia triatra tamin'ny fomba mahagaga avy any ambony hatrany ambany. Ny olona dia tsy tafasaraka tamin'Andriamanitra intsony. Ankehitriny amin'ny alalan'ny ràn'I Jesosy, ny mpino rehetra dia afaka miditra amin'ny fahasahiana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

Na dia nisy dingana aza tamin'ny “fidirana” ho an'ny mpisoron'ny Testamenta Taloha, dia misy dingana ihany koa ny fidirantsika eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isanandro. Tokony “hiditra” isanandro amin'ny fotoanantsika mitokana izay hiderana sy hiankohofana.

Tokony hiara-hiditra amin'ny tena ihany koa isika rehefa misy fivoriana.

➤ *Eo Amin'ny Vavahady*

**Salamo 100:4 Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana...**

Ny “miditra” dia mitaky hetsika fankatoavana. Tokony ho tonga amin'ny fisaorana isika– fa tsy amin'ny fo tsy mankasitraka. Ny hirantsika voalohany dia tokony izay maneho toe-po misaotra ny Tompo. Rehefa manomboka misaotra isika ary midera Azy, dia miala avy ao amin'ny toe-java misy ara-boajanahary manodidina antsika mankao amin'ny tontolon'ny fanahy isika.

➤ *Kianja*

**...Ary eo an-kianjany amin'ny fiderana.**

Rehefa mandalo ny vavahady isika, dia ao amin'ny kianja. Tsy vonona ny hiditra ao amin'ny Toerana Masina Indrindra isika, ao amin'ily fotoana lalina indrindra amin'ny fiankohofana tsy takatry ny saina, raha tsy efa nanana fotoana teo amin'ny kianja tamin'ny fiderana. Eo amin'ny kianja, dia asaina midera isika. Am-piravoravoana no hidirantsika miarakamin'ny mozika, fihirana, fitehafana sy fanandrata-tanana amin'ny Tompo, matetitetika amin'ny fandihizana eo anatrehan'ny Tompo amin'ny fanehoana fiderana Azy.

➤ *Toerana Masina*

**Misaora Azy, mankalazà ny anarany.**

Rehefa maka fotoana tsara eo amin'ny kianjan'ny fiderana isika, dia manomboka mahatsapa zavatra misintona isika ao amin'ny fanahintsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Tsikelikely eo dia resin'ny maha Izy Azy isika. Manomboka miditra amin'ny ahavo-na fiderana hafa isika. Mahita ny tenantsika ao amin'ny kianja anatin'ny isika, ao amin'ny Toerana Masina.

Tsy mandihy sy miteha-tanana intsony isika. Lasa tena malina be amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika ka na dia ny tanantsika aza dia manomboka misandratra Aminy amin'ny fiankohofana hafa kely. Nia-miadana ny mozika na nijanona. Ilay zavatra voalamina tsara teo aloha kely teo niova. Ny fahamasinan'ny fanatrehan'Andriamanitra dia mitady tsy ho voatohitra.

➤ *Toerana Masina Indrindra*

Amin'ny fotoana, mety hisy ranomaso hirotsaka amin'ny tavantsika. Indraindray, ny hany zavatra azontsika atao dia ny mijanona tsy mitendry sy mihira ary mitoetra mangina eo amin'ny Fanatrehany Masina. Tsy hitantsika intsony ny manodidina antsika. Mifantoka manontolo amin'Andriamanitra isika. Mitsangana, mandohalika,

indraindray aza mihohoka tanteraka eo amin'ny Fanatrehany isika, resy tanteraka ao amin'ny fitiavany.

Toa ohatran'ny tsy tsaroantsika akory, kay efa tafiditra ao amin'ny efitra lamba isika tahaka ireo mpisoronabe, avy ao amin'ny Toerana Masina mankao amin'ny Efitra Masina Indrindra.

Lasa manana fanazavana mahafinaritra ny fotoana izay nitondrana ny Fiaran'ny Fanekena tao amin'ny Tempolin'I Solomona isika,

**1 Mpanjaka 8:10,11 Ary nony nivoaka avy tao amin'ny fitoerana masina ny mpisorona, dia nameno ny tranon'i Jehovah ny rahona; ka dia tsy nahajanona hanao fanompoam-pivavahana ny mpisorona noho ny rahona, satria ny voninahitr'i Jehovah nameno ny tranon'i Jehovah.**

## Na Mihazona Ny Fombafomba

Betsaka, ao amin'ny fiangonan-drazany, no mihira moramora ary amin'ny fitandremana tsara avy amin'ny boky fihirana, no mahatsapa voaelingelina amin'ny fanehoana fiderana hita maso. Betsaka no mahatsapa fa “tsy mety” ny maneho ny fiderany an'Andriamanitra ho hita maso. Davida nanoratra,

**Salamo 33:1 Mihobia ho an'i Jehovah ianareo, ry olo-marina; fa mendrika hataon'ny olo-mahitsy ny fiderana.**

**Salamo 147:1 Haleloia. Fa tsara ny mihira ho an'Andriamanitsika, eny, mamy sady mendrika ny fiderana!**

Tokony hifidy ny hankatoa an'Andriamanitra isika. Tokony hanao dingana hiala amin'ny toerana mahametimety antsika isika dia ny fombantsika ka hiditra tanteraka amin'ny fo manontolo amin'ny fihetsika lazain'ny baiboly momba ny fiderana mba handraisantsika izay nomanin'Andriamanitra ho antsika.

Misy antony ny nanomezan'Andriamanitra antsika toro-làlana hiravoravo, hiteha-tanana, hiantso mafy, ary handihy mihitsy aza. Ny fiderantsika dia ankasitrahany ary isika tokony hanome izany. Antsika ny tombon-tsoa!

## FANONTANIANA FAMERENANA

---

1. Ny mpisoron'ny Testamenta Taloha dia nanana fitafiana manokana. Lazao ny momba ny “fitafian'ireo mpisoron'ny Testamenta Taloha”.
2. Inona no fanatitra tokony homentsika an'Andriamanitra?
3. Hazavao ny dingana fidirana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izay tokony ho hitantsika amin'ny fiderana sy ny fiankohofana .

## Lesona Faha Telo Ambin'ny Folo

### *Fandresena Amin'ny Alalan'ny Fiderana Sy Fiankohofana*

#### MIVAVAKA AMIN'NY FANAHY

---

Hoy Jesosy,

**Jaona 4:24 Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.**

Amin'ny fonsika, aintsika, vatantsika rehetra ihany no ahafahantsika midera an'Andriamanitra. Fa amin'ny fanahy ihany no ahafahantsika miankohoka Aminy.

Tahaka ny mpisoronabe tamin'ny Andron'ny fisoronana, dia nandalo ny lamba isika. Fotoana mahatalanjona io. Raha misy ota eo amin'ny fiainan'ilay mpisoronabe, dia fantany fa ho faty eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra izy. Ny zavatra izay afaka nohazonintsika tao amin'ny kianja dia tsy afaka ny hotazonintsika intsony eo amin'ny fiainantsika. Ho tahaka ny tamin'ny andro nandaingan'i Ananiasy sy Safira tamin'ny Fanahy Masina ao amin'ny Asan'ny Apostoly toko fahadimy izany.

Ny mivavaka amin'ny fahamarinana dia midika “tsy miolakolaka.” Mijoro mangarahara tsara, misokatra Aminy, tsy misy zavatra miafina. Tahaka ny mpisoronabe taloha, dia tokony ho nanomana ny tenantsika ho eo amin'ny Fanatrehany isika. Ny fahotana rehetra dia tokony ho voavela sy vaodion'ny ràn'I Jesosy.

**1 Jaona 1:9 Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra.**

#### Tafatsofoka Ny Efitra Lamba

Tamin'ny andro fisoronana, ny mpisoronabe dia nitsangana tao amin'ny Fitoerana Masina efa vonona ny handalo hy efitra lamba. Ny hysopa teny amin'ny tanany ilany ary ny sinin-drà teny amin'ny ilany. Ilay lamba dia mivelatra mahazo ny rindrina roa ary avy amin'ny tafo-trano ka hatrany amin'ny tany. Tsy nisy fomba nahafahana nandady ambaniny, na amboniny, na amin'ny manodidina. Tsy nisy varavarana.

Ny mpanoratra ny bokin'ny Hebreo dia manambara izany rehefa nanoratra,

**Hebreo 9:8 Koa izany no anambaran'ny Fanahy Masina fa tsy mbola voaseho ny lalana mankany amin'ny fitoerana masina indrindra, raha mbola ao ihany ny tabernakely voalohany;**

Rehefa nandalo ny efitra lamba ny mpisorona, dia niditra tanteraka ao amin'ny tontolon'ny fanahy izy. Tonga mba hivavaka “amin'ny fanahy sy fahamarinana” izy. Afaka ny ho tafatsofoka ny efitra lamba ve ny mpisoronabe tahaka an'i Filipo noentin'ny Fanahy avy eo amin'ny rano izay nanaovany batisa ilay tandapa etiopiana ho any an-tanana lavitra any Azota?

Ho fidirana amin'ny fiderana marina, dia tokony ho tafafindra ao amin'ny tontolon'ny fanahy isika. Andriamanitra dia Fanahy, ary Jesosy dia nilaza fa izay mivavaka Aminy dia tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy.

### **Mandany Fotoana Ao Amin'ny Fanatrehany**

Rehefa miditra ny fanatrehany isika, dia miara-milaza amin'i Davida ny fontsika hoe, “te hikatsaka ny Tavany aho.” Impiry isika no nikatsaka ny tanan'Andriamanitra, no naniry ny filàn'ny nofontsika ho tanteraka.

Matetika isika dia tonga eo amin'ny fanatrehany tsy hay toherina amin'ny fotoana hiarahana midera. Amin'ny fahatsapana ilay hosotr'Andriamanitra mahagaga, dia misy nahatsapa fa tokony hanao zavatra, ka niverina any “ivelan'ny kianja” mba hanome hafatra amin'ny teny tsy fantatra, fandikan-teny, ary faminaniana. Tsy ela, dia lasa ilay hosotra mahery ary ny olon'Andriamanitra dia nasaina nipetraka ary isika “nanohy ny fandaharantsika.”

Dia lasa avelantsika mitsangana irery ny Raintsika Izay any an-danitra. Nefa Izy dia tena niandry antsika mba ho avy ary hanana fotoana miaraka Aminy.

Mila mianatra ny mijanona eo amin'ny Fanatrehany isika.

### **Hitovy Endrika Aminy**

Ao amin'ny kianja, eo am-pandihizana ho an'ny Tompo amin'ny herintsika rehetra, dia misy hery tonga ao amin'ny fanahintsika. Resy ny fombafomba fivavahana sy ny tsy firehetana. Ny tanin'ny fontsika, tahaka ny tanimanga eo amin'ny mpanefy azy, dia lasa malefaka sy mafana ho an'Andriamanitra.

Mandritra ny fotoana fiankohofana mihaela sy mihalalina ka mihazona antsika ho eo akaikiny Izy, dia tahaka ny tanimanga malefaka izay voatefy, dia hovaina hitovy endrika aminy isika.

**Romana 8:29 Satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin'ny Zanany...**

**2 Korintiana 3:18 Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy**

**amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.**

## **MANANGANA ALITARAN'NY FIDERANA**

---

Ao amin'ny Testamenta Taloha hatrany hatrany, dia misy olona na vondrona, nanangana alitaran'ny fiderana noho izay nataon'Andriamanitra. Ny teny Hebreo ho an'ny alitara dia “toerana fanaovana sorona.”

Andriamanitra dia mbola miteny amin'ny vahoakany amin'ny fananganana alitara ara-panahy. Ny fankanesantsika eo Aminy mitokana, miaraka, manao fanatitra amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana no hanaovantsika izany.

### **Abrahama - Tendrombohitra Moria**

Araka ny nianarantsika ao amin'ny Lesona voalohany, ny fotoana voalohany nilazana ny teny hoe “hivavaka” dia nampiasaina tamin'ny Abrahama handeha hanangana alitara tany Tendrombohitra Moria ho fankatoavana ny didin'Andriamanitra dia ny hanao fanatitra ny zananilahy, Isaka.

**Genesisy 22:5 Ary hoy Abrahama tamin'ny zatovony: “Mijanòna eto amin'ny boriky ianareo, fa izaho sy ny zazalahy handeha hankery; ary hivavaka izahay dia hiverina eto aminareo indray.”**

Avy amin'io “filazana voalohany” ny vavaka io, dia mianatra isika fa ny vavaka dia hetsika fankatoavana izay mitaky sorona lehibe!

Noho ny fankatoavan'i Abrahama hivavaka, dia namatsy fanatitra ho solon'Isaka Andriamanitra. Naneho ny tenany fa Jehovah-Jire Izy- Ny Tompo, mpamatsy antsika.

**Genesisy 22:13,14a Ary Abrahama niherika nijery ka, indro, nisy ondrilahy teo ivohony, voasangotry ny kirihitrana ny tandrony; dia lasa Abrahama ka naka ny ondrilahy ary nanatitra azy ho fanatitra dorana ho solon'ny zanany. Ary ny anaran'izany tany izany dia nataon'i Abrahama hoe Jehovah-Jire.**

➤ *Fa Maninona No Tendrombohitra Moria?*

Fa maninona Andriamanitra no naniraka an'i Abrahama ho an'ny an-tanin'ny Moria ary amina tendrombohitra iray? Fa maninona no zava-dehibe ny toerana nanaovan'i Abrahama ny fanatitra? Maninona Andriamanitra no nitodika tamin'ny zanany lahitokana?

**Genesisy 22:2 Ary hoy Izy: “Ento ny zanakao, ny lahitokanao izay tianao, dia Isaka ka mankanesa any amin'ny tany Moria; ary atero any izy ho fanatitra dorana ao amin'ny tendrombohitra anankiray izay holazaiko aminao.”**

Betsaka no mino fa ny tendrombohitra Moria, izay nankatoavan'i Abrahama an-tsitrapo hanolotra ny zanany no toerana nanombohana an'I Jesosy, Ilay Zanak'Andriamanitra Lahitokana. Teo no namatsin'Andriamanitra ilay solo-na fanatitra ho an'ny fahotantsika.

Taona maro niandrasan'i Abrahama ny faminiana ho tanteraka, taona maro no nilainy mba ho tanteraka amin'ny finoana sy fankatoavana mba hahatongavany amin'io toerana io.

### Ny Fiderana Dia Manaraka Ny Fitsidihana

Tamin'izay rehetra nalehan'i Abrahama, Isaka ary Jakoba, dia nanangana alitara fiderana an'Andriamanitra izy ireo.

In-betsaka ny Soratra Masina no maneho fa ao aorinan'ny fananganana alitara, dia nisy fisehoan'ny anjely, na fisehoan'Andriamanitra, eo amin'ilay toerana izay nananganana ny alitara.

Rehefa midera an'Andriamanitra isika amin'ny fanahy sy ny fahamarinana isika, dia manangana alitara ara-panahy.

### Abrahama/Isaka- Betela

Ao amin'ny Genesisy faha roa ambin'ny folo, dia lazaina amintsika fa Abrahama nanangana alitara tao Betela. Taona maro taty aoriana, dia nankao Betela Jakoba ary nanofy ny zavatra nitranga ao amin'ny tontolon'ny fanahy izy.

**Genesisy 28:12,13a Ary nanonofy izy, ka, indro, nisy tohatra niorina tamin'ny tany, ka nipaka tamin'ny lanitra ny lohany; ary, indreo, nisy anjelin'Andriamanitra niakatra sy nidina teo aminy. Ary, indro, Jehovah niseho teo amboniny ka nanao hoe...**

Andriamanitra dia niseho ary niresaka tamin'i Isaka tao betela. Misy zava-mahagaga miseho ao amin'ny tontolon'ny fanahy eo amin'ny lafiny izay nahazoantsika hery tamin'ny fiderana sy fiankohofana.

### Ny Fiderana Dia Manokatra Varavarana

**Genesisy 28:16,17 Ary Jakoba nahatsiaro tamin'ny torimasony, dia nanao hoe: "Ato amin'ity fitoerana ity tokoa Jehovah, fa izaho no tsy nahalala." Dia raiki-tahotra izy ka nanao hoe : "Endrey, mahatahotra ity fitoerana ity! Tsy hafa ity, fa tranon'Andriamanitra sy vavahadin'ny lanitra!"**

Amin'ny alalan'ny fiderana, ny varavarana'ny lanitra dia nisokatra.

**Salamo 24:7 Asandrato ny lohanareo, ry vavahady! Ary misandrata ianareo, ry varavarana fahagola! Mba hidiran'ny mpanjakan'ny voninahitra.**

## David a- Mpiandry ondry Tany An-Tsaha

Zavatra sendra nifanandrify fotsiny ve tamin'i Davida mbola mpiandry ondry, no nandany ora maro amin'ny fiderana an'Andriamanitra tany an-tsaha ivelan'i Betlehema? Sa ve izy nanokatra ny varavaran'ny lanitra rehefa nidera an'Andriamanitra?

Efa aty an-jato taonany aty aoriana, taty amin'ny andro nahaterahan'I Jesosy, no nisy anjely niseho tamin'ny mpiandry ondry ary nihira,

**Lioka 2:14 Voninahitra any amin'ny avo Indrindra ho an'Andriamanitra! Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.**

## NY FIDERANA MANOKATRA NY EFITRA

---

### Ny Efitra Fampisarahana

Losifera no ilay kerobima voahosotra izay nandrakotra. Natorany ny manarona. Fa ankehitriny, raha tokony mandrakotra ny fiandrianan'ny lanitra amin'ny fiderana sy fiankohofana feno voninahitra, dia mandrakotra ny tany amin'ny firakotra fahamaizinana izy.

**Isaia 60:2 Fa indro, ny aizina manarona ny tany, ary ny aizim-pito manarona ny firenena; fa aminao kosa no iposahan'i Jehovah, ary aminao no isehoan'ny voninahiny.**

Satana dia nametraka mpanjakan'ny fahamaizinana amin'ny faritra maro.

**Efesiana 6:12 Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra.**

Ny tanjon'ny rakotra fahamaizinana dia ny hanajamba ny olombelona rehetra, mba tsy handraisany ny voninahitr'Andriamanitra.

**2 Korintiana 4:3,4 Fa raha miafina ny filazantsaranay, dia miafina amin'izay ho very izany, izay nohajambain'ny andriamanitr'izao tontolo izao, dia ny sain'ny tsy mino, mba tsy hiposahan'ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy, Izay endrik'Andriamanitra.**

### Ady Mahery Vaika

Misy zavatra mahery vaika miseho rehefa manorina alitara fiderana sy fiankohofana isika. Ny “faritr'ilay fandrakofana” dia ilay rakotra fahamaizinana ara-panahy dia notriarina ary nopotehana. Ny mpanapaka ny fahamaizinana amin'izany faritra izany dia efa resy.



**Isaia 25:7 Ary hofanany eto amin'ity tendrombohitra ity, ny sarona izay manarona ny olona rehetra sy ny rakotra izay arakotra ny firenena rehetra.**

Rehefa manokatra ny lanitra amin'ny fiderana sy fiankohofana isika: dia afaka miseho ny anjely; dia tonga Andriamanitra; ary afaka ny ho tsapa ny Fanatrehany.

### **Ohatra Ny amin'i Daniela**

Ao amin'ny Daniela toko fahafolo, nisy anjely voairaka hamaly ny tenin'i Daniela, izay nijoro nandritra ny iraika ambin'ny roapolo andro manoloana ny fanafihan'ny andrianan'ny fanjakan'i Persia.

Nisy ady niseho teny amin'ny lanitra. Ilay anjely dia nosakanan'ny mpanjakan'ny fahamaizinana eo amin'ny fanjakan'i Persia mandrapahatonagan'i arikanjely mba hanampy azy. Ho famaliana ny tenin'i Daniela, dia nisokatra ilay rakotra fahamaizinana ary dia nandalo izany ilay anjely.

### **NY FANDRESEN'I JOSAFATA**

---

Ny fandresen'i Josafata dia anisan'ny ohatra lehibe indrindra amin'ny fandresena amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana. Nianatra antsipirihany kokoa momba izany isika ao amin'ny Lesona Fahafolo.

Rehefa nodidinina miaramila avy amina firenena telo Joda, dia nahita ny tenany tsisy fanantenana satria tsy ampy isa. Fa Josafata mpanjaka sy ny olon'i Joda dia nahalala ny tokony ho atao. Nikatsaka ny Tompo izy.

**2 Tantara 20:15 ary hoy Jahaziela: Mihainoa ianareo, ry Joda rehetra sy ry mponina any Jerosalema, ary ianao, ry Josafata mpanjaka: Izao no lazain'i Jehovah aminareo: Aza matahotra na mivadi-po ny amin'ireo olona betsaka ireo, fa tsy anareo ny ady, fa an'Andriamanitra.**

### **Raiso Ny Toeranao!**

**And.17a,18 Tsy ianareo anefa no hiady amin'ity. Mijanona tsara, fa ho hitanareo ny hamonjen'i Jehovah anareo. Dia niankohoka tamin'ny tany Josafata, ary ny Joda sy ny mponina rehetra tany Jerosalema niankohoka teo anatrehan'i Jehovah koa, ka nivavaka.**

Ny tenin'ny Tompo dia tonga taminy mba “handraisany ny toerany” ary nataony izany– tamin'ny alalan'ny fiderana!

**And.19 Dia nitsangana ny Levita, taranaky ny Kehatita sy taranaky ny Koraita, mba hidera an'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, tamin'ny feo mahery indrindra.**

## Ny Mpidera Eo Aloha

**And.21,22** Ary rehefa niara-nihevitra tamin'ny olona izy, dia nanendry mpihira ho an'i Jehovah hidera amin'ny fihaingoana masina, raha mivoaka eo anoloan'ny olona efa voaomana hiady, ka hanao hoe: "Miderà an'i Jehovah, fa mandrakizay ny famindram-pony."

Ary raha vao nanomboka nihoby sy nidera ireo, dia nasian'i Jehovah otrika hamely ny taranak'i Amona sy Moaba sy ny avy any an-tendrombohitra Seira, izay avy hamely ny Joda; ka dia resy ireo.

## Fahavalo Nifamono

**And.23,24** Dia nitsangana ny taranak'i Amona sy Moaba namely ny avy any an-tendrombohitra Seira ka namono sy nandringana azy; ary nony voaringany ny mponina tany Seira, dia nifandringana kosa izy samy izy ihany. Ary nony tonga teo amin'ilay fitazanana any an-efitra ny Joda, dia nijery ireo olona betsaka ireo izy, koa, indreo, nisy faty niampatrampatra tamin'ny tany. Tsy nisy afa-nandositra ireo.

Na dia ohatran'ny toa hitan'ny fahavalo aza fa vitsy sy voadidina isika, ka mametraka ny tenantsika ao amin'ny Tompo, ary manomboka midera sy mitsaoka Azy, dia misy hery tonga eo amin'ny tontolon'ny fanahy.

Andriamanitra dia mitoetra eo ambonin'ny fideran'ny olomasiny.

## **ADY AMIN'NY ALALAN'NY FIDERANA**

---

Ny fahavalontsika, izay mpidera tany an-danitra taloha, dia tsy mahazaka ny feon'ny fiderana. Voairaky ny Tompo ny anjely mpiady mba hampifanaritaka ny herin'ilay ratsy. Anatin'ny korontana, dia hifampitodika izy ary ho resy rehefa manomboka midera ny Tompo isika.

Betsaka, rehefa nahafantatra fa isika dia miady amin'ny fahavalo, no mandany ny fotoanany amin'ny fitabatabana amin'ny devoly sy ny demonia. Mifantoka amin'ny fahavalo izy.

Misy toerana ho an'ny ady ankehitriny ao amin'ny mozika. Tokony hampatsiahy antsika ny fahefantsika handresy ny fahavalo izany, ary mampatsiahy azy fa izy dia efa resy.

Ny fandresena amin'ny ady dia tsy amin'ny alalan'ny fiorakorahana ny fahavalo. Fa mifantoka amin'ny fiderana. Mifantoka amin'ny fahalebiazan'ny Andriamanitsika izany.

**Salamo 149:6-9** Aoka hisy fanandratana an'Andriamanitra eo ambavany, sy sabatra roa lela eny an-tànany, hamaliany ny Jentilisa, sy hamaizany ny firenena maro; hamatorany ireo

**mpanjakany amin'ny gadra, sy ny olo-malazany amin'ny gadra vy; mba hanaovany ny fitsarana voasoratra: Voninahitry ny olony masina rehetra izany. Haleloia!**

**Isaia 30:32 Ary na aiza na aiza no amelezan'ny tsorakazo voatendry, izay amelin'i Jehovah azy, dia harahina ampongatapaka sy lokanga izany; ary amin'ny ady hamelezany mafy no hiadiany aminy.**

Ireo mpidera teo alohan'ny tafik'i Josafata dia tsy nihira hira fiadiana nivantana tamin'i devoly. Nihira, nidera ny fahatsaran'ny fahamasinana izy. Derao ny TOMPO, fa ny famindrampony maharitra mandrakizay. Nitsaoka an'Andriamanitra izy ireo!

## Paoly Sy Silasy

Paoly sy Silasy dia nalàna akanjo, nokapohina, ary nalefa tao am-ponja ary ny tongony nobolokiana mba tsy ahafahany mihetsika.

**Asan'ny Apostoly 16:25,26 Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an'Andriamanitra Paoly sy Silasy, ary nihaino azy ny mpifatotra.**

**Ary nisy horohorontany mafy dia mafy avy tampoka, ka nihozongozona ny fanorenan'ny tranomaizina; dia nivoha niaraka tamin'izay ny varavarana rehetra ary nivaha avokoa ny fatoran'izy rehetra.**

Tokony hitohy hanolotra fanati-piderana isika, na manao ahoana na manao ahoana ny trangan-javatra. Rehefa ataontsika izany, dia misy vokany lehibe foana. Ny fandresena dia afaka ny ho tonga amin'ny alalan'ny fiderana avo sy fiankohofana lalina. Afaka miaraka manaiky amin'i Davida isika tamin'izy nanoratra hoe,

**Salamo 68:1 Aoka hitsangana Andriamanitra, ka hiely ny fahavalony...**

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Ahoana no fomba “hidirantsika” ny fanatrehan' Andriamanitra amin'ny fiankohofana?
2. Hazavao ilay “hery” izay tonga rehefa midera an' Andriamanitra isika.
3. Ahoana no nandraisan'ny tafika Joda notarihin' i mpanjaka Josafata hery tamin'ny fahavalalo nanodidina?

## Lesona Fahaefatra Ambin'ny Folo

### *Ny Fitarihana Fiderana Sy Fiankohofana*

Amin'ny fitarihana amin'ny tontolon'ny fanahy dia mila manaraka ny drafitra sy ny fomba napetrak'Andriamanitra isika ao amin'ny fiangonana raha te ahita ny fanosoran'Andriamanitra amin'ny fivoriam-piderana sy fiankohofana.

#### **NY MPITANDRINA SY NY LOHOLONA Hafa AO AMIN'NY FANOMPOANA**

---

##### **Fitarihana Amin'ny Tontolon'ny Fanahy**

Ny mpitandrina sy ny loholona hafa ao amin'ny fanompoana ao amin'ny fiangonana dia tokony hampijoro ny fitondrana ara-panahy, ny fahefana, ny lalana sy ny fomba atao mba ho fanompoana mahomby ao amin'ny fiangonana ny fiderana sy ny fiankohofana.

**1 Petera 5:2,3 Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo, [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry.**

##### **Mandray Anjara Mavitrika**

Tsara rehefa mandray anjara mavitrika amin'ny fiderana sy ny fiankohofana rehetra hatramin'ny fanombohan'ny fivoriana ny mpitandrina sy ny loholona hafa ao amin'ny fanompoana. Amin'ny fanaovana izany, dia lasa ohatra izy ary mampahery ny fiangonana handray anjara feno.

**1 Timoty 4:12 Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana.**

##### **Ohatra Tsara**

Raha tara ny mpitarika, amin'ny alalan'ny fihetsiny dia ohatran'ny manao ny fotoam-piderana sy ny fiankohofana ho zara raha manan-danja izy anatin'ilay fivoriam-piangonana, ary betsaka ao amin'ny fiangonana no hitondra-tena tahaka izany.

**1 Korintiana 11:1 Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy.**

## Fiomanana Amin'ny Fanompoana

Ny mpitandrina sy ny loholona hafa mpanompo dia mila fotoana hanomanany tsara ny fony ho amin'ny hosotra mba hilatsaka ka hiasa mahery amin'ny vahoaka.

**Asan'ny Apostoly 6:2 Ary ny roa ambin'ny folo lahy nampiangona ny mpianatra rehetra ka nanao hoe: "Tsy mety raha mandao ny tenin'Andriamanitra hitandrina latabatra izahay."**

## Mahafantatra Ny Hetsiky Ny Fanahy Masina

Zava-dehibe ho an'ireo izay ao amin'ny asa fanompoana dimy ihany koa no misoroka zavatra mahavariana ary manolotra ny tenany manontolo hahafantatra ny fikoriana sy ny hetsiky ny Fanahy Masina ho an'ny fivoriana manokana.

## Fanendrena Mpitarika Fiderana

Ny mpitendry sy ny mpitarika fiderana dia tokony ho tendren'ny loholon'ny fiangonana ary hanao fanompoana ambanin'ny fahefany. Afaka ny ho tarihin'ny mpitandriana ny fiderana sy ny fiankohofana, na ny mpaminany iray na iray amin'ireo loholona mpanompo izay manana fanomezam-pahasoavana amin'izay lafiny izay.

Misy ohatra ara-baiboly izay hitantsika amin'izany ny fanendren'ny mpanjaka Davida Levita maromaro ho mpitendry hanompo eo anatrehan'Andriamanitra.

**1 Tantara 16:4 Ary ny Levita sasany notendren'i Davida ho mpanao fanompoam-pivavahana eo anatrehan'ny fiaran'i Jehovah mba hankalaza sy hisotra ary hidera an'i Jehovah, Andriamanitra ny Isiraely.**

## NY EKIPA MPITARIKA FIDERANA DIA NOTENDREN'I DAVIDA

Nisy ekipa mpanompo notendren'i Davida.

### Mpitarika Fiderana

Ny fahefana amin'ny fitarihana dia nomena an'i Asafa ka lohan'ny mpitendry izy.

**1 Tantara 16:5 Asafa no lohany, ary Zakaria no nanarakaraka, dia Jeielà sy Semiramota sy Jehiela sy Matitia sy Eliaba sy Benaia sy Obed-edoma: ary Jeielà no nitendry ny valiha sy ny lokanga; fa Asafa no nampaneno ny kipantsona...**

### Tonian'ny Fitondrana

Notendrena ihany koa ny tonian'ny fitondrana.

**1 Tantara 15:22 Ary Kenania, lehiben'ny Levita, no tonian'ny fitondrana; ary nampianatra ny fitondrana izy, fa nahay.**

**1 Tantara 15:27a Ary niakanjo akanjo rongony fotsy madinika Davida, ary niakanjo toy izany koa ny Levita rehetra izay nitondra**

ny fiara ary ny mpihira sy Kenania, tonian'ny fitondrana, mbamin'ny mpihira...

## Mpitendry Zava-Maneno

Notendrena ho amin'ny fanompoana ihany koa ny mpitendry zava-maneno.

**1 Tantara 25:6,7 Ireo rehetra ireo no fehin'ny rainy tamin'ny hira natao tao an-tranon'i Jehovah tamin'ny kipantsona sy ny valiha sy ny lokanga hanaovana ny fanompoana ao an-tranon'Andriamanitra. Asafa, Jedotona, Hemana dia nofezehin'ny mpanjaka. Ary ny isany mbamin'ny rahalahiny, izay efa nianatra ny hira ho an'i Jehovah izay rehetra nahay dia valo amby valo-polo amby roan-jato.**

## **NY MPITARIKA FIDERANA– NY FANOMEZAM-PAHASOAVANY AMIN'NY FANOMPOANA SY NY FANOFANANA AZY**

---

### Miasa Tahaka Ny Mpaminany

Matetika ny olona nofidin'Andriamanitra ho mpitarika fiderana no manana ny “fanomezam-pahasoavan'ny” mpaminany. Matetika ny mozika no ampiasaina mba hamotsorana ny Fanahin'ny faminiana hihetsika.

**1 Tantara 25:1a Ary ny taranak'i Asafa sy Hemana ary Jedotona dia natokan'i Davida sy ireo komandin'ny miaramila ho amin'ny fanompoana mba haminany amin'ny lokanga sy ny valiha ary ny kipantsona.**

**1 Tantara 25:3 Tamin'i Jedotona, ny zanany dia: Gedalia sy Zery sy Jesaia sy Hasabia ary Matitia, enin-dahy ireo ka nofehezin'i Jedotona rainy, izay naminany tamin'ny lokanga hidera sy hisaotra an'i Jehovah.**

### Voahofana Ary Mahay Mozika

Ny antso sy ny andraikitra amin'ny fanompoana ny Tompo amin'ny alalan'ny mozika dia tsy tokony ho raisina maivamaivana na oviana na oviana. Ireo izay mitarika ny fiderana, na mpihira na mpitendry zava-maneno, dia tokony hahazo fiofanana sy fampiharana betsaka mba ho tonga mpitendry mahay.

**1 Tantara 25:6,7 Ireo rehetra ireo no fehin'ny rainy tamin'ny hira natao tao an-tranon'i Jehovah tamin'ny kipantsona sy ny valiha sy ny lokanga hanaovana ny fanompoana ao an-tranon'Andriamanitra. Asafa sy Jedotona ary Hemana dia nofezehin'ny mpanjaka. Ary ny isany mbamin'ny rahalahiny, izay efa nianatra ny hira ho an'i Jehovah izay rehetra nahay dia valo amby valo-polo amby roan-jato.**

## Toetra Mendrika Ny Mpitarika Fiderana

### ➤ *Voahosotr'Andriamanitra*

Izay mitarika ny fiderana sy ny fiankohofana dia tokony ho voahosotr'Andriamanitra noho ny amin'izay asa fanompoana manokana sy manan-danja ao amin'ny fiangonana izay. Fanomezam-pahasoavana sy antson'ny Fanahy Masina izay tokony ho hajaina sy kolokoloina izany.

**1 Jaona 2:20,27 Fa ianareo kosa manana hosotra avy amin'ilay Masina, ka mahalala ny zavatra rehetra.**

**Ary ny aminareo, dia ilay hosotra noraisinareo taminy no mitœtra ao aminareo, ka tsy mila hampianarin'olona ianareo; fa satria ny hosotra avy aminy no mampianatra anareo ny zavatra rehetra, sady marina, fa tsy lainga izany, dia tomœra ao aminy ianareo, araka ny nampianarany anareo.**

### ➤ *Mpidera*

Ny mpitarika fiderana tsy afaka hitondra ny vahoaka eo amin'izay tsy niainany. Ny tena fiderana sy fiankohofana dia tokony ho hita amin'ny fiainana sy ny fanoloran-tenan'ny mpitarika isanandro.

**Jaona 4:23,24 Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany.**

**Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana.**

### ➤ *Lehibe Ara-panahy*

Raha ho mpitarika eo anivon'ny tenan'I Kristy, dia tokony ho olona lehibe amin'ny finoana. Ny fahendreny, traikefa sy fahaizana amin'ny fitarihana dia hampahery ny tena rehetra handray anjara.

**Efesiana 4:12,13 ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, mandra-pahatongantsika rehetra ho amin'ny firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra, ka ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy.**

### ➤ *Fahaiza-mitarika*

Tokony ho afaka hanainga sy hitarika ny olona izy.

**1 Korintiana 11:1 Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy.**

### ➤ *Mahay Mihaino Ny Fanahy*

Tokony ho mahay mihaino ny fanosorana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina izy ka ho malina sy mahafantatra ny fihetsiky avalin'ny fiangonana.

**Salamo 78:72 Dia niandry ireo araka ny hitsin'ny fony Davida, ka nitondra azy araka ny fahaizan'ny tãnany.**

➤ *Amin'ny Fanekena*

Tokony hahalala sy hanaiky ny mpitandrina sy ny fitarihana ara-panahy hafa ao amin'ny fiangonana izy.

**1 Petera 5:5 Ary ianareo izay mbola tanora fanahy kosa, dia maneke ny loholona. Eny, samia misikina fanetren-tena ianareo ka mifanompoa; fa "Andriamanitra manohitra ny miavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena."**

➤ *Olona Madio, Mahitsy, Manetry Tena*

Ny mpitarika fiderana dia tokony ho olona voazaha toetra, ka ny fiainany sy ny fahitsiany manokana dia tsy azo kianina. Satria mpanompon'Andriamanitra manetry tena izy, ny fihetsiny dia tokony hisarika ny fijery ho amin'Andriamanitra foana ary tsy hitady voninahitra ho azy na oviana na oviana.

**1 Petera 5:6 Koa amin'izany manetre tena ambanin'ny tãna-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin'ny fotoan'andro...**

➤ *Manolo-tena Ary Mahatoky*

Tokony ho mahatoky sy ara-potoana amin'ny fanatanterahana ny andraikitra nomen'Andriamanitra.

**1 Korintiana 4:2 Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky.**

## **NY MPITENDRY ZAVA-MANENO**

---

### **Mpitendry Mahay Voafidy**

Matetika ny mpitendry, nantsoin'Andriamanitra hitendry zava-maneno ho anisan'ny ekipan'ny fiderana, dia nomena fahaiza-manao tsy takatry ny saina amin'ny fitendrena zava-maneno. Na izany aza dia tsy manamaivana ny andraikitra fanofanana sy fampiharana izany, fa ho mahatoky amin'ny fampivelarana ny talenta ilaina mba ho miendrika ny antso.

**1 Tantara 25:6,7 Ireo rehetra ireo no fehin'ny rainy tamin'ny hira natao tao an-tranon'i Jehovah tamin'ny kipantsona sy ny valiha sy ny lokanga hanaovana ny fanompoana ao an-tranon'Andriamanitra. Asafa sy Jedotona ary Hemana dia nofezehin'ny mpanjaka. Ary ny isany mbamin'ny rahalahiny, izay efa nianatra ny hira ho an'i Jehovah izay rehetra nahay dia valo amby valo-polo amby roan-jato.**

### **Zava-maneno**

Ireo karazana zava-maneno telo (tendrena, tsofina ary velesina) dia nampiasaina tamin'ny fiderana sy fiankohofana.



**Salamo 150:3-5 Miderà Azy amin'ny fitsofana ny anjomara; miderà Azy amin'ny valiha sy ny lokanga! Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina!**

Tahaka ny fiderana sy fiankohofana voalaza ao amin'ny Testamenta Taloha, ny ahavo lenta sy ny kalitaon'ny fiderana sy fiankohofana amin'ny fivoriana dia mihamiakatra noho ny fampiasana zava-maneno fanampiny araka ny talenta, zava-maneno ary ny toerana ampiasàna izany izay nomen'Andriamanitra.

Ny mpitarika dia afaka mifidy ny hanampy zava-maneno araka izay ilainy, ary amin'ny fanaovana izany dia mahay mandajalanja tsara ny karazana zava-maneno sy ny toerana hametrahana izany ao amin'ny trano.

### **Firaisan-tsaina, Fahaizana Miaraka, Ny Hamafin'ny-peo**

Ny mpitendry dia tokony ho mahay mihaino ary malina amin'ny fitarihan'ny mpitarika. Mila fampiharana betsaka mba hiraisana saina, hahaizana miaraka sy mandanjalanja ny feon-java-maneno.

Ny zava-maneno dia tokony hitondra ny tonon-kira amin'ny alalan'ny hamafin'ny feony ka tsy hisarika ny fifantohany hafa aminy na mandetika ny feon'ny mpidera.

### **Fanahy Mahay Mihaino**

Ny mpitendry zava-maneno dia tokony ho mahay mihaino ny hetsiky ny Fanahy Masina amin'ny maha "mpitendry mahay" azy. Amin'ny fanaovana izany, dia afaka mamotsotra ny hosotr'Andriamanitra hihetsika amin'ny Fanahy izy mandritra ny fivoriam-piderana sy fiankohofana.

Ny mpitendry zava-maneno dia tokony ho malina mba afaka hiray saina sy hiray feo.

**2 Tantara 34:12 Ary ny olona dia nanao ny asa araka izay mety hatao. Ary ny voatendry hifehy azy dia lahata sy Obadia Levita, avy tamin'ny taranak'i Merary, ary Zakaria sy Mesolama, avy tamin'ny taranaky ny Kehatita, ary ny Levita rehetra izay nahay ny zava-maneno isan-karazany...**

### **NY FIANGONANA**

---

Tombontsoa ary andraiketry ny mpino tsirairay ny miditra tanteraka amin'ny fanompoam-piderana sy fiankohofana.

**Hebreo 2:12 Ka manao hoe: "Hitory ny anaranao amin'ny rahalahiko Aho; Eo amin'ny fiangonana no hiderako Anao."**

## Fiomanana

Ny tsirairay dia tokony hanomana ny fony ary hanana toe-po midera sy miankohoka rehefa tonga ao amin'ny fiangonana na ao amin'ny fivoriana ny mpino.

## Mamantatra Mialoha

Ny toe-po mamantatra mialoha sy manantena dia tokony hisintona antsika ho amin'ny fiderana sy ny fiankohofana anatin'ny fivoriana.

## Ara-potoana

Ny fanajana fotoana dia maneho ny fanajantsika sy fitiavantsika an'Andriamanitra. Tsy tokony ho banga fotoana iray amin'izay laniansika eo amin'ny fanatrehany isika.

Satria misy dingana amin'ny “fidirana” eo amin'ny vavahady, ny kianja, ny kianja anatiny sy ivelany, dia mety tsy ho tafiditra isika ary tsy mahatsapa feno ny fiderana marina raha tsy maka fotoana handinganana tsikelikely mankao amin'ny fanatrehany. Tokony manao planina ny ho tonga aloha isika ary manomana am-bavaka ny fanahintsika ho tony sy vonona ny hanompo ny Tompo amin'ny fahatsapana sy fanehoana tanteraka ny fiderana sy ny fiankohofana.

Betsaka no mahita ny lanjan'ny fotoana hivavahana mialohan'ny fanombohana ny fiderana sy fiankohofana.

## Amin'ny Fonsika Manontolo

Vao maneno fotsiny ny naoty voalohany amin'ny mozika, dia tokony ho amin'ny toe-po ravoravo mialoha isika, amin'ny fiandrandran'ny fanahy sy fanantenana hahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra izay mbola tsy nisy ohatra izany teo aloha.

Tokony hisisika amin'ny fanahintsika isika ary mihira sy midera an'Andriamanitra amin'ny fanahintsika, aintsika ary vatantsika rehetra. Tokony hamela malalaka ny tenantsika eo amin'ny fanatrehany isika. Ny fitiavantsika an'Andriamanitra dia tokony hasehontsika amin'ny fanompoantsika ny Tompo amin'ny herintsika rehetra, ny feontsika, ny tenantsika ary ny fonsika manontolo.

**Salamo 138:1 Hidera Anao amin'ny foko rehetra aho; eo anatrehan'ireo andriamanitra no hankalazako Anao.**

## Manaraka Ny Mpitarika Fiderana

Tsy tokony ho very tanteraka ao amin'ny Fanahy isika ka lasa tsy manaraka ny fitarihan'ilay olona voatendrin'Andriamanitra ho mpitarika fiderana sy

fiankohofana. Tokony hahay hanaraka ny hetsika ambanin'ny fanosoran'ny Fanahy Masina isika.

## Sorohana Ny Fahavarianana

Aoka tsy hahavariana anao ny eritreritrao na ny fihetsiky ny olona hafa.

Ny fihirana na ny tonon-kira eo amin'ny takelaka misy izany dia natao eo fotsiny eo mba hanampy antsika hahalala ny tononkira sy mba hiarahantsika mihira. Rehefa hita izany, dia aza manohy mifantoka amin'izany rehefa tsy dia ilaina intsony.

Indraindray dia manampy ny manakipy ny maso na mijery ny tafo ambony mba hanadinoinao ny zavatra hafa rehetra ary mifantoka amin'ny Tompo. (Ny Mpitarika fiderana tsy afaka manao izany.)

## MIHIRA AM-PANAHY

---

Amin'ny fanarahana ny mpitarika fiderana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina, dia misy fotoana ny fiderana lasa mankamin'ny fanehoana ara-mozika ara-piderana amin'ny “teny tsy fantatra.” Amin'izay fotoana izay, dia tsapantsika fa ny anjely dia mihira miaraka amintsika raha mihira “am-panahy” isika.

**1 Korintiana 14:15 Ahoana ary no izy? Sady hivavaka am-panahy no hivavaka an-tsaina koa aho. Sady hihira am-panahy no hihira an-tsaina koa aho.**

Rehefa mitranga izany, dia avelao ny tenanao ho malalaka amin'ny fikoriananao amin'ny “fitenin'ny lanitra.”

Ny Fanahy Masina tsy hanome tonon-kira fotsiny ihany fa ny feony ihany koa raha ohatra ka mandre azy tsara isika.

## Hiram-Panahy

Aoka handre ny Fanahy Masina. Matetika Izy no maniry hanome “hiram-panahy” ho an'ny tena. Raha te hiasa amin'ny alalanao amin'izany lâlana izany Andriamanitra, dia mierà amin'ny fahefana amboninao alohan'ny hanaovanao izany.

Mety manomboka amin'ny fiteny tsy fantatra izany ary avy eo mankamin'ny fahatakaranao. Mety ho tonga tahaka ny faminiana. Andriamanitra no hanome ny tonony sy ny feony. Ny hira fiderana vaovao dia matetika omena ny tenan'I Kristy amin'ny fotoana toy izany.

**Efesiana 5:19 Ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo...**

**Kolosiana 3:16 Aoka ny tenin'i Kristy hitetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihira amin'ny fahasovana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra.**

## **FANOMEZAM-PAHASOAVANA AMIN'NY FEON'NY FANAHY MASINA**

---

Matetika dia misy fotoana hiatohana amin'ny fiderana amin'ny faran'ny hira izay manome alàlana ho an'ny hafatra amin'ny fiteny tsy fantatra, fandikan-teny, na faminiana.

Alohan'ny hizaranao ny hafatr'Andriamanitra dia raiso aloha ny fahazahoana alàlana avy amin'ny fitarihana amboninao. Tokony omena amin'ny fomba mazava ka heno tsara izany ary ho azon'ny fiangonana iray manontolo.

### **Manaja Ny Fahanginana**

Ny fiatoana sy ny fahanginana tsirairay ao anatin'ny fotoanan'ny fiderana sy ny fiankohofana dia tsy voatery midika fa misy hafatra tokony homena. Mahaiza mihaino ny Fanahy Masina.

Mety hisy ny fahanginana noho ny fahatsapana mahery vaika ny fanatrehan'Andriamanitra izay nidirantsika raha niankohoka Taminy isika. Ny miteny amin'izay fotoana izay dia mety ho fanapahana ny zavatra tian'Andriamanitra ho atao amin'izay fotoana izay.

**Habakoka 2:20 Jehovah dia ao amin'ny tempoliny masina; Mangina eo anatrehany ry tany rehetra.**

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Lazao ny toetra miendrika sy ny asan'ny mpitarika fiderana ara-baiboly.
2. Lazao ny asan'ny mpitendry zava-maneno ara-baiboly.
3. Inona no andraikitry ny fiangonana amin'ny fiderana sy fiankohofana?

## Lesona Fahadimy Ambin'ny Folo

### *Manompo Amin'ny Maha Mpitarika Fiderana*

#### FANOMANANA

---

Ny fotoam-piderana mahomby sy voahosotra dia tsy tongatonga fotsiny. Mitaky fiomanana am-bavaka ora maro izany alohan'ny fivoriana.

Tsy voatery ny nanaovana ny fivoriana nandeha tsara teo aloha no hanaovana ny fivoriana hafa manaraka. Andriamanitra dia Andriamanitry ny sehatra maro samy hafa. Mivavaha ary mandraisa ny fitarihany manokana ho an'ny fivoriana tsirairay. Aoka ho tarihin'ny Fanahiny ary hahatsapa ny fanosorany.

**Fitomaniana 3:22,23 Ny famindram-pon'i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. Vaovao isa-maraina izany; lehibe ny fahamarinanao.**

Amin'ny fotoam-piderana sy fiankohofana sasany, matetika ny ankapobean'ny fotoana dia amina fiderana feno firavoravoana amin'Andriamanitra. Amin'ny sasany, vetivety fotsiny ny fivoriana dia miditra amin'ny fiankohofana lalina amin'Andriamanitra.

#### Fisafidianana Hira

Satria zava-dehibe ka raha azo atao, dia fantarina ny lohahevitra ny hafatra nomanina ho an'ny fivoriana. Amin'izay ny hira nofidiana afaka mifandray tsara, ary manomana ny tany hanirian'ny tenin'Andriamanitra izay manaraka izany.

Makà fotoana hivavahana hisafidianana hira ahafahana mampiasa izany mandritra ny fotoam-piderana sy fitsaohana.

Misafidiana hira izay afaka hiraina amin'ny feo milamina tsara ho an'ny fiangonana.

Matetika, ny famerimberenana ny hira dia hahatonga ny tonony sy ny hafatra hipetraka ao an-tsaina sy ao amin'ny fanirian'ny mpitsaoka an'Andriamanitra.

#### Fandaharana Ny Hira

Ny fandaharana ny hira dia atao mba hanaraka ny maodely amin'ny “fidirana ao.”

- Ny hira manambara fanati-pisaorana sy hira fiderana, izay hitondra fahavirihana kokoa amin'ny fandraisana anjaran'ny vatana amin'ny fihetsika atao sy ny feo;

- Ny hira izay mitondra ny hosotr'Andriamanitra sy ny olona amin'ny fiderana avo dia avo;
- Ary farany, ny hira fitsaohana izay hitondra ny mpino hanakaiky bebe kokoa an'Andriamanitra sy ny faanatrehany.

Ny hira rehetra dia tokony atokana tahaka izao ahafahan'ny mpitsaoka an'Andriamanitra tsy mandroso-miverina eo amin'ny hira fiderana sy ny fiankohofana, fa kosa handrosoana amina fihetsika izay mitombo tsikelikely ary mitovy ho amina ahavo-na fitsaohana ambony kokoa.

Safidio tsara ny naotin'ny hira izay atao ary ampiaraho ny hira mitovitovy ny loha-hevitra.

Tena tsara raha omena ny mpitendry na ireo izay mpanoratra ny tonon-kira, raha misy, ny lisitra milaza ny filaharan'ny hira sy ny naoty hihirana azy. Omàny ho an'ny mpitendry koa raha mety ny accords ampiasaina ho an'ny fiovan'ny naoty ahafahan'ny mozika sy ny hira mitohy hatrany.

Raha misy hira vaovao hohiraina, dia omany ny tonon-kira raha hampiasa projecteur (fandefasana tonon-kira).

**Salamo 33:3 Mihirà fihiram-baovao ho Azy; mitendre tsara amin'ny feo fifaliana.**

Ny mpandefa tonon-kira dia tokony hanana ny tonon-kira milamina sy mifanarakaraka tsara araka izay ilaina azy.

Indraindray misy ny hira ampiarahina hifanaraka tsy tapaka hahatonga ny hetsiky ny Fanahy ho marin-toerana sy ho iray.

## Fanomanam-Panahy

Ny mpitarika marina dia tsy mba tonga “mangatsika” ao anatin'ny asa fanompoana izany. Ny fanomanana dia mitaky fotoana betsaka ao anatin'ny vavaka, ny fiderana sy fitsaohana mitokana dia natao hihainoina ny hevitra ny Fanahy Masina ho an'ny fotoam-bavaka alohan'ny anombohany. Avy eo, afaka “minia” manomboka ny tonony voalohany izy. Ny minitra rehetra amin'ny fivoriana ilain'ny mpitarika handehanany amin'ny hetsiky ny Fanahy Masina dia fotoana avy amina fiderana sy fitsaohana marina amin'Andriamanitra.

## Fanomanana Ara-Batana

Miakanjoa tsara sy mendrika ho an'io fotoana io. Aoka ny fomba fiakanjonao tsy hahasarika ny mason'ny mpitsaoka.

Ny fahadiovan-tena, ny fahadiovana sy ny fiakanjo dia tena zava-dehibe rehefa miseho amin'Andriamanitra sy ny olona ianao.

**Genesisy 41:14 Dia naniraka Faraô ka nampaka an'i Josefa, dia nalaina faingana niala tao an-davaka izy; ary nanaratra ny volombavany sy niova fitafiana izy, dia nankany amin'i Faraô.**

### **Mitarika Ny Fikambanan'ny Mpidera, Ny Mpihira, Ny Mpitendry**

Ao anatin'ny vavaka, dia fidio manokana ireo ekipa ao anatin'ny fikambanan'ny mpidera. Hazony hatrany ny lalàna ara-panahy, ary am-pitiavana fa hentitra, dia ambarao izay karazana fahotana sy fahalotoana izay mety hitoetra eo.

Manehoa fahaiza-mitondra ara-panahy ambony, ho fampaherezana sy fampitomboana ny talentan'ny tsirairay. Mametraha ny fomba fijery tsara indrindra ary lazao amin'ny tsirairay avy ny fankasitrahanao ny aminy ny amin'ny fandraisany anjara. Takio ny fahatokiana, fanoloran-tena ary ny firaisan'ny fanahy.

Ny fikambanan'ny mpidera dia tokony hiaraka hivavaka alohan'ny aza fanompoana atao.

## **TORO-LALANA HO FAMPIHARANA**

---

### **Omeo Voninahitra Andriamanitra**

Aza mitarika ny fijerin'ny hafa amin'ny tenanao. Ny mpino dia tonga eo mba hijery an'I Jesosy sy hitsaoka Azy sy ny Ray.

**Matio 17:8 Ary nony niandrindra izy ireo, dia tsy nahita olona afa-tsy Jesosy irery ihany.**

### **Aoka Ho Malina**

Zava-dehibe ho an'ny mpitarika ny malina ny amin'ny zavamitranga mandritra ny fotoam-bavaka.

- *Malina amin'Andriamanitra sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina*
- *Malina amin'ireo mpitarika hafa ao anatin'ny fotoambavaka*
- *Malina amin'ny mpitendry*
- *Malina amin'ny fahendrena, amin'ny fitarihan'ny loholona*
- *Malina amin'ny fiangonana*

### **Aoka Hatoky**

Aoka hanana fahatokiana ny amin'ny antsonao sy ny fahaizanao ianao. Amin'ny fanetren-tena tanteraka, manome an'Andriamanitra ny voninahitra rehetra, hahatsapanao tena fa raha nohosoran'Andriamanitra ianao hitondra ny fotoana fiankohofana, dia homeny anao ny fahaizana hanao izany amin'ny fahatanterahana rehetra.

**Filipiana 4:13 Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mampahery ahy.**

### **Mitondra Azy Hiditra**

Ny olona rehetra dia tokony ho voatarika manomboka eo amin'ny toerana misy azy ho tonga eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Tsy afaka ny hitondra an'ireo eo amin'ny toerana misy anao ianao, fa kosa, tokony hahay hitarika azy mba hiditra, tahaka ny tena iray, avy eo amin'ny misy azy, mba hiara-hiankohoka ao amin'ny Fanahy.

Ataovy izay hifandraisanao mivantana amin'ny fiangonana, aoreno ny fahasahian'ny olona amin'ny alàlan'ny fitarihanao ary ento faingana faingana ao amin'ny fiderana izy.

Misy karazana hira sy fahalalana ara-panahy izay azo ampiasaina hisarihana ny olona ho tahaka ny tena iray hiditra amin'ny "vavahady" amin'ny fanati-pisaorana sy ho fahafantarany mialoha ny amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Ny mpitarika fiderana dia tokony handalina ny amin'io fahaizana iray io amin'ny alalan'ny hosotr'Andriamanitra tahaka ny hoe isan'ny talenta nomeny izany.

### **Ary Raha Tsy Mety Hiditra Izy**

Fantaro malaky raha"tafiditra" ho iray ny olona tahaka ny tena iray ao amin'ny fanatrehan'ny Tompo. Raha tsia, angataho amin'ny Tompo ny fahendreny ny amin'ny fomba handresena ny sakana ahafahana mandroso aingana.

Ampaherezo izy, fa mitandrema mba tsy hitondra azy ho amin'ny fanamelohana, mba handroso ho amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Amin'ny fitiavana, ampianaro izy hoe ahoana no fomba fiditra. Fatory ireo fanahy manohitra izay mety hanimba ny hetsiky ny Fanahy Masina. Raha mety, dia mitohiza amin'ny alalan'ny hira hafa.

### **Ireo Izay tsy Hanao**

Isika mila mahafantatra fa maro ny antony tsy hidiran'ny sasany miaraka amin'ny rehetra ao amin'ny fiderana sy fiankohofana. Ny sasany mety hoe tsy mpino, ny sasany mety mpino miaina ao anatin'ny fikomiana na tsi-fankatoavana an'Andriamanitra. Misy koa ny hafa mety ao ambany fanamelohan'ny fahavalony na ao ambany entamavesatra. Ny sasany mety noho ny tsi-fahaizany hoe ahoana no atao.

Amin'ny maha mpitarika fiderana, aoka ianao tsy hanaiky ho rebireben'ireo izay tsy miditra. Endrey mahafinaritra ery ny mahita izany hoe ny olona rehetra miaraka miditra amin'ny fo iray. Na izany aza, isika dia tokony tsy hiraharaha ireo izay tsy manao fa hihazona ny fijerintsika amin'ny fikambanan'ny tenan'ny mino. Indraindray afaka ny



hikarakara azy ireo isika amin'ny fotoana voatokana dia hampianatra azy sy hampahery azy mba hananany finiaavana handray anjara.

## **Hazonny Hihiratra ny Masonao**

Rehefa manakimpy maso ianao, dia akimpinao amin'ireo olona izay tokony tarihinao ao amin'ny fitsaohana ny masonao. Arakaraka ny handrosoan'ny fiderana ny mpitarika dia tokony ho malina ny amin'ny zava-misy sy hoe aiza izao ny olona amin'ny fanahy.

Ny mpitarika dia tsy tokony ho tonga olona “very ao amin'ny Fanahy” ka veriny koa ny fifandraisany amin'ny olona tarihiny. Ho an'ny mpitarika, ny ora tokony “hahavery” azy, dia amin'ny fotoana rehefa manao fitsaohana mitokana izy na rehefa olon-kafa no mitarika eo.

Tariho sy ampaherezo ny olona amin'ny alalan'ny fijerinao. Ny ampahany amin'ny fanomezam-pahasoavana ananan'ny mpitarika dia ny mahay miditra eo amin'ny tena fiankohofana marina sady mahay mijery koa ireo tarihina.

## **Aza Mitori-teny**

Ny fotoanan'ny fiderana sy fiankohofana dia tsy fotoana hijanonana ka “hitoriana teny.” Teny fampaherezana fohy dia efa ampy hitarihana ny olona amina fiderana avo. Aza tapahina ny fotoam-bavaka na laniana amin'ny filazana resaka tsy mitondra amin'ny hetsiky ny Fanahy Masina eo amin'ny fiderana sy fitsaohana.

## **Miala Amin'ny Fahadisoana**

Tsarovy fa isika dia “mpianatra” ary ny manao fahadisoana dia isan'ny lalan'ny fianarana. Aza mametraka ny tenanao ho amin'ny fanamelohana. Aoka ianao ho marina amin'ny olona raha nisy hadinoinao ny toro-lalan'Andriamanitra, dia tohizo ny lalana izay hitarihan'Andriamanitra anao.

Indraindray aorian'ny asa, dia makà fotoana, irery, iresahana amin'Andriamanitra ny amin'izany zavatra izany. Ambarao Aminy hoe taiza ianao no diso. Angataho Aminy ny fahaizana mamantatra mba ho hainao ny miala amin'izany raha miverina mitranga indray io fahadisoana io.

Fa ambonin'ny zavatra rehetra, avelao Izy hiresaka sy hampahery anao ny amin'ny zavara tsara vitanao! Omeo malalaka ho Azy ny sehatra hampianatra anao, amin'ny fitiavana, ao amin'ny lalan'ny Fanahy Masina. Raiso ny torolalany dia ario ny fanamelohana rehetra entin'ny fahavalo.

**Romana 8:1,2a Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina...**

Raha ilaina izany, tadiavo ary anontanio ny hevitra ny mpanompon'Andriamanitra na ireo loholona.

## **NY FIVORIAM-PIDERANA**

---

### **Ampaherezo Ny Olona**

Tena tsara ny mampahery ny olona hidera an'Andriamanitra. Aoka izy tsy hoe hidera an'Andriamanitra dia ataony fahazarana fotsiny ihany na koa ho fanalana andro. Aoka izy hihira fiderana ho an'ny Tompo sy hiditra tanteraka eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ao anatin'ny fiankohofana tanteraka.

### **Atomboy Amin'ny Fanati-Pisaorana**

Alohan'ny ahafahana midera tsara an'Andriamanitra; dia mila aloha isika miditra ao amin'ny toeran'ny fiderana.

**Salamo 100:4 Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana. Misaora Azy, mankalazà ny anarany,**

### **Midira Ao Amin'ny Fiderana**

Ny fotoana maharitra lany ao anatin'ny fiderana sy ny fitsaohana dia miseho ao amin'ny "kianja". Eto dia tokony ho afaka haneho fihetsika na feo ho an'Andriamanitra ny amin'ny fitahiana maro nataony ny tsirairay.

### **Tohizo Amin'ny fitsaohana**

Aoka ianao hanaiky hotarihin'ny Fanahy Masina araka ny fotoana napetraka ny amin'ny zavatra rehetra ary manomboha mampandroso ny olona ao anatin'ny tena fiderana marina, lalina sy akaiky an'Andriamanitra ny amin'ny maha Izy Azy.

### **Araho Ny Hosotra**

Aoka ianao ho vonona hametraka ny planinao, eny fa na dia nandany fotoana ela aza ianao tamin'ny fikarakarana azy. Afaka dinganinao koa ny hira sasany dia maka fotoana elaela amina hira hafa.

Rehefa misy hosotry ny Fanahy Masina mahery miha midina, dia aza maika ny hanao hira hafa. Mijanona eo raha mbola mitombo ny hosotra. Tohizo hatrany ny mamerimberina io hira io mba ahafahan'ny Fanahy mamita ny asany izay itondrany ny fiangonana ao anatin'ny fiderana mavesatra na koa miezaha mitarika azy ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra.

### **Ny Fanomezam-Pahasoavana Ara-Pe**

Ampaherezo ny fahafahana maneho ny fanomezam-pahasoavana ara-peo avy amin'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiangonana. Tokony hanisy fotoana foana isika ho

an'Andriamanitra hitenenany ho an'ny olony amin'ny alalan'ny teny tsy fantatra sy ny fandikan-teny na koa ny faminaniana.

**1 Korintiana 12:7-10** Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa: fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra.

Misy olona mety manana teny fampaherezana fohy, andinin-tsoratra Masina na hira avy amin'ny Fanahy.

**Salamo 40:3** Ary nanisy fihiram-baovao teo am-bavako lzy, dia fideràna an'Andriamanitsika; maro no hahita sy hatahotra, ary hatoky an'i Jehovah.

Ny mpitarika dia tokony hihazona ny fahefana ara-panahy eo amin'ny fivoriana amin'ny fotoana rehetra. Any amin'ny fiangonana lehibe, dia angatahina ireo olona izay manana hafatra holazaina hananga-tanana na hanatona ny iray amin'ny loholona mba ho fantatra hoe iza izy alohan'ny anambarany ny hafatra.

Mety mila mampiasa fanamafisam-peo (micro) na asaina hiteny mafy ilay olona ahafahan'ilay hafatra ho ren'ny fiangonana manontolo.

## Ho Fampianarana

Ny zavatra rehetra dia natao ho fampandrosoana hiombonana. Ny tranga rehetra ara-tSoratra Masina dia aradalàna sy madio, fa ny zavatra rehetra izay atao dia tokony ho fampandrosoana izay rehetra vory eo.

**1 Korintiana 14:26** Ahoana ary no izy, ry rahalahy? Raha miangona ianareo, misy ta-hanao hira ianareo, misy ta-hanao fampianarana, misy manana fanambarana, misy manana fiteny tsy fantatra, misy manana fandikan-teny. Aoka ny zavatra rehetra hatao ho fampandrosoana.

## Tandremo Ny Fikotranana

Andriamanitra dia tsy tompon'ny fikotranana.

**1 Korintiana 14:33a** Fa Andriamanitra tsy tompon'ny fikotranana, fa tompon'ny fiadanana...

Raha manomboka miditra ao anatin'ny fikorontanana ny fotoam-bavaka, dia mihetseha dia tariho hiala ao izy. Raha ilaina, dia ajanõny dia azavao amin'ny olona izay mitranga, hampahazava ny zava-misy. Ampiasao ireny fotoana ireny

hampianarana ny olona ny amin'ny fomba tsara handrosoana ao amin'ny Fanahy.

### **Sorohy Ny Faninganana Sy Ny Mifanohitra Amin'ny Mahazatra**

Raha misy maningana amin'ny fikorianan'ny Fanahy Masina amin'izay fotoana izay, ny mpitarika dia tokony ho lehibe ara-panahy hamantatra sy hijery akaiky ny tranga tsy amin'ny fampijanonana izany fikorianana izany.

Mivavaha ary velaro ny fanomezam-pahasoavana "mahafantatra fanahy samy hafa." Mianara koa mba ho malina amin'ny fotoanan'Andriamanitra. Ny maningana dia mety ho fanehoana mahafinaritra-na fanomezam-pahasoavana filazana teny avy amin'ny Fanahy Masina na hiram-panahy saingy tsy mipetraka tsara anatin'ny fotoanan'Andriamanitra.

Ny mpitarika fiderana dia tokony hanana finoana, fahatokiana, fahamailoana, fahendrena, fahasoavana sy fahaizana mamerina indray ny fivoriana ho ao amin'ny hosotra sy ny filatsahan'ny Fanahy Masina tsi-moramora sy amin'ny fitiavana.

### **Miray Amin'ny Fanahy**

Ny mpitarika fiderana sy fitsaohana dia hametraka firaisana aminy sy ny fiangonana, amin'ny olona ao amin'ny fiangonana, ary eo amin'ny tenan'I Kristy sy ny Fanahy Masina. Ary arakaraky ny maha mahery vaika an'io firaisan'ny Fanahy io, ny fiankohofana marina ho an'Andriamanitra dia hanomboka hiparitaka amin'ny refy lehibe.

### **Ny Ora**

Ny mpitarika fiderana dia tokony ho malina hijanona amin'ny ora efa napetraky ny mpanompon'Andriamanitra na ny loholona. Raha mihoatra ny fetran'ny fiderana sy fiankohofana napetraka ny fihetsiky ny Fanahy Masina, dia makà fanambarana amin'ny Fanahy sy fahefana avy amin'ny mpanompon'Andriamanitra na ny loholona izay tompon'andraikitra voalohany amin'ny fotom-bavaka alohan'ny hanohizana azy.

### **Ho Famaranana**

Any amin'ny famaranan'ny fotoam-piderana sy fiankohofana, aoka ianao hotarihin'ny Fanahy Masina ny amin'ny fomba hamelana moramora ny mpiankohoka tsirairay eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Aorian'ny fitondrana ny fiangonana hiditra teo amin'ny vavahady amin'ny fanati-pisaorana sy ny fahatsapana lehibe hita tao amin'ny kianja, ary avy eo nitondra azy moramora tao amin'ny fahagagana sy fitokanana teo amin'ny

fanatrehan'Andriamanitra tamin'ny fitsaohana avy amin'ny fo, dia midika izany fa noentinao teo an-tanan'ny Tompo izy.

Tandremo ny manakorontana ny zavatra miseho eo amin'ny fiainana sy fanahin'ny mpino tsirairay amin'io fotoana manokana, aoka ny tsirairay, eo amin'ny famaranana ny fiankohofana, hanana fotoana mangina eo amin'ny voninahitry ny Fanatrehany.

Rehefa miala eo ianao, dia fantatrao fa nisy fiovam-piainana tanatin'iny fivoriana iny; ka tamin'ny fahaizanao dia nitarika ny mpino hafa hahatsapa ilay fifaliana tsy hay lazaina momba ny fiderana sy fiankohofana izay nitondra fahafinaretana lehibe ho an'Andriamanitra ianao.

## **FANONTANIANA FAMERENANA**

---

1. Milazà sasany amin'ireo fanomanana tokony hataon'ny mpitarika fiderana mahay alohan'ny fanombohan'ny fiderana sy fiankohofana.
2. Manomeza ohatra iray amin'ny fomba ahafahan'ny mpitarika fiderana mahomby kokoa amin'ny fitarihana olona ho amina ahavo-na fiderana sy fiankohofana lehibe kokoa.
3. Hazavao ny dikan'ny hoe “manaraka ny hosotra” mandritra ny fiderana sy fitsaohana.